# MSM

MALAGASY

www.iBFAM.org

MAMOKARA SY MITOMBOA +

## *FANTARO IREO ZAVA-MIAFINA AO AMIN'NY BAIBOLY*

MANOMBOHA MIAINA NY FIAINANA BE DIA BE IZAY NOMANIN'ANDRIAMANITRA HO ANAO



## FITAOVANA FIANARANA BAIBOLY MORA AMPIHARINA SY FANDAHARAM-PIANARANA

*IZAY HAMAHA IREO ZAVA-MIAFIN'NY BAIBOLY*

*Fanoharana no nilazan'i Jesosy izany zavatra rehetra izany tamin'ny vahoaka, ary tsy nisy nolazainy taminy, afa-tsy tamin'ny fanoharana, mba hahatanteraka izay nampilazaina ny mpaminany hoe: "Hiloa-bava hilaza fanoharana Aho; Hanambara zavatra izay nafenina hatrizay nanorenana izao tontolo izao Aho" (MATIO 13:34-35)*

## MAMOKARA SY MITOMBOA

FITAOVANA FIANARANA BAIBOLY MORA AMPIHARINA SY FANDAHARAM-PIANARANA

**BOKIN'NY MSM + IREO LESONA MIFAMPITOHY TENA ILAINA**

Navoakan'ny:

**Every Home for Christ** International
www.iBFAM.org

Zon'ny mpamorona©2012 nataon'ny  Every Home for Christ

Omena fahazoan-dalana hamokatra sy hizara ity boky ity hianao mba:
* Hanajàna ara-dalàna ny mpanoratra, dia ny Every Home for Christ International.
* Ny Every Home for Christ dia ampahafantarina ny toerana sy ny fomba ampiasàna ny boky.
* Tsy amidy amin'ny vidiny mihoatran'ny lany tamin'ny fanontana azy izy ity.

Ny dikan-teny sy ny fandraisana ny teny ifanaraka amin'ny tontolo manodidina azy dia ezahina mba:
* Amin'ny alalan'ny Every Home for Christ International no handrindra ny fandikan-teny.
* Ny Every Home for Christ International no nahazo ny fankatoavana ho tompon'ny zon'ny mpamorona amin'ny dikan-teny rehetra sy `versiona'.
* Eken'ny Every Home for Christ ny fandraisana ny hevitra ato anatiny.
* Omena ny Every Home for Christ ho tahiry sy ho zaràna ny dika mitovy farany
(raha azo atao dia vita printy sy dika soratra).

Ny leson'ny **MSM** dia mifototra amin'ny fomba fiasa amin'ny fanaovam-pianatra, izay tokony ho azo tsara, mba hahazoana ny tombontsoa be indrindra avy amin'ny lesona tsirairay. Raha tsy nahazo fiofanana manokana hianao amin'ny fomba fampiasàna ny **MSM**, dia mba mifandraisa amin'ny **Isan-Tokantrano ho an'i Kristy**, mba hahafahana mandamina fotoana hiofanana.

Ny Soratra Masina rehetra, raha tsy voalaza mialoha, dia avy amin'ny Biaboly Malagasy®
Zon'ny mpamorona© avy tamin'ny Fikambanan'ny Mampiely Baiboly Maneran-tany.

Naparitaky ny ® **Every Home for Christ International.**

# MSM Fanoroam-pejy

## BOKIN'NY MSM


Fampahafantarana ny MSM........................................................................Pejy 3

Fampidirana ho amin'ny Tantara................................................................Pejy 4

Fantaro ny Tantara ........................................................................Pejy 5

Ataovy izay hahatakarana ny Tantara......................................................Pejy 6

Trandraho ireo Fahamarinana..................................................................Pejy 7

Toetra Mampiavaka ny MSM......................................................................Pejy 9

Voafaritra ny Dingana ataon'ny MSM........................................................Pejy 11

Lesona Fampiharana...............................................................................Pejy 12

Fitondrana Vondrona Atao Mpianatra........................................................Pejy 15

Ireo lesona Mifampitohy Tena ilana..........................................................Pejy 16

Ny Fivoaran'ny MSM...............................................................................Pejy 17


## IREO LESONA MIFAMPITOHY ILAINA


**Antontan-desona 1: ILAY VATOFEHIZORO..........................................................Pejy 19**

*Fifandraisana Mivitrana*

**Antontan-desona 2: NY FOTOTRA..........................................................Pejy 33**

*Mitoera ao amin'i Kristy*

**Antontan-desona 3: NY RINDRINA..........................................................Pejy 47**

*Fiainana Be dia Be*

**Antontan-desona 4: NY TAFO..........................................................Pejy 61**

*Ireo Fahamarinana Tena Ilaina*

# *Fampahafantarana ny*
## MAMOKARA SY MITOMBOA

Ny fianarana “Mamokara sy Mitomboa” **(MSM)** dia fomba fanaovam-pianatra sy fandaharam-pianarana natao hanampiana ireo mpanara-dia an'i Kristy sy ireo maniry ho tonga mpanara-dia an'i Kristy, hahatakatra ny fifandraisana manokana, izay afaka ho azony amin'ny fifandraisana amin'ilay tena Andriamanitra velona. Ny **MSM** dia fianarana natao hanehoana amin'ireo mpanara-dia an'i Kristy ny fiainana be dia be afaka ho azony, amin'ny fifandraisana amin'i Jesosy.

Noforonina hifandray ny olombelona. Zava-dehibe ankoatr'izany, natao hanana fifandraisana amin'Andriamanitra ny olombelona. Ny vokatry ny ota dia fahatapahan'ny fifandraisana amin'ny samy olombelona sy amin'Andriamanitra. Ny fahatapahan'ny fifandraisantsika dia miteraka tsy firindràna eo amin'ny samy olona, eo amin'ny voahary rehetra ary amin'Andriamanitra. Noho izany antony izany no hahatsapantsika ny ady, mosary, herisetra, rofy, aretina, mpanapaka miolakolaka, fiaraha-monina tsy marina eto amin'izao tontolo izao. Miaina ao anatin'ny fahatapaham-pihavanana isika noho ny ota. Raha tsy misy fahalalana ny fomba hamongorana ny ota sy hamitranana fihavanana, dia fiainam-pamoizam-po no anjarantsika.

Ny Vaovao Mahafaly dia izao: nanao lalana Andriamanitra hamafàna ny ota sy hamitranana ny fihavanana. Ny **MSM** dia mikatsaka ny hampianatra ny olona ny fomba famaky sy fahitana ny Vaovao Mahafaly hita ao amin'ny Teny Masin'Andriamanitra, dia ny Baiboly izany. Rehefa voatrandraky ny olona ny Vaovao Mahafaly hita ao amin'ny Tantara ao amin'ny Baiboly, dia hiseho ireo fahamarinana ara-baiboly tsy maintsy ilaina. Ireo fahamarinana ara-baiboly tsy maintsy ilaina ireo no mahatonga ilay mpanara-dia an'i Kristy hiaina amin'ny fifandraisana lalina kokoa amin'Andriamanitra. Ny fomba fiasan'ny **MSM** hitrandrahana ireo fahamarinana ara-baiboly ireo, dia manampy hitarika ny olona hahalala ny fomba fianatra sy fahatakarana ny Baiboly.

Ao amin'ny Baiboly Andriamanitra dia nanome toky ireo izay tena mikatsaka ny hahalala ny marina: “Mangataha dia homena hianareo; mitadiava dia hahita hianareo, dondòny dia hovohana hianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo, ary izay mitady no hahita, ary izay mandòndòna no hovohana”. (Matio 7:7-8). Ny fampianarana **MSM** dia mampianatra ny olona ny fomba fangataka, fitadiavana, ary ny fandondonana. Mampianatra ny olona ny fomba famaky ny Baiboly sy fitadiavana ny fahamarinan'Andriamanitra izy ity. Ny marina dia namafa ny otantsika Andriamanitra ary te-hamerina amin'ny laoniny ny fifandraisantsika. Ho an'ireo izay tsy miolakolaka amin'ny fitadiavana ny fahamarinan'Andriamanitra, sy miaina ireo fahamarinana hita ao amin'ny Baiboly, dia nampanantenaina fa havitrana indray ny fihavanany amin'Andriamanitra. Rehefa mivitrana ny fihavanan'ny olona amin'Andriamanitra, dia afaka miaina fiainana be dia be izy.

Ny antony nanomezana ity fampianarana ity ny lohateny hoe **”Mamokara sy Mitomboa”** dia izao: ny dingana voalohany amin'ny fivelomana fiainana mifandray amin'Andriamanitra, dia ny fiaikena fa noforonin'Andriamanitra hivelona fiainana mamokatra isika. Nantsoina hivelona fiainana mamokatra sady ara-batana no ara-panahy isika (Jereo Genesisy 1:27-28 sy Matio 28:18-20).

Mitovy amin'ny mikarakara ny zanatsika ara-nofo mba ho matotra, isika koa dia tompon'andraikitra amin'ny fitomboan'ny zanatsika ara-panahy, amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy antsika. Ohatra: ny olona sy ny vondrona mpianatra izay mitombo amin'ny fahamatorana ara-panahy dia hanao mpianatra, hitarika, ary hanitsy ny hafa, araka ny marina sy ny fahefan'ny Tenin'Andriamanitra. Ny ifantohana sy tanjona faran'ny **MSM** dia ny hampivoatra fiainana matotra sy mamokatra, satria ny fiainana feno vokatra dia hitarika amin'ny fampitomboana ara-panahy.

# *FAMPIDIRANA HO AMIN'NY TANTARA*

Ny leson'ny MsM rehetra dia mifantoka amin'ny tantara samihafa avy ao amin'ny Baiboly. Noresahan'i Jesosy fa ny tantara sy ny fanoharana nataony dia "zavatra izay nafenina hatry ny nanorenana izao tontolo izao" (Matio 13:34-35). Nisy zava-miafina nafenin'Andriamanitra ao amin'ny tantara ao amin'ny Baiboly, ary nokendreny mba isika no hahita sy hamaha izany zava-miafina izany.

Ireo lesona ao amin'ny MsM miaraka amin'ny fomba fianatra MsM dia hanampy anao hamaha ireo zava-miafina ireo ary hanome anao fomba fampiharana hahazoana mampihatra ny fahamarinany amin'ny fiainanao andavanandro. Rehefa ampiharinao ireo fahamarinana hita ao amin'ny Baiboly, dia hitondra anao ho amin'ny fifandraisana lalina kokoa amin'Andriamanitra sy hiteraka fiainana feno ny fitiavana sy fifaliana ary fiadanana izany.

Nomenay ireto fanoharana avy ao amin'ny Baiboly ireto, hanehoana an-tsary ny fomba fampiasa ny fianarana MsM sy hanehoana ny dikan'ny tantara ao amin'ny Baiboly. Aorian'ny famakianao ny Fampidirana ho amin'ny Tantara ao amin'ny Baiboly sy ny Tantara ao amin'ny Baiboly, dia hotarihina amin'ny alalan'ny fanontaniana sivy mifanesy hianao, izay hanampy anao hanokatra ny salobona mandrakotra ireo fahamarinana mahery vaika afenin'ny tantara. Alohan'ny hanombohanao, dia makà fotoana ary mangataha amin'Andriamanitra hanampy anao hahita ireo fahamarinana miafina ireo.

Fampidirana ho amin'ny tantara ao amin'ny Baiboly:  Niaiky ireo sakaizan'i Jesosy fa nanana fifandraisana tena akaiky tamin'Andriamanitra Izy. Matetika izy ireo no mahatsikaritra fa mandàny fotoana mitokana mivavaka amin' Andriamanitra Jesosy. Nahatsapa koa izy ireo fa vokatry ny fifandraisan'i Jesosy akaiky amin'Andriamanitra dia nanam-pahendrena kokoa noho ny olona hafa rehetra Izy, ary nanana hery nanaovana fahagagana. Indray andro dia nanontany an'i Jesosy ireo sakaizany mba hampianatra azy ireo ny fomba fivavaka. Ho famaliany ny fangatahan'izy ireo, dia nomen'i Jesosy ireo teny ho amin'ny vavaka tena tsotra, anehoany azy ireo ny fomba fivavaka. Tamin'ny famaranana ny vavaka, dia nilaza tamin'ireo sakaizany an'izao fanoharana manaraka izao Jesosy.

Ary hoy Jesosy taminy: Iza moa aminareo no manana sakaiza, izay hankeo aminy mamatonalina ka hanao aminy hoe: Ry sakaiza, ampisambory mofo telo aho; fa ny sakaizako nandeha tamin'ny nalehany, dia tonga atsy amiko, ka tsy misy izay hafahako azy; ary ilay ao an-trano kosa hamaly ka hanao hoe: Aza manahirana ahy; fa efa mihidy ny varavarana izao, ary ny zanako mandry eto ampandriana eto amiko; tsy afaka hifoha hanome anao aho? Hoy Izaho aminareo: Na dia tsy hiainga hanome azy noho ny fisakaizana aza izy, dia hifoha ihany izy noho ny fitarainany fatratra ka hanome azy izay ilainy. Ary hoy izaho aminareo: Mangataha, dia homena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo; dondòny, dia hovohana hianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandòndòna no hovohana. Fa iza moa aminareo izay ray, raha angatahan'ny zanany mofo, no hanome azy vato? ary raha angatahany hazandrano, no hanome azy menarana ho solon'ny hazandrano? ary raha angatahany atody, no hanome azy maingoka? Koa raha hianareo na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy. (Lioka 11:5-13)

Voavakinao ilay tantara izao, dia ho entinay ho amin'ny dingana telo mifanarakaraka hianao, izay hitondra anao ho amin'ny fitrandrahana ara-baiboly mazava. Misy Fanontaniana 3 ao anatin'ireo Dingana 3 tsirairay, izay Fanontaniana 9 ny fitambarany. Ny dingana voalohany dia hanampy anao HAHALALA ny tantara. Ny dingana faharoa dia hanampy anao HAHATAKATRA ny tantara. Ny dingana fahatelo dia hanampy anao HITRANDRAKA ireo fahamarinana miafina ao amin'ny tantara. Mety haka fotoana betsaka araka izay ilainao hianao, mba hamakivakianao ny dingana am-bavaka.

# DINGANA 1- FANTARO NY TANTARA – MANGATAHA

Alohan'ny hahaizanao mitrandraka ireo zava-miafina hita ao amin'ny tantara ao amin'ny Baiboly na ny fanoharana, dia tsy maintsy "FANTATRAO" aloha ny tantara. Ny tantara rehetra dia manana toetra iraisana. Raha tsy misy an'ireo toetra ireo, dia tsy feno ny tantara. Ireto manaraka ireto ireo toetra / fiseho telo ilaina ireo:

1. Iza avy ireo ***Mpandray Anjara*** ao amin'ny tantara?
2. Inona avy ireo ***Hetsika*** ataon'ireo mpandray anjara ireo, ao amin'ny tantara?
3. Inona avy ireo ***Antsipiriany*** ao amin'ny tantara?

Raha vitanao ny mamantatra ireo mpandray anjara, ireo hetsika ataony, ary ireo antsipiriany manokana ao amin'ny tantara iray, dia ho ***FANTATRAO*** ilay tantara. Hamantatra ireo mpandray anjara, hetsika, ary antsipiriany ao amin'ny tantara vao avy novakiantsika isika. Ny fampiasana penina na pensilihazo dia mila fotoana fohy hanaovana izao manaraka izao;

- Tadiavo dia tsipiho in-droa ireo mpandray anjara tsirairay. Olona ny mpandray anjara. Rehefa fantatra ny mpandray anjara iray, dia tsy ilaina tsipihina intsony iny mpandray anjara iny isaky ny miseho ao amin'ny tantara.
- Tadiavo dia tsipiho ny hetsika na matoanteny tsirairay. Ny matoanteny dia hetsika na tranga.
- Tadiavo dia tsipiho miolanolana ireo antsipiriany manokana na misy heviny.

Ity eto ambany ity no ohatra amin'ny fomba ijerena io tantara eo ambony io, aorian'ny nampiasanao ny tsipika, tsipika roa sosona, ary tsipika miolanolana:

"*Ary hoy Jesosy taminy: Iza moa aminareo no manana sakaiza, izay hankeo aminy mamatonalina ka hanao aminy hoe: Ry sakaiza, ampisambory mofo telo aho; fa ny sakaizako nandeha tamin'ny nalehany, dia tonga atsy amiko, ka tsy misy izay hafahako azy; ary ilay ao an-trano kosa hamaly ka hanao hoe: Aza manahirana ahy; fa efa mihidy ny varavarana izao, ary ny zanako mandry eto am-pandriana eto amiko; tsy afaka hifoha hanome anao aho? Hoy Izaho aminareo: na dia tsy hiainga hanome azy noho ny fisakaizana aza izy, dia hifoha ihany izy noho ny fitarainany fatratra ka hanome azy izay ilainy. "Ary hoy izaho aminareo: Mangataha dia homena hianareo, mitadiava dia hahita hianareo; dondòny dia hovohana hianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandòndòna no hovohana. "Fa iza moa aminareo izay ray, raha angatahan'ny zanany hazandrano no hanome azy menarana ho solon'ny hazandrano? Ary raha angatahany atody no hanome azy maingoka? Koa raha hianareo na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?" Lioka 11:5-13*

Amarino fa hitanao avokoa ireo mpandray anjara 9 ao amin'ny tantara. Ity manaraka ity ny lisitr'ireo mpandray anjara ao amin'ny tantara:

- Jesosy
- Hianareo
- Ilay sakaizanao voalohany nangatahanao mofo
- Ilay sakaizanao faharoa ao anatin'ny diany
- Ireo ankizy tao am-pandriana
- Izay mangataka, mitady, ary mandondòna
- Ny zanakao lahy
- Ray izay any an-danitra
- Fanahy Masina

***Hainao*** izao ilay tantara satria fantatrao ireo mpandray anjara, ny hetsika nataony ary ireo antsipiriany manokana ao amin'ny tantara. Makà minitra vitsy hahitàna raha vitanao ny mamerina mafy na moramora ao an-tsainao ny tantara, fa tsy mijery ny tantara. Ho voamarikao avy hatrany fa tsy vaovao aminao ny tantara.

# DINGANA 2- TAKARO NY TANTARA - MITADIAVA

***FANTATRAO*** ny tantara izao, dia hikatsaka ny ***HAHATAKATRA*** ny maha-zava-dehibe sy ny dikan'ny tantara hianao. Ny fomba tsara indrindra hahatakarana ny dikan'ny tantara dia ny fifantohana amin'ny fomba fijerin'ny mpandray anjara tsirairay ao amin'ny tantara. Ato amin'ity dingana ity dia misy lanjany ny "maka ny toeran'ny" mpandray anjara tsirairay, mba hiezaka ho eo amin'ny toerany. Mba hanaovana izany, dia mametraka antontam-panontaniana telo. Ireto manaraka ireto dia fanontaniana telo hapetraka mikasika ny mpandray anjara tsirairay:

1. Inona no ***Fihetseham-po*** mety hiainan'ny mpandray anjara tsirairay?
2. Inona avy ireo ***Safidy*** ananan'ny mpandray anjara tsirairay?
3. Inona avy ny ***Antony*** manosika ireo mpandray anjara tsirairay amin'ny safidiny?

Ohatra, rehefa mipetraka eo amin'ny toeran'ilay mpandray anjara faharoa ao amin'io tantara eo ambony io hianao, dia hianareo izany, inona no **fihetseham-po** mibahana tsapanao eny am-pandehanana ho any an-tranon'ny namanao, amin'ny mamatonalina, mba hangataka mofo? Mitebiteby ve hianao? Feno tahotra ve hianao? Inona no mety fihetseham-po tsapanao?

Rehefa avy nandinika ireo fihetsehampo mibahana/mety ho tsapan'ny mpandray anjara iray hianao, dia raiso hoe inona ireo ***safidy*** mety ho nataony. Raha raisina io mpandray anjara io hianao, inona koa ireo ***safidy*** hafa mety ho nataonao ankoatry ny fankanesana any amin'ny sakaizanao amin'ny mamatonalina sy hangataka mofo? Mety ho niandry hatramin'ny maraina ve hianao hangataka mofo? Mety ho niteny tamin'ny namanao izay nandeha lavitra ve hianao hoe tsy manana sakafo homena azy? Isika rehetra dia samy manana safidy isan-karazany eo amin'ny toe-javatra misy eo amin'ny fiainana. Manampy ny mandinika izay safidy azo raisina ampitahaina amin'ny safidy noraisina ao amin'ny tantara.

Rehefa mandinika ireo karazana safidin'ny mpandray anjara iray hianao, dia tokony mitady ny hahatakatra ny ***antony manosika*** ao ambadiky ny safidy izay nataon'ny mpandray anjara tsirairay. Dia mbola iny mpandray anjara iny ihany no raisina, raha feno tahotra (fihetseham-po) hianao, amin'ny hoe manatona ny sakaizanao amin'ny mamatonalina, kanefa resinao ny tahotrao dia mandondòna any am-baravaran'ny sakaizanao hianao, dia inona ny ***antony*** tena mahery vaika ***manosika anao*** ao ambadik'izany, ka nahafahanao nandresy ny tahotra, ka mahatonga anao mifidy ny handondòna varavarana? Moa ve fitiavana sy indrafo amin'ny namanao? Moa ve adidy noho ny fiandrandrana zavatra? Inona ny ***antony manosika*** anao hisafidy izany?

Mitondra anao mihoatra ny ***FAHALALANA*** ny tantara ny fametrahana fanontaniana mikasika ny fihetseham-po, ny safidy, ary ny antony manosika hanao zavatra. Manome anao ***FAHATAKARANA*** ny maha-zava-dehibe ny tantara izy ireo. Tokony hapetraka amin'ny mpandray anjara tsirairay ao amin'ny tantara ireo fanontaniana ireo. Ohatra, manahoana ny **fihetseham-pon'ny sakaizanao** rehefa nandondòna tao am-baravarana hianao, hitady mofo tamin'ny mamatonalina? Nanana **safidy** ve ilay namanao hanome na tsy hanome mofo? Dia avy eo, diniho ireo **safidy** azon'ny namanao atao, mba hanomezany anao ny mofo tadiavinao.

Rehefa mipetraka eo amin'ny toeran'ny mpandray anjara tsirairay hianao, amin'ny alalan'ny fametrahana ireo fanontaniana telo mikasika ny fihetseham-po, safidy ary antony manosika ireo, dia hahamarika fa lasa velona ilay tantara. Matetika rehefa mandre tantara isika, dia mandeha ho azy ny mandinika ny fihetseham-po, safidy ary antony manosika ny mpandray anjara, fa tsy tsikaritra akory hoe izay ilay izy. Ny tena dikan'ny tantara iray dia mipoitra amin'ny alalan'ireo fanontaniana telo ireo. Amin'ny alalan'ireo fanontaniana ireo no hahafahantsika mitady sy ***MAHATAKATRA*** ireo fahamarinana ao amin'ny tantara.

## DINGANA 3 - TRANDRAHO IREO FAHAMARINANA- DONDONY

Satria efa nandalo ireo Dingana 1 sy 2 hianao mba **AHALALA** sy **AHATAKATRA** ny tantara, dia tonga ato amin'ny dingana fahatelo isika, dia ny ***FITRANDRAHANA*** ireo fahamarinana miafina ao amin'ny tantara. Tadidio fa, arak'ity fanoharana ity, dia milaza Jesosy fa, “raha *MANGATAKA* hianao dia mahazo, raha *MITADY* hianao dia mahita ary raha **MANDONDONA** dia hovohana ny varavarana.” Ao amin'ny Dingana 1 isika dia mametraka fanontaniana telo izay nanampy antsika hatakatra ny tantara. Ao amin'ny Dingana 2 isika dia MITADY ny hamantatra ny mpandray anjara tsirairay avy. Ankehitriny ato amin'ny dingana 3 isika dia te-**HANDONDONA** ao am-baravaran'Andriamanitra sy miandrandra Azy hanokatra ny varavarana ary hampipoitra ireo zava-miafina hita ao amin'ny tantara.

Nampianatra antsika Jesosy fa ny fampianarana rehetra ao amin'ny Soratra Masina dia azo fintinina ao anaty didy anankiroa. Ny didy voalohany dia ny mitia an'Andriamanitra amin'ny fo rehetra, ny fanahy rehetra, ny saina rehetra ary ny hery rehetra. Ny didy faharoa dia ny mitia ny hafa tahaka ny tena. Ny dikan'izany dia izao: ny tantara rehetra ao amin'ny Baiboly dia manana ny sandany hampianatra antsika hevitra ara-baiboly sy hetsika mety izay hitarika antsika ho amin'ny fahatakarana ny fomba hahafahantsika mitia an'Andriamanitra amin'ny fo, fanahy, saina sy hery rehetra, ary ny fomba hitiavana ny hafa tahaka ny tena.

Ny dingana fahatelo dia ahitana fanontaniana 3 izay hanampy hampipoitra ny zava-miafina hita ao amin'ny Tantara ao amin'ny Baiboly. Tsotra izy ireo, kanefa fanontaniana lalina:

1. Inona ireo hevitra ara-baiboly sy hetsika mety hita ao amin'ny tantara.
2. Inona no ampianarin'ity tantara ity ahy mikasika an'Andriamanitra, ka hanampy ahy ho tia azy amin'ny foko, fanahiko, saiko ary heriko rehetra?
3. Inona no ampianarin'ity tantara ity ahy mikasika ny fitiavana ny hafa?

**Fanontaniana Fitrandrahana 1:**
Araka ny fandinihanao ny tantara, inona avy ireo hevitra sy hetsika marina ara-baiboly? Mety ve ny miteny fa maniry antsika hangataka, hitady ary handondòna Andriamanitra? Hetsika ara-baiboly mety ve izany? Inona koa no hitanao ao amin'ny tantara ka mampianatra antsika mikasika ny hevitra sy ny fihetsika mety? Makà minitra vitsy hanaovana ny lisitra:

____________________________________________________________

____________________________________________________________

____________________________________________________________

**Fanontaniana Fitrandrahana 2:**
Rehefa hitanao ireo hevitra sy hetsika mety ara-baiboly, dia mipetraka ny fanontaniana faharoa hoe: “Inona no ampianarin'ity tantara ity ahy mikasika an'Andriamanitra, ka hanampy ahy ho tia an'Andriamanitra amin'ny foko, fanahiko, saiko ary heriko rehetra?” Raha mandinika ny tantara hianao, moa ve mety ny milaza fa ity tantara ity dia mampianatra antsika, mba hahatonga antsika hijery an'Andriamanitra toy ny ray tsara? Inona koa no ampianarin'ity tantara ity mikasika an'Andriamanitra, ka hanampy antsika ho tia Azy bebe kokoa?

__________________________________________________________________

__________________________________________________________________

__________________________________________________________________

**Fanontaniana Fitrandrahana 3:**

Mipetraka ny fanontaniana farany hoe: “Ahoana no fomba itondrantsika ny hafa?” Rehefa mandinika ny tantara hianao, inona no ianaranao mikasika ny tenanao? Ary inona no ianaranao mikasika ny fomba itondranao ny hafa? Nilaza Jesosy ny mba itiavantsika ny hafa amin'ny fitiavana tsy misy valaka amin'ny fitiavantsika ny tenantsika.

______________________________________________________________________________

______________________________________________________________________________

______________________________________________________________________________

**Famintinana:** Raha ampiharinao amin'ny tantara rehetra ao amin'ny Baiboly ireo fanontaniana 9 ireo, dia hanampy anao ***HAHALALA*** ny tantara, ***HAHATAKATRA*** ny tantara, ary farany ny ***HITRANDRAKA*** ireo zava-miafina ao anatin'ny tantara izy ireo. Ireto manaraka ireto ny lisitra famintinana ireo Fanontaniana 9 ireo:

***FANTARO NY TANTARA***

1. ***Mpandray anjara***
2. ***Hetsika***
3. ***Antsipiriany***

***TAKARO NY TANTARA***

4. ***Fihetseham-po***
5. ***Safidy***
6. ***Antony manosika***

***TRANDRAHO IREO FAHAMARINANA***

7. ***Hevitra sy hetsika mety***
8. ***Fitiavana an'Andriamanitra***
9. ***Fitiavana ny hafa***

# *Toetra Miavaky ny* **MAMOKARA SY MITOMBOA**

Rehefa mamakivaky ny leson'ny MSM hianao, ary mianatra ny fomba fiasa, dia hanamarika toetra manokana miavaka ao amin'ny fandaharam-pianarana izay tsy hita any amin'ny fianarana Baiboly mahazatra. Ireto toetra efatra manaraka ireto dia hampahalala anao ny amin'izay mampiavaka ny MSM amin'ny fianarana Baiboly hafa, sy mahatonga izany handaitra.

## 1-Ny MSM DIA FANDAHARAM-PIANARANA MIFOTOTRA AMIN'NY TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY

Ny leson'ny **MSM** dia mifototra amin'ny tantara ao amin'ny Baiboly. Tsy fampianarana fotsiny, tsy mifototra amin'ny Soratra Masina akory ny lesona, fa tena tantara sy fanoharana hita ao amin'ny Baiboly. Fony tonga tety an-tany Jesosy ary niaina teny anivon'ny olombelona, dia nampianatra ireo mpanara-dia Azy Izy, tamin'ny fampiasana tantara sy fanoharana. Ny tena izy, ny bokin'i Matio dia mitantara ny fanazavan'i Jesosy ny antony ampiasany fanoharana.

*"Fanoharana no nilazan'i Jesosy izany zavatra rehetra izany tamin'ny vahoaka, ary tsy nisy nolazainy taminy, afa-tsy tamin'ny fanoharana, mba hahatanteraka izay nampilazaina ny mpaminany hoe: "Hiloa-bava hilaza fanoharana Aho; Hanambara zavatra izay nafenina hatrizay nanorenana izao tontolo izao Aho." (Matio 13:34-35)*

Ato amin'ity lahatsoratra ity Jesosy dia manome antsika fahalalana ho amin'ny antony nifidianan'Andriamanitra ny hiteny amintsika, amin'ny fampiasana tantara sy fanoharana. Milaza Jesosy fa nafenin'Andriamanitra ao amin'ny tantara sy ny fanoharana ny Heviny sy ny Zava-miafiny.

Eo am-pandinihana ny Baiboly hianao dia mahita fa eo amin'ny 70%n'ny Baiboly manontolo dia tantara, fanoharana ary fitantarana no mandrafitra azy. Izany dia maneho mazava fa asian'Andriamanitra dikany sy hery manokana ny tantara sy ny fanoharana. Fanahy iniana ny nikendren'ny mpamorona ny **MSM** haniry ny hifantohan'ny lesona amin'ny tantara sy ny fanoharana, mba hahatonga ny fandaharam-potoana hametraka ny Soratra masina ho ambony indrindra. Ao amin'ny lesona **MSM** tsirairay hianao dia hanamarika fa misy teny vitsivitsy izay tsy avy ao amin'ny Baiboly mivantana.

Ny fandaharam-potoana koa dia mifantoka amin'ny tantara ao amin'ny Baiboly satria tena mora tadidiana sy averina tantaraina kokoa izy ireny. Rehefa mahatrandraka zava-miafina ao amin'ny Baiboly hianao, dia hahatadidy ireo fitrandrahana manokana ireo, satria hianao nitady mafy azy ireny ary nahita azy. Fanampin'izany, satria manomboka mahita fitrandrahana ara-baiboly hianao, dia ho anao manokana ireny, ary mora vonona sy zaraina amin'ny hafa izay tandrify izany.

## 2-NY FOMBA FIASAN'NY MSM DIA MIFOTOTRA AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA.

Rehefa mianatra ny fomba fiasan'ny MSM hianao, dia hanamarika fa mampianatra anao ny fomba fametrahana ny fanontaniana tokony apetraka izany; mba hitrandrahana ireo zava-miafin'Andriamanitra ho anao. Amin'ny alalan'izay fomba fiasa misesy izay hianao dia ampianarin'ny Fanahy Masina hamantatra sy handray ny fahamarinana sy ny fanambarana avy amin'Andriamanitra. Mampahery anao izahay hizara ireo fitrandrahana vitanao - dia ny Vaovao Tsaran'Andriamanitra - amin'ny hafa. Ny fomba fiasa MSM dia mamela anao hanana:

- Fahafahana misaina irery
- Fahafahana mametraka fanontaniana
- Fahafahana mahataka-javatra
- Fahafahana mandre avy amin'ny Fanahy Masina
- Fahafahana hizara amin'ny hafa

## 3-NY FOMBA FIASAN'NY MSM DIA MIFOTOTRA AMIN'NY FITRANDRAHANA.

Mahita isika ao anaty Baiboly manontolo fa Andriamanitra dia maniry ny olona hitady sy hahita ny marina. Afenin'Andriamanitra ao amin'ny Teniny ny zava-miafina mba hahitantsika sy itrandrahantsika ny marina. Matetika dia amin'ny alalan'ny fitrandrahana no mahatonga ny fahamarinana hanana ny lanjany indrindra sy akony eo amin'ny olona manokana. Ireto manaraka ireto dia ohabolana tsotra izay manazava ny lanjan'ny fitrandrahana:

- Raha TANTARAINAO ahy, dia HO ADINOKO
- Raha ASEHONAO ahy, dia HOTADIDIKO
- Raha asainao MANDRAY ANJARA aho, dia ho TAKATRO

Ny fitrandrahana ireo zava-miafina dia zotra mitaky fidirana an-tsehatra amin'ny nahim-po. Tsy maintsy mavitrika miditra an-tsehatra isika amin'ny zotry ny fitrandrahana, mba hahitana ny marina. Iray amin'ireo fomba tsara indrindra hitrandrahana ny zava-miafin'Andriamanitra ny fandraisan'ny vondrona anjara. Na dia afaka mianatra tantara sy mitrandraka ny fahamarinana amin'ny fanoloran-tenanao manokana aza hianao, dia azonao atao ny mianatra ny tantara miaraka amin'ny vondrona madinika sy mianatra fitrandrahana be lavitra avy amin'ny hafa.

## 4 - NY FOMBA FIASAN'NY MSM DIA MIFOTOTRA AMIN'NY FANKATOAVANA.

Kely dia kely ny akony eo amin'ny tena, amin'ny fanokafana ny saron'ny zava-miafin'Andriamanitra ao amin'ny Soratra Masina, raha toa ka tsy mikendry ny hampihatra ireo fahamarinana ireo eo amin'ny fiainantsika isika. Ireto lahatsoratra ireto dia milaza amintsika fa handray fitahiana avy amin'Andriamanitra isika, raha mampihatra ny Lalàny sy ny fahamarinana eo amin'ny fiainantsika:

"Fa aoka ho mpankatò ny teny hianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo. Fa raha misy mpihaino ny teny, nefa tsy mpankatò, dia toy ny olona mizaha ny tarehiny eo amin'ny fitaratra izy; fa mijery ny tenany izy, dia lasa, ary miaraka amin'izay dia hadinony ny tarehiny. Fa izay mandinika ny lalàna tanteraka, dia ny lalàn'ny fahafahana, ka maharitra amin'izany, raha tsy mpihaino manadino, fa mpanao ny asa, dia ho sambatra amin'ny asany izany olona izany."  (Jakoba 1:22-25)


Ny fizotry ny MSM dia tsy hoe mifantoka amin'ny zotry ny Fitrandrahana fotsiny, fa koa manome ny zotra mazavan'ny Fampiharana manokana. Raha vao mahatrandraka ireo fahamarinan'Andriamanitra isika, dia tokony hikatsaka ny hahatakatra ny fomba fiaina azy ireny. Tadidio izay lazain'ny 2 Timoty mikasika ny Soratra Masina:

"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra, dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra.  (2 Timoty 3:16-17)

Mariho fa ity lahatsoratra ity dia milaza fa ny Soratra Masina rehetra dia "mahasoa ho". Avy amin'izany no isintonana fa ireo fahamarinana ao amin'ny Soratra Masina dia nampiharina, dia avy eo izy ireny mahasoa amin'ny fampianarana, fananarana, fanitsiana ary fiofanana. Ny lahatsoratra, na izany aza, dia tsy manome antoka fa ny Soratra Masina no hampianatra, hananatra, hanitsy ary hampiofana amin'izao fotsiny. Tsy maintsy manana finiavana isika mikasika ny famelàna ny Soratra Masina hampianatra, hananatra, hanitsy ary hampiofana antsika. Ao amin'ny fizotry ny Fitrandrahana MSM isika dia mamantatra ireo fahamarinana nampianarin'ny Soratra Masina aloha. Rehefa avy namantatra ireo fahamarinana ireo isika dia mamela ny Soratra Masina hananatra, hanitsy ary hanofana antsika amin'izay. Ireto manaraka ireto ny lisitr'ireo fanontaniana apetratsika, mba hamelana ny Soratra Masina hananatra, hanitsy ary hanofana antsika.

- MANANATRA (Mikasika ny LASA) Ahoana ny fampitahana ny hevitro sy ny fihetsiko amin'ny hevitra sy fihetsika ara-baiboly, nianarana tao amin'ny tantara?
- MANITSY (Mikasika ny ANKEHITRINY) Inona no ilaina ataoko hanamboarako ny hevi-diso sy ny fihetsiko?
- MANOFANA (Mikasika ny ho AVY) Ahoana no fomba famaliko amin'ny manaraka rehefa mifanehatra amin'ny toe-javatra izay manohitra ny tena hevitra sy fihetsika ara-baiboly marina?

# *VOAFARITRA NY DINGANA ATAON'NY MSM*




## DINGANA DIMY AMIN'NY LESONA TSIRAIRAY

Ny lesona tsirairay dia nofintinina ao anaty dingana dimy ary ny dingana tsirairay dia mifanitsy amina lafim-pijinjana vokatra miavaka.

### LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ny Lohahevitry ny Lesona dia natao hanomanana ny tanin'ny saina sy ny fonao, rehefa manomboka ny zotry ny fahitana ireo fahamarinana ao omen'Andriamanitra amin'ny Baiboly hianao.

### TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Tantara ao amin'ny Baiboly dia voa nafafy tao amin'ny fanahy, izay, hamontsina, hitsiry ary hitombo amin'ny fahalalana sy ny fahamarinana. Alohan'ny famakiana tantara, ataovy azo antoka fa nandàny fotoana nivavahana hianao, nangataka tamin'Andriamanitra hanokatra ny sainao sy ny fonao ho amin'ireo fahamarinan'ny Baiboly.

### FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

Ampiasao ireo fanontaniana 9 hanondrahana sy hanasiana zezika ny voa, dia ny Tenin'Andriamanitra, mba hanampiana anao hisintona ireo fahamarinana ao amin'ny tantara. Mipetraha eo amin'ny toeran'ny mpandray anjara hianao.

1. Iza avy ireo Mpandray Anjara?
2. Inona avy ireo Hetsiky ny mpandray anjara tsirairay ao amin'ny tantara?
3. Inona avy ireo Antsipiriany miavaka ao amin'ny tantara?
4. Inona no mety ho Fihetseham-po tsapan'ny mpandray anjara?
5. Inona avy ireo Safidy ananan'ny mpandray anjara tsirairay?
6. Inona no Antony manosika ny mpandray anjara hanao safidy?
7. Arak'ity tantara ity, inona avy ireo fahamarinana ara-baiboly sy hetsika mety?
8. Inona no ampianarin'ity tantara ity ahy mikasika an'Andriamanitra ka hanampy ahy ho tia an'Andriamanitra amin'ny fo, fanahy, saina ary heriko rehetra?
9. Inona no ampianarin'ity tantara ity ahy mikasika ny maha izaho ahy, na ny hafa, ka hanampy ahy ho tia ny hafa tahaka ny itiavako ny tenako?

### SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

Anisan'ny ao anatiny koa ny Soratra Masina Ianarana Fanampiny, mba anampiana ny fiarovana amin'ny foto-pampianaran-diso, izay mety ho foronina manokana, ivelan'ny tantara ihany. Vakio tsara ireo Soratra Masina ireo hanampiana anao hamaly izay fanontaniana mety anananao mikasika ny tantara ao amin'ny Baiboly.

### FANONTANIANA FAMPIHARANA SY FAMINTINANA – Otazo ny Vokatra

Ny Fanontaniana Fampiharana sy ny Famintinana dia manampy amin'ny fizotry ny fijinjàna ireo fahamarinana voarakitra ao amin'ny tantara tsirairay, ary avy eo dia ampiharina eo amin'ny fiainantsika ireo fahamarinana ireo. Miainga amin'ny hevitra ara-baiboly sy ny fihetsika marina hitanao mandritra ny fizotry ny fitrandrahana, dia valio ireto fanontaniana manaraka ireto. (Fiofanana)

1. Mananatra Mikasika ny lasanao: Manao ahoana ny eritreritro sy ny fihetsiko mikasika an'Andriamanitra; raha ampitahaina amin'ny fahamarinana ara-baiboly sy ny fihetsika nianarana tao amin'ny tantara?
2. Manitsy Mikasika ny ankehitrininao: Ahoana no anitsiako ny hevitro diso sy ny fihetsiko?
3. Manofana Mikasika ny ho avinao: Ahoana no ho fihetsiko amin'ny manaraka rehefa miatrika toe-javatra izay fanamby ho an'ny hevitra sy fihetsika marina ara-baiboly?

# NOMENA FANOMEZAN-PAHASOAVANA ISIKA

LESONA F-1

Ho Ampamoahan'Andriamanitra ny Olona ny Amin'ny Fomba Nampiasàny ny Fanomezam-pahasoavany

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Milaza ny Baiboly fa hotanana ho tompon'antoka amin'izay nampiasàny ny fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra azy ny olona.

Soratra Masina Fototra: Koa samy hampamoahin'Andriamanitra ny amin'ny tenany avy isika rehetra. (Romana 14:12)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Niteny tamin'ireo Mpianany tamin'ny fanoharana Jesosy. Ny fanoharana dia tantara izay azo ampiasaina hanehoana fitsipika iray.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Fa ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny olona izay efa handeha ho any an-tany hafa ka niantso ny mpanompony, dia nanolotra azy ny fananany: koa ny anankiray nomeny talenta dimy, ny anankiray roa, ary ny anankiray iray, samy araka izay fahaizany avy; dia lasa nandeha izy. Ary niaraka tamin'izay dia lasa ilay nandray ny talenta dimy, ka nataony varotra izany; ary nahazo tombony talenta dimy koa izy. Ary toy izany koa, ilay nandray ny roa dia nahazo roa ho tombony. Fa ilay nandray ny iray kosa dia lasa nihady ny tany ka nandevina ny volan'ny tompony. Ary nony ela, dia tonga ny tompon'ireo mpanompo ireo ka nampilaza azy ny amin'ny volany. Ary nony nanatona ilay nandray ny talenta dimy, dia nitondra talenta dimy koa izy ka nanao hoe: Tompoko, talenta dimy no natolotrao ahy; indro, nahazo tombony talenta dimy koa aho. Hoy ny tompony taminy: Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky; nahatoky tamin'ny kely hianao, dia ho tendreko ho mpanapaka ny be; midira amin'ny fifalian'ny tomponao. Ary nony nanatona koa ilay nandray ny talenta roa, dia hoy izy: Tompoko, talenta roa no natolotrao ahy; indro, nahazo tombony talenta roa koa aho. Hoy ny tompony taminy: Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky; nahatoky tamin'ny kely hianao, dia hotendreko ho mpanapaka ny be; midira amin'ny fifalian'ny tomponao. Fa nony nanatona kosa ilay nandray ny talenta iray, dia nilaza hoe: Tompoko, fantatro fa olona mila voatsiary hianao, mijinja eny amin'izay tsy namafazanao, ary manangona eny amin'izay tsy nanahafanao; dia natahotra aho ka lasa nandevina ny talentanao tao anatin'ny tany; indry, lasanao ny anao. Ary ny tompony namaly ka nanao taminy hoe: Ry mpanompo ratsy sady malaina, efa fantatrao fa mijinja eny amin'izay tsy namafazako aho, ary manangona eny amin'izay tsy nanahafako; koa tokony ho nampanàna ny volako tamin'ny mpanàna vola hianao, ka raha tonga aho, dia ho nandray ny ahy mban-janany. Koa alao aminy ny talenta, dia omeo ilay manana ny talenta folo. Fa izay rehetra manana dia homena, ka hanam-be izy; fa izay tsy manana kosa, na dia izay ananany aza dia halaina aminy. Ary ario ho any amin'ny maizina any ivelany ny mpanompo tsy mahasoa; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify. (Matio 25:14-30)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Romana 12:3-8; 1 Korintiana 10:31; 2 Korintiana 5:10; Efesiana 4; Filipiana 4:14-19; Apokalypsy 20:11-15)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Milaza ny Baiboly fa ho ampamoahan'Andriamanitra ny olona rehetra ny amin'ny fomba niainany ny fiainany. Fanomezana avy amin'Andriamanitra ny fiainana. Tian'Andriamanitra hamokatra ny fiainantsika.

LESONA F-2

# MITIA AN'ANDRIAMANITRA

## Ny Didy Manan-danja Indrindra

### LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nodidian'i Jesosy hanao zavatra maro ireo mpanara-dia Azy. Tian'i Jesosy hanara-dia Azy sy hanao izay lazainy ny olona rehetra. Ny tena zava-dehibe indrindra ataon'ny mpanara-dia an'i Kristy dia ny mitia an'Andriamanitra sy ny mihaino ny Teniny.

Soratra Masina Fototra: Dia nanatona an'i Jesosy ny mpanora-dalàna anankiray, izay efa nahare ny niadiany hevitra tamin'ny Sadoseo ka nahalala fa namaly azy tsara Izy, dia nanontany Azy hoe: Ny didy manao ahoana no voalohany amin'izy rehetra? Ary Jesosy namaly hoe: Ny voalohany dia izao: "Mihainoa, ry Isiraely: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany; koa tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny foanao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra." Ary ny faharoa dia izao: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao" Tsy misy didy hafa lehibe noho ireo. (Marka 12:28-31)

### TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara. Niaraka tamin'ireo mpianany Jesosy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary raha nandeha izy ireo, dia niditra teo amin'ny vohitra anankiray Jesosy; ary nisy vehivavy anankiray atao hoe Marta nampiantrano Azy ho ao an-tranony. Ary izy nanana rahavavy atao hoe Maria, izay nipetraka teo anilan'ny tongotry ny Tompo ka nihaino ny teniny. Fa Marta sahirana tamin'ny fanompoana be; dia avy izy ka nanao hoe: Tompoko, moa tsy mampaninona Anao va ny amelan'ny rahavaviko ahy hanompo irery? Koa mba asaovy manampy ahy izy. Fa ny Tompo namaly ka nanao taminy hoe: Marta, Marta, maro ahina sy maro herehina hianao; nefa zavatra iray loha no ilaina; fa Maria no efa nifidy ny anjara tsara, izay tsy halaina aminy. (Lioka 10:38-42)

### FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

### SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 22:36-37; Lioka 11:42; Jakoba 1:12; 1 Jaona 2:4-5; 1 Jaona 4)

### FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

### FAMINTINANA

Ny didy manan-danja indrindra nomen'i Jesosy dia ny itiavan'ny olona Azy sy hihainoany izay lazainy.

# MAHATOKY AMIN'NY FAMAFAZANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA

LESONA F-3

Fiainana Miteraka Vokatra Marobe

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Tenin'Andriamanitra ny Baiboly. Ny mpanara-dia an'i Kristy rehetra dia nantsoina hihaino sy hahalala ny Tenin'Andriamanitra. Maro ny olona mandre ny Tenin'Andriamanitra, fa tsy miaina amin'izany. Ny Baiboly dia manoro hevitra ny olona rehetra mba hihaino ny Tenin' Andriamanitra sy hiaina izany. Tsy tian'ny devoly hahalala na hahatakatra ny Tenin'Andriamanitra ny olona. Tian'ny devoly esorina ao am-pontsika ny Tenin'Andriamanitra. Rehefa mandre ny Tenin'Andriamanitra isika ary miaina izany, dia hamokatra be ny fiainantsika.

Soratra Masina Fototra: Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny làlako ny teninao. (Salamo 119:105)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara. Niteny tamin'ny vahoaka marobe Jesosy. Ireto vahoaka marobe ireto dia avy amin'ny toerana maro samihafa.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Nivoaka ny mpamafy hamafy ny voa; ary raha namafy izy, ny sasany dia voafafy teny amoron-dàlana ka voahitsakitsaka, ary dia lanin'ny voro-manidina. Ary ny sasany dia voafafy teny ambonin'ny vatolampy; ary raha vao naniry izy, dia nalazo; satria tsy nisy mandomando. Ary ny sasany dia voafafy teny amin'ny tsilo; ary ny tsilo niara-naniry taminy, dia nangeja azy. Ary ny sasany dia voafafy teny amin'ny tany tsara, dia naniry ka namoa zato heny. Ary rehefa nilaza izany Izy, dia niantso hoe: Izay manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy hihaino. Koa izao no hevitry ny fanoharana: Ny voa dia ny tenin'Andriamanitra. Ireo teny amoron-dàlana dia izay mandre, nefa avy ny devoly ka manaisotra ny teny ao am-pony, fandrao hino izy ka hovonjena. Ireo teny ambonin'ny vatolampy dia izay mandre sady mandray ny teny amin'ny hafaliana; nefa tsy manam-paka ireo, fa mino vetivety ihany, koa amin'izay andro isehoan'ny fakam-panahy dia mihemotra izy. Ireo teny amin'ny tsilo dia izay mandre, fa nony mandeha izy, dia voagejan'ny fiahiahiana sy ny harena ary ny fahafinaretan'izao fiainana izao ka tsy mahavanom-boa. Fa ireo teny amin'ny tany tsara kosa dia izay mandre ny teny amin'ny fo sady marina no tsara, dia mitana azy ka mamoa amin'ny faharetana. (Lioka 8:5-8, 11-15)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Salamo 119; Jaona 10:27; Jaona 15:16; Filipiana 1:9-11; Kolosiana 1:9-12; 1 Petera 5:8)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Rehefa mihaino ny Tenin'Andriamanitra ny olona, ary miaina amin'izany teny izany, dia miteraka vokatra tsara ny fiainany. Zava-dehibe ny tsy hamelan'ny mpanara-dia an'i Kristy ny devoly na ny fiahiahiana izao tontolo izao, hanaisotra ny tenin'Andriamanitra hiala ao am-pony.

# MITARIKA VONDRONA FANAOVANA HO MPIANATRA

## FIANKOHOFANA SY VAVAKA

* Asao Andriamanitra ho eo anivon'ny fivoriana amin'ny alalan'ny vavaka sy fitsaohana ataon'ny vondrona.
* Asio fotoana fisaorana sy fijoroana vavolombelona ampahibemaso.

## LESONA TRANDRAHANA SY FAMPIHARANA

DINGANA 1 – LOHAHEVITRY NY LESONA
• Zarao amin'ny vondrona ny Lohahevitry ny Lesona sy ny Soratra Masina Fototra.

DINGANA 2 – TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY
•Zarao amin'ny vondrona ny Fampidirana sy ny Tantara.

DINGANA 3 – FIZOTRY NY FITRANDRAHANA
•Fantaro ny Tantara.
•Takaro ny Tantara.
• Trandraho ireo Fahamarinana Ara-baiboly.

DINGANA 4 – SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY
• Diniho ny hevitra marina ara-baiboly sy ny hetsika hitan'ny vondrona, mba hamaritana raha tena fitrandrahana azo ara-baiboly tokoa ilay izy.

DINGANA 5 – FAMPIHARANA SY FAMINTINANA
Miainga amin'ny fitrandrahana hita ao amin'ny tantara, valio ireto fanontaniana manaraka ireto. (Fampianarana)
* Mananatra (Lasa): Ahoana ny hevitro sy ny fihetsiko manoloana an'Andriamanitra raha ampitahaina amin'ny fahamarinana ara-baiboly sy ny fihetsika ara-tantara izay nianarana?
* Manitsy (Ankehitriny): Ahoana no hahafahako manitsy ny hevitro diso sy ny fihetsiko?
* Manofana (Ho avy): Ahoana no ho fihetsiko amin'ny manaraka rehefa miatrika toe-javatra fanamby amin'ny hevitra sy hetsika ara-baiboly?

## MIAINA AO ANATIN'NY FIARAHA-MONINA

MITOMBO AO AMIN'I KRISTY
•Anontanio ny vondrona ny fandehan'ny fampiharana izay nianarany nanomboka tamin'ny fivoriana fanaova-mpianatra farany.

MIZARA NY FAHAMARINANA AMIN'NY HAFA
•Anontanio ny vondrona hoe nanao ahoana ny fizaràna izay nianarana tamin'ny tantara ao amin'ny Baiboly farany?
•Anontanio ny vondrona hoe iza no izaràny ity tantara ity manomboka izao mandra-pahatongan'ny fanaovam-pianatra manaraka.

MIAHY IZAY ILAINA
•Anontanio ny vondrona, ahoana ny fomba namalian'ny vondrontsika sy ny fiaraha-monina, nanomboka tamin'ny fivoriana fanaovam-pianatra farany?
• Anontanio ny vondrona raha misy zava-manahirana na olana tokony hojerena ao anatin'ny vondrona na eo amin'ny fiaraha-monina.
• Anontanio ny vondrona ny fomba hamaliana ny zava-manahirana sy ny olana.

# *Ireo Lesona Mifampitohy Tena Ilaina*

## MANANGANA TRANO IZAY ONENAN'ANDRIAMANITRA

Ireo leson'ny MSM 52 voalohany amin'ny fandaharam-pianarana dia antsoina hoe Lesona Mifampitohy Tena Ilaina. Ireto lesona mifampitohy ireto dia fianarana herintaona, izay narafitra ho antontan-desona efatra izay misy lesona 13 avy. Ireo Lesona mifampitohy Tena Ilaina dia natao araka ny lafiny tsirairay amin'ny tao-trano. Ireo lafiny isan-karazany ireo dia: Vatofehizoro, Fototra, Rindrina ary Tafo. Ireto manaraka ireto ny famaritana ny tsirairay amin'ny antontan-desona efatra.



NY ANTONTAN-DESONA ILAY VATOFEHIZORO - Fifandraisana Mivitrana

Ny Antontan-desona Ilay Vatofehizoro dia mifantoka amin'ny tantaran'ny famitranam-pihavanana. Izany dia manomboka amin'ny lesona mikasika ny fomba namoronan' Andriamanitra ny zavatra rehetra. Ity fahamarinana ity dia mampijoro fomba fijery izao tontolo izao araka ny tena izy. Ny lesona faharoa dia mampijoro ny hoe ny olombelona dia noforonina tamin'ny fomba tsy mitovy amin'ny namoronana ny ambin'ny voahary rehetra. Noforonina hanana fifandraisana miavaka amin'Andriamanitra isika. Ny lesona fahatelo sy fahefatra dia mikasika ny fomba namitahan'i Satana ny olombelona. Tsy nankatò an'Andriamanitra ny olombelona voalohany, ary vokatr'izany dia tapaka ny fifandraisantsika tamin'Andriamanitra. Ny ambin'ny lesona dia maneho ny drafitra lehiben'Andriamanitra, hanavotana sy hamerenana ny olona amin'ny fihavanana Aminy indray.



NY ANTONTAN-DESONA FOTOTRA – Mitoetra ao amin'i Kristy

Ity antontan-desona ity dia mifototra amin'ny maha-zava-dehibe ny fankatoavana ny didin'i Jesosy Kristy. Hoy Jesosy hoe: (Matio 7:24) Ny Antontan-desona Fototra dia mampiseho ny fomba hampijoroana fototra ara-baiboly matotra, miainga amin'ny fomba fiainana mankatò.




NY ANTONTAN-DESONA RINDRINA – Fiainana Be dia Be

Ny rindrin'ny trano dia voadiniky ny olona eny ivelan'ny trano. Toy izany koa ny mpanara-dia an'i Kristy. Ny mpanara-dia an'i Kristy dia solotenan'Andriamanitra eto an-tany. Amin'ny maha-solotenan'Andriamanitra azy, ny mpanara-dia an'i Kristy dia tsy maintsy mijery sy mihetsika amin'ny fomba izay maneho an'Andriamanitra amin'ny manodidina azy ireo. Ity antontan-desona ity dia mifantoka amin'ny ankohonana eto an-tany.



NY ANTONTAN-DESONA TAFO – Fahamarinana tena Ilaina

Tafiditra ao anatin'ity lesona farany ity ireo fahamarinana voalohany amin'ny finoana Kristiana. Ny tafo dia natao hanakanana ny fidiran'ireo zavatra avy any ivelany sy tsy ilaina. Ny Antontan-desona Tafo dia natao hanakanana ireo fampianaran-diso, amin'ny alalan'ny fanehoana ireo fahamarinana voalohany ara-baiboly, eo amin'ny finoana Kristiana.



Vatofehizoro Fototra Rindrina Tafo

Koa dia tsy mba vahiny sy mpivahiny intsony hianareo, fa tompon-tany, mpiray fanjakana amin'ny olona masina sady ankohonan'Andriamanitra, natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apostoly sy ny mpaminany, ary Kristy Jesosy no fehizoro indrindra; ao aminy no irafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin'ny Tompo. Ary ao aminy no miaraka aorina koa hianareo ho fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy. (Efesiana 2:19-22)

# NY FIVOARAN'NY MSM

## INONA NO ANTONY NAMORONANA NY MSM?

Ny Mamokara sy Mitomboa **(MSM)** dia sady fandaharam-pianarana no fomba fianatra natao hanampiana ny mpanara-dia an'i Jesosy hahatakatra ny Baiboly sy hiaina araka ny Fampianarany. Ny fampiasàna ny fandaharam-pianaran'ny **MSM** sy ny fomba fiasa dia hitarika ny mpanara-dia an'i Jesosy ho any amin'ny fiainana be dia be, ary izany dia hanampy hiteraka fifandraisana lalina amin'i Jesosy Kristy.

Ny **MSM** dia misy amin'ny fiteny isan-karazany ary dikan-teny vaovao no anampy izany hatrany hatrany. Misy lisitry ny fiteny efa misy ao amin'ny www.IBFAM.org. Raha tsy mahita ilay fiteny ilainao hianao, dia mifandraisa amin'ny **ITK** mangataka ilay fiteny vaovao.

## IZA NO NAMOLAVOLA NY MSM?

Ny **Every Home for Christ International (EHCI)** no mpamolavola sy tompon'ny zon'ny mpamorona ny fandaharam-pianaran'ny **MSM**. Ireto manaraka ireto no ifantohan'ny misiona ankapoben'ny **EHCI**:

*Ny antony isian'ny **Isan-tokantrano ho an'i Kristy** dia hanompo ny Tenan'i Kristy amin'ny fampitaovana sy ny fanentanana ny mpino amin'ny sehatra rehetra, mba handray anjara mavitrika amin'ny fitondrana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy any an-tokantrano tsirairay eran-tany eto amin'izao tontolo izao, manampy mpino vaovao, satria miteraka mpikambana ao amin'ny fiangonana izany, mba hahitana ny fahatanterahan'ny Iraka Lehibe, ara-bakiteny.*

Hatramin'ny taona 1946, ny **EHC** dia nahatratra tokantrano mihoatran'ny 1,4 lavitrisa, ao anatin'ny firenena 215, miaraka amin'ny Vaovao Mahafalin'i Jesosy Kristy. Vokatr'izay, dia mihoatran'ny zato tapitrisa ny olona nandray ny Filazantsara.

## FANDRESEN-DAHATRA TELO TSY METY LEVONA

**Ny ITK maneran-tany dia miasa eo ambany fandresen-dahatra tsy mety levona telo. Ireto avy izy ireo:**

1. ***Ny Iraka Lehibe dia tsy maintsy raisina ara-bakiteny***. Amin'izao fotoana izao, dia ny fizaràna literatiora isan-trano, isan-tanàna no mbola fomba tsara indrindra hananana antoka hahavitana ny asa. (Matio 28:19 & Marka 16:15)

2. ***Raha tsy misy ny firaisan-tsainan'ny Tenan'i Kristy manatontosa ny andraikitry amin'ny fitoriana Filazantsara manerana ny tany, dia tsy ho tontosa izany***. Noho izany, dia ilaina ny fiaraha-miasan'ny vondrona ara-pilazantsara rehetra, mba hahatontosana ny Iraka Lehibe. Efa mihoatran'ny 500 ny vondrona misiona ara-pilazantsara sy anaram-piangonana mandray anjara manao tafika masina ao amin'ny **Isan-tokantrano ho an'i Kristy** maneran-tany. (Vakio Jaona 17:21-23.)

3. ***Ny vavaka irery ihany, no hanaisotra ny olana rehetra izay mitsangana tsy hahatanterahana ny Iraka Lehibe***. Noho izany, dia tena zava-dehibe indrindra ao amin'ny singa ilaina amin'ny fitoriana manontolo izy io. Ny haben'ny fanentanana hivavaka no haben'ny Filazantsara voatory eo amin'izao tontolo izao. (Marka 11:22-23)

## FANAMARIHANA



# Ilay Vatofehizoro

## FIHAVANANA MIVITRANA

*Fa sitraky ny Ray ho aminy no hitoeran'ny fahafenoana rehetra, sady Izy no hampiavanany ny zavatra rehetra aminy, ka dia ny ràny teo amin'ny hazo fijaliana no nanaovany fampihavanany, eny, Izy, hoy izaho, no fampihavanana izany, na ny etý ambonin'ny tany, na ny any an-danitra. (Kolosiana 1:19-20)*

## *Fanoroam-pejy*

**Lessons:**

**1-1 Andriamanitra, Ilay Mpamorona ny Lanitra sy ny Tany............................Pejy 20**
*Nanao ny Zavatra Rehetra Izy*

**1-2 Ny Namoronana Miavaka ny Olombelona.................................................Pejy 21**
*Noforonina hanana Fifandraisana Miavaka amin'Andriamanitra sy ny Hafa*

**1-3 Satana Ilay Mpamitaka ..........................................................................Pejy 22**
*Tonga Hangalatra, Hamono, ary Handringana izy*

**1-4 Tsy Nankatò an'Andriamanitra i Adama sy Eva ........................................Pejy 23**
*Miaina ao Ambanin'ny Ozona Isika Ankehitriny*

**1-5 Ilay Ankohonana Voafidy...........................................................................Pejy 24**
*Ny Fifandraisana Miavaka teo amin'Andriamanitra sy Abrahama*

**1-6 Nizaha toetra an'i Abrahama Andriamanitra...............................................Pejy 25**
*Nankatò an'Andriamanitra i Abrahama*

**1-7 Hisy Fiainana Aorian'ny Fahafatesana.......................................................Pejy 26**
*Ny Fiainana Aorian'ny Fahafatesana dia Lanitra na Helo*

**1-8 Jesosy Kristy..............................................................................................Pejy 27**
*Andriamanitra Feno ary Olombelona Feno*

**1-9 Drafitra Fampihavanan'Andriamanitra, ho an'ny Olombelona..................Pejy 28**
*Fandraisana ny Famaizana tamin'ny Ota sy ny Famitram-Pihavanana*

**1-10 Nandresy ny Fahafatesana Jesosy..........................................................Pejy 29**
*Ny Fitsanganany dia Nanaporofo ny Maha-Izy Azy*

**1-11 Inona no Tokony Hataoko Mba Ho Vonjena Aho?....................................Pejy 30**
*Minoa*

**1-12 Ahoana no Hamaliantsika ny Fitiavan'Andriamanitra?............................Pejy 31**
*Mibebaha*

**1-13 Sakaizan'i Jesosy Aho..............................................................................Pejy 32**
*Mitoetra ao amin'ny Fitiavany aho, amin'ny Fankatoavako ny Didiny*

# ANDRIAMANITRA, ILAY MPAMORONA NY LANITRA SY NY TANY

LESONA 1-1

Nanao ny Zavatra Rehetra Izy

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Iray ihany Andriamanitra. Mahafantatra ny zavatra rehetra, manana ny hery rehetra, eny amin'ny toerana rehetra, ary namorona ny zavatra rehetra avy tamin'ny tsy nisy, Izy. Ny baikon'Andriamanitra no namoronan ny tontolo rehetra. Nataon'Andriamanitra tanteraka ny zavatra rehetra, satria tena tanteraka Andriamanitra.

Soratra Masina Fototra: Dia Ilay nanao ny tany tamin'ny heriny Sy nampiorina izao tontolo izao tamin'ny fahendreny Ary namelatra ny lanitra tamin'ny fisainany. (Jeremia 51:15)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Andriamanitra no talohan'ny zavatra rehetra. Milaza ny Baiboly fa namorona ny tany sy izay rehetra eo aminy tao anatin'ny enina andro Andriamanitra. Tao anatin'ny dimy andro voalohany Andriamanitra dia namorona ny hazavana, ny masoandro, ny volana, ny kintana sy ny habakabaka, ny rano, ary ny tany. Izy koa no namorona ny zava-maniry sy ny karazana zava-miaina ao an-dranomasina ary ny voro-manidina, miaraka amin'ny fahafaha-miteraka araka ny karazany avy. Hitan'Andriamanitra ny zava-noforoniny ary nambarany fa "tsara izany." Manomboka amin'ny andro fahenina ny tantarantsika.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.
Ary Andriamanitra nanao hoe: "Aoka ny tany hamoaka zava-mananaina, samy araka ny karazany avy, dia biby fiompy sy biby mandady na mikisaka ary bibi-dia, samy araka ny karazany avy, dia nisy izany. Ary Andriamanitra nanao ny bibi-dia, samy araka ny karazany avy, sy ny biby fiompy, samy araka ny karazany avy, ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany; samy araka ny karazany avy. Ary hitan'Andriamanitra fa tsara izany. Ary Andriamanitra nanao hoe: Andeha Isika hamorona olona tahaka ny endritsika, araka ny tarehintsika; ary aoka izy hanjaka amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina sy ny biby fiompy sy ny tany rehetra ary ny biby rehetra izay mandady na mikisaka amin'ny tany. Ary Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny; tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy. Ary Andriamanitra nitso-drano azy hoe: Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany, ka mampanompoa azy; ary manjakà amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voro-manidina ary ny biby rehetra izay mihetsiketsika ambonin'ny tany." (Genesisy 1:24-28)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Salamo 33:6-9; Isaia 40:21-28; Kolosiana 1:16; Hebreo 11:3; Apokalypsy 4:11)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Ny tontolo rehetra sy izay ao anatiny dia tsy tongatonga ho azy. Nisy Mpamorona iray, dia Andriamanitra izany. Izay rehetra nataon'Andriamanitra dia tsy azo kianina avokoa.

# NY NAMORONANA MIAVAKA NY OLOMBELONA

LESONA 1-2

Noforonina hanana Fifandraisana Miavaka amin'Andriamanitra sy ny Hafa

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Noforonin'Andriamanitra ho tena samy hafa tanteraka amin'ny biby ny olombelona. Natao ho taratry ny natioran'Andriamanitra ny olombelona. Noforonin'Andriamanitra hanana fifandraisana miavaka aminy ny olombelona. Namorona mpanampy ho an-dralehilahy koa Andriamanitra.

Soratra Masina Fototra: Hidera Anao aho; fa mahatahotra sy mahatalanjona ny nanaovana ahy... (Salamo 139:14)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara. Ny Baiboly dia manambara amintsika fa namorona ny lanitra sy ny tany sy izay rehetra ao aminy Andriamanitra ary nanambara fa "tsara" avokoa ny zavatra rehetra noforoniny.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary vovo-tany no namoronan'i Jehovah Andriamanitra ny olona, ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony, dia tonga olombelona izy. Ary Jehovah Andriamanitra nanao hoe: "Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy". Ary tany no namoronan'i Jehovah Andriamanitra ny bibi-dia rehetra sy ny voro-manidina rehetra; dia nentiny tany amin-dralehilahy ireny hahitany izay hanononany azy avy; ary izay rehetra nanononan-dralehilahy ny zava-manan-aina rehetra dia izany no anarany. Dia nomen-dralehilahy anarana ny biby fiompy rehetra sy ny voro-manidina mbamin'ny bibi-dia rehetra; nefa tsy hita izay vady sahaza ho an-dralehilahy. Ary Jehovah Andriamanitra nahasondrian-tory an-dralehilahy, ka dia natory izy; dia naka ny taolan-tehezany anankiray Izy ka nanankombona nofo ho solony. Ary ny taolan-tehezana izay nalain'i Jehovah Andriamanitra tamin-dralehilahy dia nataony vehivavy ka nentiny tany amin-dralehilahy. (Genesisy 2:7, 18-22)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Salamo 24:1; Salamo 100:3; Salamo 139:13-16; Romana 8:38-39; Efesiana 5:28, 31)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nataon'Andriamanitra miavaka ny lehilahy sy ny vehivavy. Mitovy izy ireo. Noforonina hanana fifandraisana izy ireo. Natao hiaina ao amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra izy ireo.

LESONA 1-3

# SATANA ILAY MPAMITAKA

Tonga Hangalatra, Hamono, ary Handringana izy

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Misy ny Ratsy. Ratsy i Satana. Mankahala an'Andriamanitra i Satana. Satria mankahala ny tsy azo kianina voaharin'Andriamanitra tsy azo kianina i Satana, dia tonga teto an-tany naka ny endriky ny menarana izy, mba hamotika ny fifandraisana miavaka teo amin'Andriamanitra sy ny olombelona.

Soratra Masina Fototra: Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be. (Jaona 10:10)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Napetrak'Andriamanitra tao amin'ny saha mahafinaritra ralehilahy sy ravehivavy. Notenenin'Andriamanitra ralehilahy fa afaka hohaniny avokoa izay avy amin'ny hazo rehetra ao amin'ny saha, afa-tsy iray ihany. Hoy Andriamanitra hoe: "Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany, fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana, fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao." Indray andro dia tonga Satana naka ny endriky ny menarana ary namitaka an'i Eva.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary ny menarana dia fetsy noho ny bibi-dia rehetra izay nataon'i Jehovah Andriamanitra. Ary hoy izy tamin-dravehivavy: Hanky! Efa nataon'Andriamanitra hoe: Aza ihinanananareo ny hazo rehetra eo amin'ny saha? Fa hoy ravehivavy tamin'ny menarana: Ny voan'ny hazo eo amin'ny saha dia azonay ihinanana ihany; fa ny voan'ny hazo eo afovoan'ny saha kosa no efa nataon'Andriamanitra hoe: Aza ihinananareo na tendrenareo izany, fandrao maty hianareo. Ary hoy ny menarana tamin-dravehivavy: Tsy ho faty tsy akory hianareo, fa fantatr'Andriamanitra fa amin'izay andro hihinananareo azy dia hahiratra ny masonareo, ka ho tahaka an'Andriamanitra hianareo, hahalala ny tsara sy ny ratsy. Ary hitan-dravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo sady mahafinaritra ny maso ary hazo mahatsiriritra hampahahendry, dia nanotazany ny voany, ka nihinanany; ary nomeny koa ny vadiny, ka dia nihinana izy. Ary hoy Jehovah Andriamanitra tamin-dravehivavy: Inona izao nataonao izao? Dia hoy ravehivavy: Ny menarana no namitaka ahy, ka dia nihinana aho. Ary hoy Jehovah Andriamanitra tamin'ny menarana: Satria nanao izany hianao, koa amin'ny biby fiompy rehetra sy ny bibi-dia rehetra dia hianao no voaozona, ny kibonao no andehananao ary vovo-tany no hohaninao amin'ny andro rehetra hiainanao. Dia ampifandrafesiko hianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotoro ny lohanao, ary hianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony. (Genesisy 3:1-6, 13-15)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Marka 1:9-13; 2 Tesaloniana 2:8-10; 1 Petera 5:8; Apokalypsy 12:9)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Ireo fanirian-dratsin'i Satana dia nitarika azy hanohitra an'Andriamanitra sy ny Drafiny. Ny hetsik'i Satana eto ambonin'ny tany dia nanomboka tamin'ny fakàny fanahy an'i Eva. Namitaka an'i Eva ho any amin'ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra i Satana. Izy dia mankahala ny olombelona sy ny fifandraisany miavaka amin'Andriamanitra.

# TSY NANKATÒ AN' ANDRIAMANITRA I ADAMA SY EVA

LESONA 1-4

Miaina ao Ambanin'ny Ozona Isika Ankehitriny

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Tonga Satana ary namitaka an'i Eva tsy hankatò an'Andriamanitra. Ota ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra. Manafay ny ota Andriamanitra. Ny vokatry ny otan'i Adama sy Eva dia ny fahatapahan'ny fifandraisan'izy ireo tamin'Andriamanitra.  Ny vokatry ny ota dia fanaintainana, fahoriana, ary fahafatesana.

Soratra Masina Fototra: Koa izany dia tahaka ny nidiran'ny ota avy tamin'ny olona iray ho amin'izao tontolo izao, ary ny ota no nidiran'ny fahafatesana, ka nahatratra ny olona rehetra ny fahafatesana, satria samy efa nanota izy rehetra. (Romana 5:12)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Ilay lehilahy sy vehivavy voalohany izay noforonin'Andriamanitra dia nantsoina hoe Adama sy Eva. Ny hazo ato amin'ity tantara ity dia ilay hazo izay nanome fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Niteny Andriamanitra fa azon'izy ireo nohanina avokoa ny voan'ny hazo rehetra afa-tsy ny voan'ity hazo ity.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary hitan-dravehivavy fa tsara ho fihinana ny hazo sady mahafinaritra ny maso ary hazo mahatsiriritra hampahahendry, dia nanotazany ny voany ka nihinanany; ary nomeny koa ny vadiny ka dia nihinana izy. Dia nahiratra ny mason'izy mivady, ka fantany fa mitanjaka izy; ary nanjaitra ravin'aviavy izy, ka nataony sikina ho azy. Ary nandre an'i Jehovah Andriamanitra nitsangatsangana teo amin'ny saha izy, rehefa ho hariva ny andro; ary ralehilahy sy ny vadiny niery ny tavan'i JEHOVAH Andriamanitra tao anaty hazo tao amin'ny saha. Ary JEHOVAH Andriamanitra dia niantso an-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Aiza moa hianao? Dia hoy izy: Nandre anao tao amin'ny saha aho; dia natahotra aho, satria mitanjaka, ka dia niery. Ary hoy Izy: Iza moa no nanambara taminao fa mitanjaka  hianao? Efa nihinananao va ny hazo izay nandrarako anao tsy hihinananao? Dia hoy ralehilahy: Ny vehivavy izay nomenao ho namako, izy no nanome ahy ny voankazo ka dia nihinana aho. Ary hoy JEHOVAH Andriamanitra tamin-dravehivavy: Inona izao nataonao izao? Dia hoy ravehivavy: Ny menarana no namitaka ahy, ka dia nihinana aho. Ary hoy koa Izy tamin-dravehivavy: Hahabe dia hahabe ny fahorianao Aho, indrindra fa raha manan-anaka hianao; ary fahoriana no hiterahanao zanaka; ary ny vadinao no hianteheran'ny fanirianao, ka izy no hanapaka anao. Ary hoy koa Izy tamin'i Adama: Satria efa nihaino ny feon'ny vadinao hianao, ka nihinananao ny hazo izay nandrarako anao hoe: Aza ihinananao izany, dia voaozona ny tany noho izay nataonao; fahoriana nohihinanannao ny vokany amin'ny andro rehetra hiainanao.. Ary haniry tsilo sy hery ho anao izy; ary hohaninao ny anana famboly. Ny fahatsembohan'ny tavanao no hahazoanao hanina mandra-piverinao any amin'ny tany; fa tany no nanalana anao; fa vovoka hianao ary hiverina ho amin'ny vovoka indray hianao. (Genesisy 3:6-13, 16-19)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Isaia 59:2; Romana 3:23; Romana 6:23; Jakoba 1:13-15; 1 Jaona 3:5)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Ny Fisalasalana sy ny tsy Fankatoavana an'Andriamanitra dia manapaka ny fifandraisan'ny olona amin'Andriamanitra. Ny Andriamanitra tanteraka dia tsy afaka hanaiky ota. Nanota ny olombelona rehetra. Fanaintainana, fahoriana, ary fahafatesana no vokatry ny ota.

# ILAY ANKOHONANA VOAFIDY

LESONA 1-5

Ny Fifandraisana Miavaka teo amin'Andriamanitra sy Abrahama

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Niampita tamin'ny olona rehetra ny vokatry ny otan'i Adama sy Eva. Nanao drafitra Andriamanitra hamerenana ny olombelona amin'ny fifandraisana Aminy. Nanome toky lehilahy iray antsoina hoe Abrahama Izy, fa amin'ny alalan'ny ankohonany, no hihavanan'Andriamanitra amin'ny olombelona.

Soratra Masina Fototra: Ary hoy JEHOVAH tamin'i Abrama: Mandehana miala amin'ny taninao sy ny havanao ary ny tranon'ny rainao hankany amin'ny tany izay hasehoko anao; dia hahatonga anao ho firenena lehibe Aho sady hitahy anao sy hahalehibe ny anaranao; ary ho fitahiana tokoa hianao; ary hitahy izay manisy soa anao Aho, fa hanozona izay manozona anao; ary aminao no hitahiana ny firenena rehetra ambonin'ny tany. (Genesisy 12:1-3)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Abrahama dia lehilahy izay nankatò rehefa niteny taminy Andriamanitra. Nifidy ny ankohonan'i Abrahama ho ankohonana izay handresy an'i Satana, ary ho fitahiana ho an'ny olombelona, Andriamanitra. Tsy natoky Abrahama fa hanome zanaka azy avy amin'ny vadiny Andriamanitra, ka dia nanao zavatra araka ny fantany izy, fa tsy araka ny lalan'Andriamanitra. Tsy nanan-janaka i Abrahama mivady ka dia nanan-janaka tamin'ny mpanompon'ny vadiny i Abrahama. Ny anaran'io zaza io dia Isimaela.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary rehefa sivy amby sivi-folo taona i Abrama, dia nisehoan'i JEHOVAH izy ka nitenenany hoe: Izaho no Andriamanitra Tsitoha; mandehana eo anatrehako, ka aoka ho tsy misy tsiny hianao. Fa Izaho hanao ny fanekeko ho amiko sy aminao ary hahamaro anao indrindra. Dia niankohoka Abrama; ary Andriamanitra niteny taminy ka nanao hoe: Raha ny amiko, dia, indro , aminao ny fanekeko, ka ho tonga rain'ny firenena maro hianao. Ary ny anaranao tsy hatao hoe Abrama intsony, fa hatao hoe Abrahama, satria efa nataoko ho rain'ny firenena maro hianao. Dia hahamaro ny taranakao indrindra aho ka hataoko ho firenena maro hianao; ary hisy mpanjaka hiseho avy aminao. Ary haoriko ny fanekeko ho amiko sy aminao mbamin'ny taranakao mandimby anao hatramin'ny taranaka fara-mandimby, ho fanekena mandrakizay, mba ho Andriamanitrao sy ny taranakao mandimby anao Aho. Dia hoy Andriamanitra tamin'i Abrahama: Ny amin'i Saray vadinao, dia tsy mba hataonao Saray intsony ny anarany, fa Saraha no ho anarany. Ary hitahy azy Aho ka hampanana azy zazalahy ho anao; eny hitahy azy Aho, ka ho tonga firenena maro izy ary hisy mpanjakan'ny firenena maro avy aminy. Dia niankohoka Abrahama ary nitsiky dia nanao anakampo hoe: Hiteraka va aho, izay efa zato taona? Ary hoy Abrahama tamin'Andriamanitra: Enga anie ka Isimaela no ho velona eo anatrehanao! Ary hoy Andriamanitra: Tsia fa Saraha vadinao hiteraka zazalahy aminao; ary ny anarany dia hataonao hoe Isaka; ary ny fanekeko haoriko aminy ho fanekena mandrakizay ho an'ny taranany mandimby azy. (Genesisy 17:1-7, 15-19)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Genesisy 15:1-6; Isaia 51:1-2; Galatiana 3:16-18; Hebreo 11:8-12; Jakoba 2:23)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Ny drafitr'Andriamanitra hampihavana ny olombelona Aminy dia nanomboka tamin'i Abrahama.
Nampanantena Andriamanitra fa amin'ny alalan'ny ankohonan'i Abrahama, no hitahiana ny tany rehetra.
Nampanantena Andriamanitra fa amin'ny alalan'ny ankohonan'i Abrahama, dia ho azo avotana ny mpanota indray andro any.

# NIZAHA TOETRA AN'I ABRAHAMA ANDRIAMANITRA

LESONA 1-6

Nankatò an'Andriamanitra i Abrahama

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ny fampanantenana rehetra nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama dia niankina tamin'ny fahaveloman'Isaka avokoa. Nozahan'Andriamanitra toetra i Abrahama. Nankatò ireo didin'Andriamanitra i Abrahama. Natoky i Abrahama fa tsy handainga Andriamanitra.

Soratra Masina Fototra: Finoana no nanateran'i Abrahama an'Isaka, raha nizahan-toetra izy; eny ny zanani-lahy tokana no naterin'ilay efa nandray tsara ny teny fikasana, dia ilay nilazana hoe: "Avy amin'Isaka no hantsoina izay taranaka ho anao", Fa nihevitra izy fa Andriamanitra dia mahay manangana ny maty aza, ary hoatra ny avy tamin'izany no nandraisany azy. (Hebreo 11:17-19)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Taloha Andriamanitra dia nametraka ny fanatitra alatsa-dra hanonerana ny ota. Ny fanomezana fanatitra dia fanao ara-pivavahana idiovana. Izany koa dia fomba fitsaohana.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary hoy Izy: Ento ny zanakao, ny lahitokanao, izay tianao, dia Isaka, ka mankanesa any amin'ny tany Moria; ary atero any izy ho fanatitra dorana ao amin'ny tendrombohitra anankiray izay holazaiko aminao. Ary nifoha maraina koa Abrahama, dia nanisy lasely ny borikiny ka nitondra zatovony roa lahy koa niaraka taminy sy Isaka zanany; ary namaky ny hazo hataina amin'ny fanatitra dorana izy, dia niainga ka nankany amin'ny tany izay efa nolazain'Andriamanitra taminy. Nony tamin'ny andro fahatelo Abrahama dia nanopy ny masony ka nahatazana ny tany tery lavitra ery. Ary hoy Abrahama tamin'ny zatovony: Mijanòna eto amin'ny boriky hianareo, fa izaho sy ny zazalahy handeha hankery; ary hivavaka izahay, dia hiverina eto aminareo indray. Dia nalain'i Abrahama ny hazo hataina amin'ny fanatitra dorana. Ka natataony an'Isaka zanany; fa izy kosa nitondra ny afo sy ny antsy teny an-tànany; ary dia niara-nandeha izy mianaka. Ary Isaka niteny tamin'i Abrahama rainy ka nanao hoe: Ry ikaky ô! dia hoy izy: Inty aho, anaka. Ary hoy izy: Indreto ny afo sy ny kitay; fa aiza kosa izay ondry atao fanatitra dorana? Fa hoy Abrahama: Anaka, Andriamanitra no hahita izay ondry hatao fanatitra dorana; dia niara-nandeha izy mianaka. Ary rehefa tonga teo amin'ny tany izay efa nolazain'Andriamanitra taminy izy, dia nanorina ny alitara teo Abrahama ka nandahatra ny kitay; dia namatotra an'Isaka zanany izy ka nametraka azy tambonin'ny alitara teo ambonin'ny kitay; Ary Abrahama naninjitra ny tànany ka nandray ny antsy mba hamonoany ny zanany. Fa niantso azy Ilay Anjelin'i Jehovah tany an-danitra ka nanao hoe: Ry Abrahama, ry Abrahama ô! ary hoy kosa izy: Inty aho. Dia hoy Izy: Aza maninjitra ny tànanao amin'ny zazalahy, ary aza maninona azy akory hianao; fa hitako izao fa matahotra an'Andriamanitra hianao, ka tsy narovanao tamiko ny zanakao, dia ny lahitokanao. Ary Abrahama niherika nijery, ka, indro, nisy ondrilahy teo ivohony, voasangazotry ny kirihitrala ny tandrony; dia lasa Abrahama ka naka ny ondrilahy ary nanatitra azy ho fanatitra dorana ho solon'ny zanany. (Genesisy 22:2-13)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Genesisy 22:15-18; Romana 4:1-24; Jakoba 2:21-22)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Ny fanateran'i Abrahama an'Isaka dia maneho ny finoan'i Abrahama an'Andriamanitra. Nankatò an'Andriamanitra i Abrahama. Tamin'i Abrahama nozahan'Andriamanitra toetra, dia natoky sy nankatò an'Andriamanitra izy. Taona maro taorian'ny tantaran'i Abrahama, dia nanome fanatitra tanteraka indray mandeha, izay mamafa ny otan'ny olona rehetra Andriamanitra.

# HISY FIAINANA AORIAN'NY FAHAFATESANA

LESONA 1-7

Ny Fiainana Aorian'ny Fahafatesana dia Lanitra na Helo

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Mampianatra mikasika ny fiainana aorian'ny fahafatesana ny Soratra Masina. Aorian'ny fahafatesana ny olona rehetra dia, na ho any an-danitra, na ho any amin'ny helo. Ny lanitra dia any amin'izay misy an'Andriamanitra. Ho feno fifaliana ny Lanitra satria isika hiaraka amin'Andriamanitra. Ny Helo dia toerana misy ny famaizana mahatsiravina. Ny olona any amin'ny helo dia tafasaraka mandrakizay tanteraka amin'Andriamanitra. Hitsara ny olona rehetra Andriamanitra.

Soratra Masina Fototra: Fa fahafatesana no tambin'ny ota; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika. (Romana 6:23)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Mampiasa fanoharana ny Baiboly hampianarana fahamarinana. Ny fanoharana dia tantara izay manana dikany lalina. Ato amin'ity fanoharana ity ny "Zanak'Olona" dia iray amin'ireo anaran'Andriamanitra.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary nanao fanoharana hafa koa taminy Izy ka nanao hoe: Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny lehilahy anankiray izay namafy voa tsara tany an-tanimbariny; fa raha natory ny olona, dia avy ny fahavalony ka namafy voan-tsimparifary teny amin'ny vary, dia lasa nandeha. Ary rehefa naniry ny vary ka niteraka dia niposaka koa ny tsimparifary. Dia avy ny mpanompon-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Tompoko, tsy voa tsara va no nafafinao tany an-tanimbarinao? koa avy taiza kosa ny tsimparifary? Dia hoy izy taminy: Fahavalo no nanao izany. Ary ny mpanompony nanao taminy hoe: Koa tianao va ny handehananay hanongotra sy hanangona azy? Fa hoy izy: Tsia, fandrao, raha manongotra ny tsimparifary hianareo, dia hongotanareo miaraka aminy koa ny vary. Aoka ihany hiara-maniry izy roroa ambara-pihavin'ny fararano; ary amin'ny fararano dia holazaiko amin'ny mpijinja hoe: Angony aloha ny tsimparifary, ka ataovy amboarany mba hodorana; fa ny vary dia taomy ho any an-tsompitro. Ary namaly Izy ka nanao hoe: Ny mpamafy ny voa tsara dia ny Zanak'olona; ny tanimbary dia izao tontolo izao; ny voa tsara dia ny zanaky ny fanjakana; ny tsimparifary dia ny zanak'ilay ratsy; ny fahavalo izay namafy izany dia ny devoly; ny fararano dia ny fahataperan'izao tontolo izao; ary ny mpijinja dia anjely. Koa tahaka ny anangonana ny tsimparifary sy andoroana azy amin'ny afo, dia toy izany no hatao amin'ny fahataperan'izao tontolo izao. Ny Zanak'olona haniraka ny anjeliny, ary ireny dia hanangona ka hamoaka amin'ny fanjakany ny zavatra mahatafintohina rehetra mbamin'izay manao meloka, dia hanipy azy any amin'ny fandoroana lehibe mirehitra afo izy; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify. Ary amin'izany ny marina dia hamirapiratra tahaka ny masoandro any amin'ny fanjakan'ny Rainy. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino. (Matthew 13:24-30, 37-43)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 13:47-50; Matio 25:31-46; Marka 9:47-48, John 14:1-3; Filipiana 3:20; 1 Tesaloniana 4:13-18; Apokalypsy 20:12-15; Apokalypsy 21-22)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Hitsara ny olona rehetra Andriamanitra aorian'ny hahafatesany. Ny Lanitra dia toerana feno fiainana sy fifaliana. Ny Helo dia toerana feno alahelo sy fanaintainana.

LESONA 1-8

# JESOSY KRISTY

Andriamanitra Feno sy Olombelona Feno

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ao amin'ny Baiboly manontolo Andriamanitra dia manamboatra drafi-panavotana, mba hanao lálana hamerenana amin'ny laoniny ny fifandraisana tapaka teo amin'Andriamanitra sy ny olona. Rehefa tonga ny fotoana, Andriamanitra dia naniraka ny Zanani-lahy Jesosy Kristy, hampihavana ny olona Aminy.

Soratra Masina Fototra: Ary noho izany dia ny Tompo no hanome famantarana ho anareo: Indro, hanan-anaka ny virijina ka hiteraka zazalahy; Ary ny anarany hataony hoe Imanoela. (Isaia 7:14)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Manambara amintsika ny Baiboly fa Jesosy dia avy tamin'ny ankohonan'i Davida izay avy tamin'i Abrahama.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary ny nahaterahan'i Jesosy Kristy dia toy izao: Rehefa nanaiky Maria, renin'i Jesosy ho fofombadin'i Josefa, raha tsy mbola nivady izy, dia hita fa nitoe-jaza avy tamin'ny Fanahy Masina izy. Ary Josefa vadiny, izay lehilahy marina sady tsy ta-hanala baraka azy, dia nikasa hametraka azy mangingina. Fa raha mbola nisaina izany izy, indro, nisy anjelin'ny Tompo niseho taminy tamin'ny nofy ka nanao hoe: Ry Josefa zanak'i Davida, aza matahotra hampakatra an'i Maria vadinao; fa ny Zaza ao an-kibony dia avy amin'ny Fanahy Masina, ka hiteraka Zazalahy izy, ary ny anarany hataonao hoe: Jesosy; fa Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany. Ary izany rehetra izany dia tonga mba hahatanteraka izay nampilazain'ny Tompo ny mpaminany hoe: "Indro, ny virijina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; Ary ny anarany hataon'ny olona hoe Imanoela", izany hoe, raha adika: "Amintsika Andriamanitra." Ary Josefa, rehefa nahatsiaro tamin'ny torimasony, dia nanao araka izay nandidian'ny anjelin'ny Tompo azy ka nampakatra vadiny. Ary tsy nahalala azy izy mandra-piterany Zazalahy; ary ny anarany nataony hoe Jesosy. (Matio 1:18-25)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 16:13-20; Matio 26:63-64; Lioka 1:28-35; Jaona 1:1-14; Jaona 3:16; Filipiana 2:5-11; Kolosiana 1:15-20; Kolosiana 2:9)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Andriamanitra feno sy Olona feno Jesosy Kristy. Jesosy Kristy dia nirahina hamitrana ny fifandraisana tapaka teo amin'Andriamanitra sy ny olona.

# DRAFITRA FAMPIHAVANAN' ANDRIAMANITRA HO AN'NY OLOMBELONA

LESONA 1-9

Fandraisana ny Famaizana tamin'ny Ota sy ny Famitranam-Pihavanana

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Tia ny olona rehetra Andriamanitra. Ny olona dia natao hitia an'Andriamanitra sy hanana fifandraisana amin'Andriamanitra. Nandresy lahatra an'i Adama sy Eva tsy hankatò an'Andriamanitra Satana. Ny tsy fankatoavana an'Andriamanitra dia ota. Namotika ny fifandraisana feno teo amin'Andriamanitra sy ny olona ny ota. Nampanantena ny olombelona Andriamanitra fa ny fifandraisana tanteraka eo amin'Andriamanitra sy ny olona dia havitrana. Nampanantena an'i Adama Andriamanitra fa indray andro any dia hisy olona avy ao amin'ny ankohonany hanorotoro ny lohan'i Satana. Nampanantena Andriamanitra fa hotahiany ny firenena eto ambonin'ny tany, amin'ny alalan'ny taranak'i Abrahama. Notanterahan'Andriamanitra ny Teny fikasany, tamin'ny fanirahany ny Zanani-lahy, dia Jesosy Kristy.

Soratra Masina Fototra: Fa fony mbola tsy nanan-kery isika, dia maty Kristy tamin'ny fotoan'andro hamonjy ny ratsy fanahy. (Romans 5:6)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Naniraka ny Zanani-lahy tokana Andriamanitra. Jesosy Kristy no anarany. Fahagagana no nahaterahany. Andriamanitra feno sady olona feno Izy. Velona Izy ary niha-lehibe sady tsy nanota na indray mandeha aza. Nanao fahagagana maro Izy ary nampianatra fahamarinana feno fahendrena marobe. Maro ireo mpitarika ara-pivavahana no tsy tia azy ary nifofo hamono Azy izy ireo. Naka am-bavany an'i Jesosy ny governora foibe ary resy lahatra fa tsy manan-tsiny Izy. Mba hanomezana fahafaham-po ny vahoaka, dia namela ny olona hikapoka an'i Jesosy sy hanombo Azy tamin'ny hazo fijaliana ny governora. Ny hazo fijaliana dia fomba fampijaliana. Nilaza Andriamanitra fa noho ny otantsika no nikapohana sy namonoana an'i Jesosy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary ny miaramilan'ny governora dia nitondra an'i Jesosy ho ao anati-rova sady nanangona ny miaramila namany rehetra ho eo aminy. Ary rehefa nanala ny fitafiany, dia nanafy Azy lamba jaky izy. Ary nandrandrana satroka tsilo izy, ka nasatrony ny hohany, ary nampitaniny volotara ny tànany ankavanana, dia nandohalika teo anatrehany izy ka naneso Azy hoe: Arahaba, ry Mpanjakan'ny Jiosy! Dia nororany Izy, ary nalainy ny volotara, ka nokapohiny ny lohany. Ary rehefa naneso Azy izy, dia nanala ilay lamba taminy, ka nampitafiny Azy indray ny fitafiany, ary dia nentiny Izy mba hohomboana amin'ny hazofijaliana. Ary raha nandeha izy, dia nahita lehilahy Kyreniana anankiray, atao hoe: Simona ka izy notereny hitondra ny hazofijalin'i Jesosy. Ary rehefa tonga teo amin'ny tany atao hoe Golgota izy, izany hoe Ikarandoha, dia nomeny divay miharo afero Izy hosotroiny; ary nony nanandrana izany Izy, dia tsy nety nisotro. Ary rehefa voahombony tamin'ny hazo fijaliana Izy dia nanaovany loka no fizàrany ny fitafiany. Ary nipetraka izy, dia niambina Azy teo. Ary napetany teo ambonin'ny lohany ny soratra milaza ny nanamelohana Azy, dia izao: ITY NO JESOSY, MPANJAKAN'NY JIOSY. Ary nisy jiolahy roa nohomboana tamin'ny hazofijaliana teo an-daniny roa, ny anankiray teo amin'ny ankavanany, ary ny anankiray teo amin'ny an-kaviany. Ary hatramin'ny ora fahenina ka hatramin'ny ora fahasivy dia maizina ny tany rehetra. Ary rehefa niantso tamin'ny feo mahery indray Jesosy, dia nanolotra ny fanahiny. (Matio 27:27-38, 45, 50)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Isaia 53:5-6; Marka 10:45; Jaona 1:29; Efesiana 1:7; 1 Timoty 1:15; 1 Petera 2:24)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Ny fahafatesan'i Jesosy Kristy teo amin'ny hazo fijaliana dia nanokatra lalana ho an'ny olona rehetra, hanana fifandraisana manokana amin'Andriamanitra. Nandoa ny tombam-bidin'ny otantsika Jesosy. Jesosy Kristy no fanatitra tanteraka indray mandeha, noho ny otantsika. Naka ny toerantsika Jesosy Kristy. Tsy vokatry ny ezaka nataontsika ity fanomezana manokana ity. Tsy mendrika antsika ity fanomeza

# NANDRESY NY FAHAFATESANA JESOSY

LESONA 1-10

Ny Fitsanganany dia Nanaporofo ny Maha-Izy Azy

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Fony tety ambonin'ny tany Jesosy, dia niteny fa ho faty noho ny otantsika Izy, ary hitsangana amin'ny maty. Jesosy Kristy dia maty teo amin'ny hazo fijaliana ary avy eo dia nitsangana tamin'ny maty. Rehefa nitsangana tamin'ny maty Jesosy Kristy, dia porofo izany fa Andriamanitra Izy. Izay nolazainy sy nanomezany baiko rehetra dia marina.

Soratra Masina Fototra: Fa natolotro ho anareo ho isan'ny zavatra voalohany indrindra ilay noraisiko, dia izao: Kristy maty noho ny fahotantsika araka ny Soratra Masina, dia nalevina, ary natsangana tamin'ny andro fahatelo araka ny Soratra Masina. (1 Korintiana 15:3-4)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Taorian'ny fahafatesan'i Jesosy Kristy teo amin'ny hazo fijaliana, dia nisy namana sasany naka ny Fatiny. Nalevin'izy ireo tao anaty fasana Jesosy. Nanome baiko ny governora mba hasiana vatobe eo anoloan'ny varavaram-pasana. Niandry ny fasana ny miaramila mba isorohana ny fangalaran'ny olona ny fatin'i Jesosy. Telo andro taorian'ny nahafatesany, dia nisy vehivavy telo nankany amin'ny fasana. Hitan'izy ireo fa nisy nanakodia ny vato ary nisy anjely iray nipetraka teo amboniny.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary ny anjely namaly ka nilaza tamin'ny vehivavy hoe: Aza matahotra hianareo; fa fantatro fa Jesosy, Izay efa nohomboana tamin'ny hazo fijaliana, no tadiavinareo. Tsy ato Izy, fa efa nitsangana araka izay nolazainy. Avia, ka jereo, fa tao no nandrian'ny Tompo. Ary mandehana faingana, ka lazao amin'ny mpianany fa efa nitsangana tamin'ny maty izy, ary indro mialoha anareo ho any Galilia Izy; any no hahitanareo Azy; indro, efa nilaza taminareo aho. Dia niala faingana tamin'ny fasana izy ireo sady natahotra no faly indrindra; dia nihazakazaka hilaza tamin'ny mpianatra. (Matio 28:5-8)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Asan'ny Apostoly 2:22-24; Romana 1:3-4; Romana 8:33-34; 1 Korintiana 15:12-22; 1 Petera 1:3)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nitsangana tamin'ny maty Jesosy. Tsy afaka nametra an'i Jesosy Kristy ny fahafatesana satria Andriamanitra Izy. Izy no fanatitra feno noho ny fahotana. Jesosy Kristy no Andriamanitry ny aina. Noporofoin'i Jesosy Kristy fa tsy mpampianatra tsara na mpaminany fotsiny Izy. Jesosy Kristy dia nanaporofo fa manana ny hery sy ny fahefana rehetra Izy. Jesosy Kristy dia nanaporofo fa Izy no Mpanjakan'ny tany.

# INONA NO TOKONY HATAOKO MBA HO VONJENA AHO?

LESONA 1-11

Minoa

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Maty sy nitsangana tamin'ny maty Jesosy mba hananan'ny olona rehetra fiainana. Nantsoina hanana finoana an'i Jesosy Kristy ny olona rehetra, ary hino fa Izy no Zanak'Andriamanitra. Afaka ny ho voavonjy amin'ny famaizan'ny ota ny olona rehetra, raha mino an'i Jesosy Kristy ho Zanak'Andriamanitra. Afaka ny ho voavonjy amin'ny famaizan'ny ota ny olona rehetra, raha mino an'i Jesosy izy sy miaiky amin'ny vavany fa Izy no Andriamanitra. Ny olona rehetra dia manana safidy ny hino an'Andriamanitra sy hovonjena na hanilika Azy. Maniry ny hahavoavonjy ny olona rehetra Andriamanitra.

Soratra Masina Fototra: Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay. Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao. (Jaona 3:16-17)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Taorian'ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty, dia niseho tamin'ireo Mpianany Izy. Ny iray tamin'ireo Mpianany antsoina hoe Tomasy dia tsy teo. Tsy nahita an'i Jesosy izy hatramin'ny nanombohana azy. Ny finoana ny fisian'ny zavatra iray tsy hita na tsapa no antsoina hoe finoana.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Fa Tomasy, anankiray tamin'ny roa ambin'ny folo lahy, ilay atao hoe Didymo, dia tsy mba teo aminy raha tonga Jesosy. Dia hoy ny mpianatra sasany taminy: Efa nahita ny Tompo izahay. Fa hoy kosa izy taminy: Raha tsy hitako eo amin'ny tànany ny holatry ny nohomboana, ka ataoko eo amin'ny holatry ny nohomboana ny rantsan-tànako, ary ataoko eo amin'ny lanivoany koa ny tànako, dia tsy mba hino aho. Ary nony afaka havaloana, dia tafangona teo indray ny mpianany, ary teo koa Tomasy. Dia tonga Jesosy, rehefa voarindrina ny varavarana, ka nitsangana teo afovoany, dia nanao hoe: Fiadanana ho anareo. Ary hoy Izy tamin'i Tomasy: Atehefo eto ny rantsan-tànanao, ka jereo ny tànako; ary atehefo eto koa ny tànanao, ka ataovy amin'ny lanivoako; ary aza ho isan'izay tsy mino, fa minoa. Dia namaly Tomasy ka nanao taminy hoe: Tompoko sy Andriamanitro! Hoy Jesosy taminy: Satria nahita Ahy hianao, dia nino; sambatra kosa izay tsy nahita, nefa nino. Ary nisy famantarana maro hafa koa nataon'i Jesosy teo imason'ny mpianatra, izay tsy voasoratra amin'ity boky ity; fa voasoratra izao, mba hinoanareo fa Jesosy no Kristy Zanak'Andriamanitra, ary mba hananareo fiainana amin'ny anarany, raha mino hianareo. (Jaona 20:24-31)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Jaona 3:16-21; Asan'ny Apostoly 10:43; Asan'ny Apostoly 16:25-31; Romana 6:23; Romana 10:9-10; Galatiana 2:20; Galatiana 3; Efesiana 2:8-9; Hebreo 11)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Jesosy Kristy dia nitondra ny famaizana noho ny otantsika. Ny Soratra Masina dia milaza fa hanana fiainana mandrakizay ny olona, raha mino izy ireo fa Andriamanitra nanangana Azy tamin'ny maty. Tsy afaka ny ho lasa Kristiana raha tsy misy finoana. Ny mino dia finoana sy fahatokiana an'i Jesosy Kristy na dia tsy mahita Azy aza isika. Ny mino dia finoana fa Jesosy Kristy nitsangana tamin'ny maty nisolo ny otantsika.

# AHOANA NO AMALIANTSIKA NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA?

LESONA 1-12

Mibebaha

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ny Fibebahana dia fiovam-po sy saina. Anisan'ny fibebahana ny fiheverana sy ny fihetsika miova, mikasika ny ota sy Andriamanitra. Ny atao hoe Fibebahana dia midika hoe mankahala ota isika, toy ny ankahalan'Andriamanitra ny ota. Ny vokatry ny fibebahana dia fiovan'ny fitondrantena feno ota.

Soratra Masina Fototra: Ary Andriamanitra ninia tsy nijery ny andron'ny tsi-fahalalana; fa ankehitriny Izy mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka. (Asan'ny Apostoly 17:30)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Jesosy dia mpampianatra lehibe ary nandehandeha nanao fahagagana sy nanasitrana ny olona nanana zavatra ilaina. Izay nalehan'i Jesosy dia nisy vahoaka marobe foana.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary Jesosy niditra ka nandeha namaky an'i Jeriko. Ary, indro, nisy lehilahy atao hoe Zakaiosy, izay lehiben'ny mpamory hetra sady nanan-karena. Ary nitady hahita izay Jesosy izy, kanefa tsy afaka noho ny habetsahan'ny olona nifanety, satria fohy izy. Dia nihazakazaka nialoha izy ka nananika aviavy hizaha an'i Jesosy; fa efa handalo tamin'izany làlana izany Izy. Ary rehefa tonga teo Jesosy, dia niandrandra ka nanao taminy hoe: Ry Zakaiosy, midìna faingana; fa tsy maintsy mitoetra ao an-tranonao Aho anio. Dia nidina faingana izy ka nampiantrano Azy sady faly. Ary raha nahita izany izy rehetra, dia nimonomonona ka nanao hoe: Lasa nandeha hiantrano amin'izay lehilahy mpanota Izy. Fa Zakaiosy kosa nitsangana ka nanao tamin'ny Tompo hoe: Indro, Tompoko, ny antsasaky ny fananako omeko ho an'ny malahelo; ary raha misy zavatr'olona nalaiko tamin'ny fanambakana, dia honerako avy efatra heny izany. Ary hoy Jesosy taminy: Anio no tonga eto amin'ity trano ity ny famonjena, fa izy dia zanak'i Abrahama koa. Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very. (Lioka 19:1:10)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 3:2; Matio 4:17; Marka 1:15; Lioka 5:32; Lioka 13:15; Asan'ny Apostoly 2:31-41, Asan'ny Apostoly 3:19-20)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Ny finoantsika an'i Jesosy Kristy dia mitarika antsika hibebaka. Rehefa mibebaka isika, dia miova ny fo sy ny saintsika. Rehefa voaova ny fontsika sy ny saintsika, dia miova ny asa ratsintsika. Ireo izay mino sy matoky an'i Jesosy dia miaina fiainana hafa noho ireo olona manodidina azy, ary matoky an'i Jesosy.

# SAKAIZAN'I JESOSY AHO

LESONA 1-13

Mitoetra ao amin'ny Fitiavany aho, amin'ny Fankatoavako ny Didiny

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy antsika, dia sakaizan'Andriamanitra isika. Ny sakaizan'Andriamanitra dia mahalala an'Andriamanitra amin'ny fomba miavaka. Ireo sakaizan'Andriamanitra dia tia an'Andriamanitra, ary tia ny hafa. Matoky sy mankatò ny didin'Andriamanitra izay sakaizany.

Soratra Masina Fototra: Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy. (Jaona 10:27)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Niteny tamin'ireo Apostoliny Jesosy, nanome azy ireo toromarika. Ny Ray Izay nolazainy dia Andriamanitra Ray.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.
Hoy Filipo taminy: Tompoko, asehoy anay ny Ray, dia ampy ho anay izay. Hoy Jesosy taminy: Izay ela izay no efa nitoerako teto aminareo, ka tsy mbola fantatrao ihany va Aho, ry Filipo? Izay nahita Ahy dia nahita ny Ray; koa ahoana no anaovanareo hoe: Asehoy anay ny Ray? Tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy no nitiavako anareo; tomoera amin'ny fitiavako hianareo. Raha mitandrina ny didiko hianareo, dia hitoetra amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako amin'ny fitiavany. Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo. Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo. Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany. Hianareo no sakaizako, raha manao araka izay andidiako anareo. Tsy hataoko hoe mpanompo intsony hianareo, fa ny mpanompo tsy mahalala izay ataon'ny tompony; fa efa nataoko hoe sakaiza hianareo, satria izay rehetra reko tamin'ny Raiko no nambarako taminareo.
(Jaona 14:8-9; 15:9-15)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 7:16-20; Jaona 14:15-23; Kolosiana 1:10; 2 Petera 1:3-8; 1 Jaona 4:7-8; 1 Jaona 5:1-5)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy antsika, dia sakaizan'Andriamanitra isika. Amin'ny maha-sakaizan'Andriamanitra antsika, dia nantsoina hihaino ny Feony sy hankatò isika. Amin'ny maha-sakaizan'Andriamanitra antsika, dia nantsoina hitia ny hafa tahaka ny nitiavan'i Jesosy Kristy antsika isika.



# NY FOTOTRA

## MITOERA AO AMIN'I KRISTY

*Tomoera amiko ary Izaho aminareo. Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa hianareo, raha tsy miray amiko. Jaona 15:4*

Fanoroam-pejy

**Lesona:**


**2-1 Aoka Hatao Batisa.........Pejy 34**
*Minoa ny Tompo*

**2-2 Isika no Fahazavan'Izao Tontolo Izao.........Pejy 35**
*Ambarao amin'Izao Tontolo Izao hoe Iza moa Jesosy*

**2-3 Aoka Hihavana amin'ny Hafa.........Pejy 36**
*Mamelà Ireo izay Nanota Taminao*

**2-4 Aza Mijangajanga.........Pejy 37**
*Aza Mijery ny Hafa Amin'ny Fitsiriritana*

**2-5 Masina amin'Andriamanitra ny Fanambadiana.........Pejy 38**
*Tsy Tian'Andriamanitra ny Fisaraham-panambadiana*

**2-6.Famaliana ny Tsy Rariny.........Pejy 39**
*Aoka Hiaina ho Ohatry ny Fitiavana*

**2-7 Tiava ny Fahavalonareo.........Pejy 40**
*Tia ny Olona Rehetra Andriamanitra*

**2-8 Manomeza ny Hafa.........Pejy 41**
*Miahy Ireo Tsy Manana Andriamanitra*

**2-9 Vavaka.........Pejy 42**
*Miresaka sy Mihaino an'Andriamanitra*

**2-10 Miharia Harena any An-danitra .........Pejy 43**
*Manajà an'Andriamanitra Amin'ny Fiainantsika sy ny Fananantsika*

**2-11 Aza manahy.........Pejy 44**
*Fantatr'Andriamanitra sy Iantohany Izay Ilainao*

**2-12 Aza Mitsara ny Hafa.........Pejy 45**
*Andriamanitra no Mpitsara*

**2-13 Mangataha, Mitadiava, Dondòny.........Pejy 46**
*Mamaly ny Vavaka Ikirizana Andriamanitra*

# AOKA HATAO BATISA

LESONA 2-1

Minoa ny Tompo

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Baikon'ny Tompo ny batisan'ny rano. Milaza ny Baiboly fa aorian'ny andraisantsika an'i Kristy, dia tokony hatao batisa isika. Atao batisa ny mpino vaovao rehefa asitrika ao anaty rano ary avoaka avy ao izy. Ny batisa dia sarin'ny fahaterahana indray ara-panahy, izay mitranga, rehefa tonga Kristiana isika. Ny Batisa dia sary ho an'ny hafa fa mpanara-dia an'i Kristy isika.

Soratra Masina Fototra: Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. (Matio 28:19)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Filipo dia mpanara-dia an'i Kristy izay nanambara ny Vaovao Mahafalin'ny fanjakan'Andriamanitra.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary Filipo nidina tany an-tanàna any Samaria ka nitory an'i Kristy tamin'ny olona tao. Ary ny vahoaka betsaka dia niray hevitra nihaino izay nolazain'i Filipo, raha nandre azy sy nahita ny fahagagana nataony. Fa ny fanahy maloto niantso tamin'ny feo mahery, dia nivoaka tamin'ny maro izay nanana azy; ary maro ny mararin'ny paralysisa sy ny mandringa no nositraniny. Dia nisy fifaliana lehibe tao amin'izany tanàna izany. Ary nisy lehilahy anankiray rahateo teo an-tanàna, atao hoe Simona, izay nanao ody ka nahatalanjona ny olona tany Samaria sady nandoka tena nanao azy ho zavatra; ary nihaino azy ny olona rehetra, na ny kely na ny lehibe, ka nanao hoe: Ity lehilahy ity no herin'Andriamanitra, izay atao hoe hery lehibe. Ary nihaino azy ny olona, satria efa ela no talanjona tamin'ny odiny. Ary rehefa nino an'i Filipo nitory ny teny soa mahafaly ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra sy ny anaran'i Jesosy Kristy ireo, dia natao batisa avokoa na lahy na vavy. Ary Simona koa mba nino; ary rehefa natao batisa izy, dia nanaraka an'i Filipo. Ary talanjona izy, raha nahita ny famantarana sy ny asa lehibe izay natao. (Asan'ny Apostoly 8:5-13)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Asan'ny Apostoly 2:38; Asan'ny Apostoly 18:8; Romana 6:4-5; Galatiana 3:27; Kolosiana 2:12)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Milaza ny Baiboly fa tsy maintsy atao batisa ny Kristiana. Ny batisan'ny rano dia sarin'ny zava-mitranga ao am-pontsika rehefa nandray an'i Jesosy ho Tompo sy Mpamonjy isika. Ny Batisa dia fijoroana vavolombelona amin'ny hafa fa isika dia mpanara-dia an'i Jesosy Kristy.

# ISIKA NO FAHAZAVAN'IZAO TONTOLO IZAO

LESONA 2-2

Ambarao amin'Izao Tontolo Izao hoe Iza moa Jesosy

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ny atao hoe Kristiana dia olona izay manara-dia an'i Jesosy Kristy. Milaza ny Soratra Masina fa tokony ho fahazavana ho an'izao tontolo izao ny Kristiana, amin'ny fanehoana amin'izao tontolo izao hoe iza moa Jes

Soratra Masina Fototra: Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra. Ary koa tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana, fa apetrany eo amin'ny fanaovan-jiro, ka dia mazava amin'izay rehetra ao an-trano izany. Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra. (Matio 5:14-16)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Nipetraka teo am-pantsakana Jesosy. Nisy vehivavy tonga haka rano. Nangataka rano hosotroina tamin'ilay vehivavy Jesosy. Niteny tamin'ilay vehivavy Jesosy fa afaka manome azy loharano velon'ny fiainana mandrakizay. Niresaka zavatra mikasika ny fiainany tamin'i Jesosy ilay vehivavy, izay tsy ho fantany raha tsy tamin'ny fahalalana avy amin'Andriamanitra. Notsorin'i Jesosy tamin-dravehivavy fa Andriamanitra Izy. Talanjona tamin'ny tenin'i Jesosy ravehivavy, ka nino izay rehetra nolazainy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Dia nandao ny sininy ravehivavy ary nankany an-tanàna ka nanao tamin'ny olona hoe: Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, Izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra; Izao angaha no Kristy? Dia nivoaka avy tao an-tanàna ny olona ka nankeo amin'i Jesosy. Dia nivoaka avy tao an-tanàna ny olona ka nankeo amin'i Jesosy. Ary raha tsy mbola tonga izy ireny, ny mpianany dia nangataka taminy ka nanao hoe: Hano, Raby ô. Fa hoy Jesosy taminy: Izaho manan-kanin-kohanina izay tsy fantatrareo. Dia niresaka ny mpianatra ka nanao hoe: Nisy olona nitondra zavatra hohanina va re? Hoy Jesosy taminy: Ny haniko dia ny manao ny sitrapon'izay naniraka Ahy sy ny mahavita ny asany. Moa hianareo tsy manao hoe va: Efa-bolana no sisa, dia tonga ny fararano? Indro, lazaiko aminareo: Atopazy ny masonareo, ka jereo ny eny an-tsaha, fa efa masaka sahady hojinjana izy. Ary izay mijinja dia mandray karama ka mamory vokatra ho amin'ny fiainana mandrakizay, mba hiara-mifaly ny mpamafy sy ny mpijinja. Ary amin'izany dia marina ilay teny hoe: mamafy, ary ny iray kosa mijinja. Izaho naniraka anareo hijinja izay tsy nisasaranareo; olon-kafa no nisasatra, fa hianareo kosa no niditra teo amin'izay nisasarany. Ary maro ny Samaritana avy tao amin'izany tanàna izany no nino an'i Jesosy noho ny filazan-dravehivavy, izay nanambara hoe: Nolazainy tamiko avokoa izay rehetra nataoko. Ary rehefa nanatona Azy ny Samaritana, dia nangataka Azy hitoetra tao aminy; ka dia nitoetra tao indroa andro Izy. Ary maro koa no nino noho ny teniny ka nanao tamin-dravehivavy hoe: Tsy noho ny filazanao ihany no inoanay, fa ny tenanay no mandre, ka fantatray fa Izy tokoa no Mpamonjy izao tontolo izao. Jaona 4:28-42

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Marka 16:15-16; Lioka 11:33-36; Asan'ny Apostoly 1:8)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Jesosy no tena Fahazavana sy Mpamonjy izao tontolo izao marina. Nasain'i Jesosy handeha sy ho fahazavana ho an'izao tontolo izao ny mpanara-dia Azy, mba hahitan'ny olona hoe Iza Izy.

# AOKA HIHAVANA AMIN'NY HAFA

LESONA 2-3

Mamelà Ireo izay Nanota Taminao

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nanome toro-marika ny Mpianany hihavana amin'izy samy izy Jesosy. Nomena toro-marika halemy fanahy amin'ny olona sy hamindra fo amin'izay manota aminy ny Kristiana. Ny fihavanana aman'olona dia ny manitatra ny famelan-keloka, amin'ireo izay nanafintohina na nandratra antsika.

Soratra Masina Fototra: Ary amin'izany, raha mitondra ny fanatitrao ho eo amin'ny alitara hianao, ary eo no mahatsiaro fa ny rahalahinao manana alahelo aminao, dia avelao eo anoloan'ny alitara ny fanatitrao, ka mandehana aloha, ataovy izay hihavananao amin'ny rahalahinao, ary rehefa miverina, dia vao atero ny fanatitrao. (Matio 5:23-24)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Nanontany an'i Jesosy ny iray tamin'ireo mpianany hoe impiry izy no tokony hamela ny olona izay nanota taminy. Ho valin'izany dia nanao izao fanoharana manaraka izao Jesosy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.
Koa amin'izany ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny mpanjaka anankiray, izay te-hidinika amin'ny mpanompony ny amin'ny volany. Ary raha vao nidinika izy, dia nisy anankiray nentina teo aminy, izay nitrosa talenta iray alina. Ary satria tsy nanan-kaloa izy, dia nasain'ny tompony hamidy izy sy ny vadiny aman-janany mbamin'ny fananany rehetra handoavana ny trosa. Dia niankohoka teo anatrehany ilay mpanompo ka nanao hoe: Tompoko, omeo andro aho, fa aloako ny anao rehetra. Ary ny tompon'izany mpanompo izany dia onena azy, ka nandefa azy sady namoy ny trosa taminy. Nefa nony nivoaka izany mpanompo izany, dia nahita mpanompo namany anankiray, izay nitrosa denaria zato taminy; dia nosamboriny izy ka notraohiny sady nataony hoe: Alaovy izay trosako aminao. Fa niankohoka ilay mpanompo namany ka nifona taminy nanao hoe: Omeo andro aho, fa haloako ny anao. Nefa tsy nety izy, fa lasa nampanao azy tao an-trano-maizina mandra-pandoany ny trosa. Ary nony hitan'ireo mpanompo namany izay efa natao, dia nalahelo indrindra izy ka nandeha nanambara tsara tamin'ny tompony izany rehetra natao izany. Dia nampanalain'ny tompony ralehilahy noteneniny hoe: Ry mpanompo ratsy fanahy, efa nafoiko ilay trosa rehetra taminao, satria nifona tamiko hianao; moa tsy tokony mba ho namindra fo tamin'ny namanao koa va hianao tahaka ny namindrako fo taminao? Dia tezitra ny tompony ka nanolotra azy hoamin'ny mpampijaly mandra-pandoany ny trosa rehetra. Ary tahaka izany koa no hataon'ny Raiko Izay any an-danitra aminareo, raha tsy samy mamela ny rahalahinareo amin'ny fonareo avy hianareo. (Matio 18:23-35)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 6:14; Marka 11:25-26; Lioka 11:4; Lioka 17:3-4; 2 Korintiana 2:5-11; Efesiana 4:32; Kolosiana 3:12-14)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nantsoina hamela ny olon-kafa toy ny amelan'Andriamanitra ny tsirairay amintsika isika mpanara-dia an'i Jesosy. Nomena toro-marika hihavana amin'ireo mpiara-monina aminy ny mpanara-dia an'i Kristy.

LESONA 2-4

# AZA MIJANGAJANGA

Aza Mijery ny Hafa Amin'ny Fitsiriritana

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nomen'i Jesosy toro-marika ireo Mpianany mba tsy hijangajanga. Nampianarin'i Jesosy fa ny mijery olona hila azy, dia ota.

Soratra Masina Fototra: Efa renareo fa voalaza hoe: "Aza mijangajanga." Fa Izaho kosa milaza aminareo fa izay rehetra mijery vehivavy hila azy dia efa nijangajanga taminy tam-pony sahady. (Matio 5:27-28)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Mpanjaka malaza teo amin'ny Isiraely i Davida. Nahita vehivavy nandro Davida ary nila azy. Vadin'ny mpitarika tao amin'ny miaramilan'i Davida ity vehivavy ity. Nantsoina hoe Oria Hetita ity lehilahy ity. Nasain'i Davida nalain'ny mpanompony ilay vehivavy. Bevohokan'i Davida izy. Nalefan'i Davida tany an'ady i Oria, dia maty tany. Tsy nankasitraka izany Andriamanitra. Naniraka mpaminany antsoina hoe Natana tany amin'i Davida Andriamanitra.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary Jehovah naniraka an'i Natana hankao amin'i Davida. Ary dia tonga tao aminy izy ka nanao taminy hoe: Nisy olona roa lahy tao an-tanàna anankiray, ny iray manan-karena, ary ny iray malahelo. Ilay manan-karena nanana ondry aman-osy sy omby betsaka; fa ilay malahelo kosa tsy nanana na inona na inona afa-tsy zanak'ondry vavy kely iray monja izay novidiny; ary nokolokoloiny tsara io ka nitombo teo aminy sy ny zanany; fa tamin'ny hanin-kelin-dralehilahy no nihinanany, ary tamin'ny kapoakany no nisotroany, sady notrotroiny teo an-tratrany izy ka nataony toy ny zanani-vavy. Ary nisy vahiny tonga tao amin'ilay manan-karena, nefa ny ondriny aman-osiny sy ny ombiny notsitsiny ka tsy nangalany hatao nahandro ho an'ilay vahiny tonga tao aminy, fa ny zanak'ondry vavin'ilay malahelo kosa no nalainy, ka dia nataony nahandro ho an'ilay olona tonga tao aminy. Dia nirehitra mafy ny fahatezeran'i Davida tamin'izany olona izany, ka hoy izy tamin'i Natana: Raha velona koa Jehovah tsy maintsy atao maty izay olona manao izany; ary ilay zanak'ondry vavy tsy maintsy honerany efatra heny noho ny nanaovana izany zavatra izany sy noho ny tsy namindrany fo. Dia hoy Natana tamin'i Davida; Hianao no izy. Izao no lazain'i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely: Izaho nanosotra anao ho mpanjakan'ny Isiraely ka namonjy anao ho afaka tamin'ny tànan'i Saoly; ary nomeko anao ny tranon'ny tomponao sy ny vadin'ny tomponao ho andefimandrinao, ary nomeko anao koa ny firenen'Isiraely sy Joda; ary raha mbola tsy ho ampy anao izany, dia ho nomeko bebe kokoa hianao; koa nahoana hianao no nanamavo ny tenin'i Jehovah ka nanao izay ratsy eo imasony? Oria Hetita nasianao ny sabatra ary ny vadiny nalainao ho vadinao. Eny, efa novonoinao tamin'ny sabatry ny taranak'i Amona izy. (2 Samoela 12:1-9)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Eksodosy 20:14; Ohabolana 6:32; 1 Korintiana 6:13-20; Efesiana 5:3-5; Kolosiana 3:1-11; 1 Tesaloniana 4:3-8; Hebreo 13:4)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Ny fijangajangana dia ny tsy fahatokiana eo amin'ny fifandraisana ara-panambadiana. Ota eo imason'Andriamanitra ny fijangajangana. Nomen'i Jesosy toro-marika ireo mpanara-dia Azy mba tsy haloto eo amin'ny lafiny firaisana ara-nofo. Nampianatra Jesosy fa ny fananana eritreritra feno filàna dia mitovy amin'ny fijangajangana.

# MASINA AMIN'ANDRIAMANITRA NY FANAMBADIANA

LESONA 2-5

## Tsy Tian'Andriamanitra ny Fisaraham-panambadiana

### LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nampianatra Jesosy fa masina ny fifandraisana ara-panambadiana ary tena zava-manan-danja amin'Andriamanitra.

Soratra Masina Fototra: Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Izay rehetra misaotra ny vadiny afa-tsy noho ny fijangajangana ihany dia mampijangajanga azy; ary na zovy na zovy no manambady izay voasaotra, dia mijangajanga. (Matio 5:32)

### TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Vahoaka sesehena no nanaraka an'i Jesosy satria nanasitrana sy nampianatra ny olona izy. Tonga nanatona azy koa ireo Fariseo, hanontany Azy zavatra maro. Ny Fariseo dia mpitarika fivavahana tao anatin'ny fivavahana Jiosy. Manaraka lalàna ara-pivavahana maro izay nomen'Andriamanitra an'i Mosesy ny Fariseo. I Mosesy dia olona nitarika ny vahoaka Isiraely taona marobe talohan'ny nahaterahan'i Jesosy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary nisy Fariseo nanatona Azy, dia naka fanahy Azy hoe: Mahazo misaotra ny vadiny va ny lehilahy noho izay rehetra entiny iampangany azy na inona na inona? Ary Izy namaly ka nanao hoe: Tsy mbola novakinareo va ny teny, fa Izay nahary azy tamin'ny voalohany dia nahary azy ho lahy sy vavy, ka dia nanao hoe: "Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny; ary dia ho nofo iray ihany izay roroa." Ka dia tsy roa intsony izy, fa nofo iray ihany. Koa amin'izany, izay nampiraisin'Andriamanitra dia aoka tsy hampisarahin'olona. Hoy ireo taminy: Nahoana ary Mosesy nandidy hanome taratasy fisaoram-bady sy hisaotra azy? Ary hoy Jesosy taminy: Ny hamafin'ny fonareo no namelan'i Mosesy anareo hisao-bady; fa tamin'ny voalohany dia tsy mba toy izany. Fa lazaiko aminareo: Na zovy na zovy no misaotra ny vadiny, afa-tsy noho ny fijangajangana ihany, ka mampakatra ny hafa, dia mijangajanga; ary izay mampakatra ny voasaotra dia mijangajanga koa. (Matio 19:3-9)

### FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

### SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Genesisy 2:20-24; 1 Korintiana 7; Efesiana 5:21-28)

### FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

### FAMINTINANA

Noforonin'Andriamanitra ny fanambadiana. Masina io Aminy. Ny mpanara-dia an'i Kristy dia tokony hanao ny zavatra rehetra azony atao hiarovana ny fanambadiany.

# FAMALIANA NY TSY RARINY

LESONA 2-6

Aoka Hiaina ho Ohatry ny Fitiavan'Andriamanitra

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nampianarin'i Jesosy ireo Mpianany ny fomba famaliana ny tsy rariny. Notenenin'i Jesosy tsy hamaly faty ireo olona nanao ratsy azy izy ireo. Nilaza Jesosy fa tokony ho ohatrin'ny fitiavana sy ny fahalemem-panahy amin'ny olona rehetra ny Kristiana.

Soratra Masina Fototra: Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Aza manohitra izay manisy ratsy anao; fa na zovy na zovy no mamely tahamaina ny takolakao ankavanana, atolory azy koa ny anankiray. Ary izay te-hiady aminao ka ta-haka ny akanjonao, dia avelao ho azy koa ny lambanao. Ary na zovy na zovy no hanery anao handeha maily iray, mandehana miaraka aminy maily roa. (Matio 5:39-41)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Iray tamin'ireo mpianatr'i Jesosy i Jodasy. Te-hamono an'i Jesosy ireo mpitarika fivavahana. Navadik'i Jodasy noho ny vola Izy. Ato amin'ity tantara ity Jesosy dia miresaka amin'ireo mpianany rehetra afa-tsy Jodasy. Fantany fa hamadika Azy i Jodasy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.
Ary raha mbola niteny Jesosy, indreo tamy ny vahoaka, ary ilay atao hoe Jodasy, isan'ny roa ambin'ny folo lahy, dia nandeha teo alohany ka nanatona an'i Jesosy hanoroka Azy. Fa hoy Jesosy taminy: Ry Jodasy, fanorohana va no amadihanao ny Zanak'olona? Ary izay teo aminy, raha nahita izay efa hanjo, dia nanao hoe: Tompoko, hamely amin'ny sabatra va izahay? Ary ny anankiray teo aminy dia nikapa ny mpanompon'ny mpisoronabe ka nahafaka ny sofiny ankavanana. Fa Jesosy namaly ka nanao hoe: Aoka ihany na dia izao aza. Dia nanendry ny sofiny Izy ka nahasitrana azy. Ary hoy Jesosy tamin'ny lohan'ny mpisorona sy ny lehiben'ny mpiambina ny tempoly ary ny loholona izay tonga hisambotara Azy: Mivoaka mitondra sabatra sy langilangy toy ny hisambotra jiolahy va hianareo? Raha teo aminareo isan'andro teo an-kianjan'ny tempoly Aho, dia tsy naninji-tànana tamiko hianareo; fa izao no fotoanareo sy herin'ny maizina. (Lioka 22:47-53)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Marka 12:28-31; Lioka 6:32; Jaona 4:7-8; Jaona 13:34; Romana 12:17-21; 1 Korintiana 4:12; 2 Korintiana 12:10; Efesiana 5:1-2; 1 Petera 1:22; 1 Petera 3:9; 1 Jaona 3:11)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

### FAMINTINANA

Notenenin'i Jesosy ireo Mpianany mba tsy hamaly faty ny olona izay nanao ratsy azy. Hafa noho ny an'ny olona no iatrehan'ny mpanara-dia an'i Kristy ny toe-java-misy, satria mahalala ny fitiavan'i Jesosy izy ireo. Nolazain'i Jesosy fa ny Kristiana dia tokony miaina ho ohatra tsara amin'ny fitiavana sy ny fahalemem-panahy, eo amin'ny olona rehetra.

# TIAVA NY FAHAVALONAREO

LESONA 2-7

Tia ny Olona Rehetra Andriamanitra

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nampianarin'i Jesosy ho tia sy hivavaka ho an'ny fahavalony ireo Mpianany. Nilaza Jesosy fa sarotra ny mitia ireo izay tsy manao soa aminao. Nolazain'i Jesosy tamin'ny Mpianany fa samihafa amin'ny olona rehetra izy ireo, satria natao hitia ireo saro-tiavina.

Soratra Masina Fototra: Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo, Mba ho tonga zanaky ny Rainareo Izay any na-danitra hianareo; fa Izy mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina. (Matio 5:44-45)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Fony niaina tety ambonin'ny tany Jesosy dia nanana fahavalo maro. Nankahala an'i Jesosy ireo fahavalo ireo. Nampijaliana Jesosy ary novonoin'ireo Fahavalony ireo ho faty.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary raha nitondra an'i Jesosy izy, dia nitana lehilahy Kyreniana anankiray atao hoe Simona, izay vao avy any an-tsaha, ka nampitondra iny ny hazo fijaliana hanaraka an'i Jesosy. Ary nisy vahoaka betsaka nanaraka Azy ary vehivavy maro izay niteha-tratra sady nitomany Azy. Jesosy nitodika azy ka nanao hoe: Ry zanakavavin'i Jerosalema, aza mitomany Ahy, fa mitomania ny tenanareo sy ny zanakareo. Fa, indro, ho avy ny andro izay hilazana hoe: Sambatra ny momba sy ny kibo izay tsy niteraka ary ny nono izay tsy ninonoan-jaza. Dia hilaza ny amin'ny tendrombohitra hoe izy: mianjerà aminay; ary amin'ny havoana hoe: saròny izahay. Fa raha ataony amin'ny hazo maitso izany, hatao ahoana ny amin'ny maina? Ary nisy olon-dratsy roa lahy nentina hiaraka hovonoina aminy koa. Ary rehefa tonga teo amin'ny tany atao hoe Ikarandoha izy, dia teo no namonoany an'i Jesosy sy ireo olon-dratsy ireo, ny anankiray teo an-kavanany ary ny anankiray teo an-kaviany. Ary hoy Jesosy: Raiko ô, mamelà ny helony, fa tsy fantany izay ataony. Dia nanaovany loka no fizara ny fitafiany. Ary ny olona nijanona teo ka nijery: Ary ny loholona kosa mba nandatsa ka nanao hoe: Namonjy ny sasany Izy; aoka mba hovonjeny koa ny tenany, raha Izy no Kristin'Andriamanitra, dia Ilay nofidina. Ary ny miaramila koa nihomehy Azy, dia nankeo ka nanome Azy vinaingitra, sady nanao hoe: Raha Hianao no Mpanjakan'ny Jiosy, vonjeo ny tenanao. Ary nisy soratra teo amboniny nanao hoe: Ity no Mpanjakan'ny Jiosy. Ary ny anankiray tamin'ireo olon-dratsy nahantona teo ireo dia niteny ratsy Azy ka nanao hoe: Tsy hianao va no Kristy? vonjeo ny tenanao sy izahay. Fa namaly kosa ilay anankiray, sady nananatra ny namany ka nanao hoe: Moa hianao koa tsy mba matahotra an'Andriamanitra na dia izao samy voaheloka izao aza? Ary marina ny anamelohany antsika, satria mandray ny valin'ny nataontsika isika; fa ity lehilahy ity kosa tsy mbola nanao zavatra tsy mety na dia kely akory aza. Ary ho izy: Jesosy ô, tsarovy aho, rehefa avy amin'ny fanjakanao Hianao. Dia hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminao marina tokoa: Anio no hihaonanao amiko any Paradisa. (Lioka 23:26-43)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Marka 12:28-31; Lioka 6:27-38; Jaona 13:34; Romana 12:17-21)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nampianatra antsika Jesosy fa tokony hitia sy hivavaka ho an'ireo izay manenjika antsika isika. Nohalehibiazin'i Jesosy ny famindrampo ho an'ireo izay nanenjika sy namono Azy. Ny mpanara-dia an'i Kristy dia tokony hamaly ny fahavalony tahaka ny fomba nataon'i Jesosy.

LESONA 2-8

# NY HAFA MANOMEZA

Miahy Ireo Tsy Manana Andriamanitra

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nampianatra ireo Mpianany hiahy ireo tsy manana Jesosy. Ireo mpanara-dia an'i Kristy akory tsy manome ireo tsy manana, mba ho hitan'ny manodidina azy ireo. Rehefa manome ny tsy manana ny Kristiana, dia hitan'Andriamanitra izy, ary Andriamanitra no hamaly azy any an-danitra.

Soratra Masina Fototra: Fa hianao kosa, raha manao fiantrana, dia aoka tsy ho fantatry ny tànanao ankavia izay ataon'ny tànanao ankavanana, mba hatao ao amin'ny mangingina ny fiantranao; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina no hamaly anao. (Matio 6:3-4)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Nanontany an'i Jesosy ny Mpianany, mikasika izay hitranga amin'ny fiafaran'izao tontolo izao. Nambaran'i Jesosy tamin'ny mpianany fa izy no Ilay mpanjaka hitsara ny olona rehetra.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.
Ary ny firenena rehetra hangonina eo anatrehany, dia hanavaka azy Izy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin'ny osy; ary hametraka ny ondry eo amin'ny ankavanany Izy, fa ny osy eo amin'ny ankaviany. Ary amin'izany ny Mpanjaka dia hilaza amin'izay eo amin'ny ankavanany hoe: Avia hianareo izay notahin'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo izao; fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho, dia notafianareo; narary Aho, dia notsaboinareo; tao an-trano-maizina Aho, dia novangianareo. Ary dia hamaly Azy ny marina ka hanao hoe: Tompoko, oviana no hitanay naona Hianao ka nomenay hanina, na nangetaheta ka nampisotroinay? Ary oviana no hitanay nivahiny Hianao ka nampiantranoinay, na tsy nanan-kitafy ka notafianay? Ary oviana no hitanay narary Hianao, na tao an-trano-maizina, ka novangianay? Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko. Ary dia hilaza indray amin'izay eo amin'ny ankaviany kosa Izy hoe: Mialà amiko, hianareo izay voaozona, ho any amin'ny afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjeliny; fa noana Aho, fa tsy mba nomenareo hanina; nangetaheta Aho, fa tsy mba nampisotroinareo; nivahiny Aho, fa tsy mba nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho, fa tsy mba notafianareo; narary sy tao an-trano-maizina Aho, fa tsy mba novangianareo. Ary dia hamaly kosa ireo hoe: Tompoko, oviana no hitanay noana Hianao, na nangetaheta, na nivahiny, na tsy nanan-kitafy, na narary, na tao an-trano-maizina, ka tsy mba nanompo Anao izahay? Fa hamaly azy Izy ka hanao hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay tsy nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto kely indrindra ireto no tsy mba nataonareo tamiko. Ary ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay; fa ny marina ho any amin'ny fiainana mandrakizay. (Matio 25:32-46)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Salamo 82:3; Ohabolana 19:17; Ohabolana 28:27; Jeremia 22:3; Matio 5:42; Matio 19:21)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Miahy ny tsy manana Jesosy. Nanome toro-marika ireo mpanara-dia Azy Jesosy hanome izay tsy manana. Hamaly ireo izay manome ny hafa Jesosy.

# VAVAKA

LESONA 2-9

Miresaka sy Mihaino An'Andriamanitra

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nampianarin'i Jesosy ny Mpianany fa tokony hivavaka mandrakariva izy ireo. Miresaka sy mihaino an'Andriamanitra no atao hoe mivavaka. Rehefa mivavaka isika dia henon'Andriamanitra.

Soratra Masina Fototra: Fa hianao kosa, raha mivavaka, dia midira ao amin'ny efi-tranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin'ny Rainao, Izay ao amin'ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina, no hamaly anao. (Matio 6:6)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Nisy mpanjaka tsy marina antsoina hoe Heroda nankahala Kristiana. Nanomboka namono ireo mpino i Heroda mpanjaka. Nosamborin'ny miaramila ny mpitarika fiangonana iray antsoina hoe Petera ary handeha hovonoin'izy ireo.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary Petera nambenana tao an-trano-maizina; ary ny fiangonana nahery nangataka tamin'Andriamanitra ho azy. Ary nony efa namoaka azy Heroda, dia natory teo anelanelan'ny miaramila roa lahy Petera tamin'iny alina iny, sady voafatotra tamin'ny gadra roa izy; ary nisy mpiambina niambina ny trano-maizina teo am-baravarana. Ary, indro, nisy anjelin'ny Tompo tonga teo, sady nisy mazava namirampiratra tao an-trano; ary nisy nanohina ny tehezan'i Petera, dia namoha ka nanao hoe: Mitsangàna faingana. Dia niala tamin'ny tànany ny gadra. Ary hoy ilay anjely taminy: Misikìna, Ary fehezo ny kapanao. Dia nataony izany. Ary hoy koa izy taminy: Tafio ny lambanao, ka manaraha ahy. Dia nivoaka izy ka nanaraka azy; ary tsy fantany ho marina izay nataon'ny anjely, fa nataony ho nahita fahitana ihany izy. Fa rehefa nandalo ny fiambenana voalohany sy faharoa izy, dia tonga teo amin'ny vavahady vy izay mahazo ny làlana ho any an-tanàna; ary nivoha ho azy io mba halehany; ary nony nivoaka izy, dia nandroso tamin'ny làlana iray; ary niaraka tamin'izay dia nandao azy ilay anjely. Ary rehefa nahatsiaro fanahy Petera, dia nanao hoe: Ankehitriny fantatro marina tokoa fa ny Tompo efa naniraka ny anjeliny ka namonjy ahy tamin'ny tànan'i Heroda sy ny fanantenan'ny Jiosy rehetra. Ary rehefa fantany tsara izany, dia nankany an-tranon'i Maria, Renin'i Jaona, izay atao hoe koa Marka, izy; ary nisy olona maro niangona nivavaka tao. Ary raha nandòndòna ny vavahady Petera, dia nisy ankizivavy atao hoe Roda nankeo hihaino. Ary rehefa nahalala ny feon'i Petera izy, dia tsy namoha ny vavahady noho ny hafaliany, fa lasa nihazakazaka ary niditra ka nilaza fa Petera no mijanona eo am-bavahady. Fa hoy ny olona taminy: Very saina hianao. Fa izy nitompo rariny fa izany tokoa. Dia hoy indray ny olona: Anjeliny izany. Fa Petera naharitra nandòndòna ihany, ary rehefa novohany, dia nahita azy ireo ka talanjona. Fa izy nanofa tànana azy mba hangina, dia nanambara taminy izay namoahan'ny Tompo azy avy tao an-trano-maizina. Ary dia hoy izy: Ambarao amin'i Jakoba sy ny rahalahy izany zavatra izany. Dia niala izy ka lasa nankany amin'ny fitoerana hafa. (Asan'ny Apostoly 12:5-17)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(2 Tantara 7:14; Salamo 32:5-11; Jeremia 29:12; Jeremia 42:3; Matio 5:44; Matio 7:11; 1 Tesaloniana 5:17)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nampianarin'i Jesosy hivavaka ny Mpianany. Rehefa mivavaka ianao, dia mandre anao Andriamanitra. Jesosy niteny fa rehefa mila zavatra isika dia tokony hivavaka. Rehefa mivavaka ianao dia misy zava-mahagaga miseho.

# MIHARIA HARENA ANY AN-DANITRA

LESONA 2-10

Manajà an'Andriamanitra Amin'ny Fiainantsika sy ny Fananantsika

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ny valisoa izay ho azon'ny olona any an-danitra dia voafaritry ny fomba anajany an'Andriamanitra amin'ny fiainany sy ny fananany etỳ an-tany. Ny mpanara-dia an'i Kristy dia tokony hiaina mba hahazo ny valisoany any an-danitra.

Soratra Masina Fototra: Aza mihary harena ho anareo etỳ an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, sady misy mpangalatra manamitrano sy mangalatra. Fa miharia harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy kalalao sy harafesina manimba, sady tsy misy mpangalatra manamitrano na mangalatra. Fa izay itoeran'ny harenao, dia any koa ny fonao. (Matio 6:19-21)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Nomem-boninahitra tao amin'ny fanasana tao an-tranon'i Lazarosy i Jesosy. Vao avy nanangana an'i Lazarosy tamin'ny maty Izy. Isan'ny vahiny tao i Lazarosy, ireo anabaviny, dia i Marta sy Maria ary ireo mpianatra.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary rehefa henemana no sisa tsy tonga ny Paska, Jesosy dia tonga tao Betania, izay nitoeran'i Lazarosy, ilay natsangany tamin'ny maty. Dia nanao fanasana ho an'i Jesosy tao izy; ary Marta no nanompo; fa Lazarosy no anankiray tamin'izay niara-nipetraka nihinana taminy. Ary Maria, rehefa naka menaka manitra nisy narda sady tsara no saro-bidy, lanjan'iray livatra, dia nanosotra ny tongotr'i Jesosy sy namaoka ny tongony tamin'ny volon-dohany; ary feno ny hanitry ny menaka ny trano. Ary hoy Jodasy Iskariota, anankiray tamin'ny mpianany, ilay efa hamadika Azy: Nahoana io menaka io no tsy namidy denaria telon-jato ka nomena ny malahelo? Ary izy no nilaza izany, tsy noho ny fiahiany ny malahelo, fa satria mpangalatra izy sady nitondra ny kitapo ka naka izay tao anatiny. Dia hoy Jesosy: Avelao izy, mba hotehiriziny ho amin'ny andro hanamboarany Ahy halevina io. Fa ny malahelo dia etỳ aminareo mandrakariva; fa Izaho tsy mba ho etỳ aminareo mandrakariva. (Jaona 12:1-8)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Marka 8:34-38; Lioka 12:32-34; 1 Korintiana 3:10-17; 1 Timoty 6:17-19)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Asain'i Jesosy manao zavatra misy lanjany mandrakizay isika. Valian'Andriamanitra ireo izay manaja Azy amin'ny fiainany sy ny fananany.

# AZA MANAHY

LESONA 2-11

Fantatr'Andriamanitra sy Iantohany Izay Ilainao

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nilaza Jesosy fa miahy ny fiainantsika Izy ary hanampy antsika amin'ny olana mahazo antsika. Rehefa manahy ny amin'ny fiainantsika isika, dia tsy manana finoana an'i Jesosy.

Soratra Masina Fototra: Ary amin'izany dia aza manahy ny amin'ny ampitso hianareo; fa ny ampitso hanahy ny azy. Ampy ho an'ny andro ny ratsy miseho aminy. (Matio 6:34)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Niaraka tamin'ireo Mpianany teo amoron'ny farihy Jesosy. Maro tamin'ireo Mpianany no efa niasa nanjono teo amin'io farihy io.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.
Ary androtrizay ihany, rehefa hariva ny andro dia hoy Izy taminy: Andeha isika hita ho eny am-pita. Ary rehefa nampodin'ny mpianany ny vahoaka, dia nentiny tamin'io sambokely io tamin'izao ihany Jesosy. Ary nisy sambokely sasany koa niaraka taminy. Ary nisy tafio-drivotra mahery, ary nianjerazeran'ny alondrano ny sambokely ka nila ho feno rano. Ary Jesosy natory teo am-bodin'ny sambokely tambonin'ny ondana; ary namoha Azy izy ireo ka nanao taminy hoe: Mpampiantra ô, tsy, mampaninona Anao va izao hahafatesanay izao? Ary nifoha Izy dia niteny mafy ny rivotra sady nilaza tamin'ny ranomasina hoe: Mangìna, mitsahara, Ary nitsahatra ny rivotra, ka tony tsara ny andro. Ary hoy Izy taminy: Nahoana no saro-tahotra hianareo? Tsy mbola manam-pinoana va hianareo? Ary natahotra indrindra izy ireo ka niresaka hoe: Iza moa Ity, fa ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy? (Marka 4:35-41)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Ohabolana 3:5-6; Lioka 12:22-25; Galatiana 2:20; Hebreo 11:8-12; 1 Petera 1:21)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Miahy ny lafim-piainantsika rehetra Jesosy. Mila mametraka ny finoantsika sy mitoky Aminy isika.

# AZA MITSARA NY HAFA

LESONA 2-12

Andriamanitra no Mpitsara

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Tsy tokony hatao ny mitsara ny olona hafa. Ny olona rehetra dia mpanota fa Andriamanitra irery ihany no mitsara marina.

Soratra Masina Fototra: Aza mitsara, mba tsy ho tsaraina hianareo. Fa araka ny fitsarana ataonareo no hitsarana anareo; ary araka ny ohatra ataonareo no hanoharana ho anareo Ary nahoana hianao no mijery ny sombin-kazo eo imason'ny rahalahinao, fa ny andry eo amin'ny masonao dia tsy mba tsaroanao? (Matio 7:1-3)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Fantatry ny Fariseo ireo lalàm-pivavahana ary izy ireo dia natao hanao izay hahazoana antoka fa manaraka izany ny olona.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.
Ary nony maraina koa dia nankeo an-kianjan'ny tempoly indray Jesosy, ary ny vahoaka rehetra nanatona Azy, dia nipetraka Izy ka nampianatra azy. Ary nisy vehivavy anankiray azo nijangajanga nentin'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo; ary rehefa napetrany teo afovoany izy, dia hoy ireo taminy: Mpampianatra ô, ity vehivavy ity azo olan-tànana nijangajanga. Ary ao amin'ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotoram-bato izay vehivavy manao toy izany'fa ahoana kosa hoy Hianao? Izany no nolazainy hakany fanahy Azy, mba hahazoany izay hiampangany Azy. Fa Jesosy niondrika ka nanoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tànany. Ary raha naharitra nanontany Azy ireo, dia nitraka Izy ka nanao taminy hoe: Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany. Dia niondrika indray Izy ka nanoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tànany. Ary raha nandre izany izy, dia nivoaka tsirairay hatramin'ny zokinjokiny ka hatramin'ny zandrinjandriny; ary Jesosy irery ihany no sisa teo sy ilay vehivavy teo. Ary rehefa nitraka Jesosy, dia hoy Izy taminy; Ravehivavy, aiza ireny? Tsy nisy nanameloka anao va? Ary hoy izy: Tsy misy, Tompoko. Dia hoy Jesosy: Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony. (Jaona 8:2-11)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Lioka 6:37; Jaona 8:14-18; 1 Korintiana 4:3-5; Jakoba 4:12)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Mpitsara marina Andriamanitra. Tsy mahay mitsara araky ny marina ny olombelona.

# MANGATAHA, MITADIAVA, DONDÒNY

LESONA 2-13

Mamaly ny Vavaka Ikirizana Andriamanitra

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nampianatra Jesosy fa rehefa maharitra mangataka, mitady, ary mandondòna ianao, dia mamaly Izy. Noho ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, dia afaka mangataka mandrakariva Aminy isika. Misy fotoana, mety tsy hovaliana eo noho eo ny vavaka ataontsika.

Soratra Masina Fototra: Mangataha, dia homena hianareo; mitadiava, dia hahita hianareo; dòndòny, dia hovohana hianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandòndòna no hovohana. (Matio 7:7-8)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Nilazan'i Jesosy fanoharana ireo Mpianany mba hanehoany amin'izy ireo fa tokony hivavaka mandrakariva izy ireo ka tsy hiala an-daharana.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Dia nanao hoe: Nisy mpitsara tao an-tanàna anankiray, izay tsy natahotra an'Andriamanitra, na mena-maso olona. Ary nisy mpitondratena tao amin'izany tanàna izany, izay nankao aminy matetika ka nanao hoe: Omeo rariny aho amin'ilay manana ady amiko. Ary tsy nanaiky izy aloha; fa rehefa afaka izany, dia nanao anakampo hoe izy: Na dia tsy matahotra an'Andriamanitra aza aho sady tsy mena-maso olona, mba homeko rariny ihany io mpitondratena io, fa manahirana ahy izy, fandrao ho avy mandrakariva izy ka hampahasosotra ahy. Ary hoy ny Tompo: Henoy izay lazain'ilay mpitsara tsy marina. Fa Andriamanitra tsy hanome rariny ny olom-boafidiny va, izay mitaraina aminy andro aman-alina, ary moa hitaredreta va Izy? Lazaiko aminareo fa homeny rariny faingana izy. Kanefa, raha avy ny Zanak'olona, moa hahita finoana etỳ ambonin'ny tany va Izy? (Lioka 18:2-8)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Efesiana 6:18; Kolosiana 4:12; Hebreo 4:16; Jakoba 4:2-3; Jakoba 5:16;1 Jaona 3:21-22; 1 Jaona 5:14-15)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nampianarin'i Jesosy isika fa tokony hivavaka mandrakariva ka tsy ho ketraka. Rehefa mikiry mivavaka isika, dia henon'Andriamanitra ny feontsika ary hovaliany.



# Ny Rindrina

## FIAINANA BE DIA BE

*Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be. (Jaona 10:10)*

## *Fanoroam-pejy*

**Lessons:**

**3-1 Aoka hitsaoka eny amin'ny Toerana Rehetra............................................Pejy 48**

*Maniry Fitsaohana Madio Andriamanitra*

**3-2 Manaraha an'i Kristy...........................................................................Pejy 49**

*Mitaky Antsika Hanana Fanantenana sy Toky Aminy ny Fanarahana an'i Kristy*

**3-3 Manaraha an'i Kristy...........................................................................Pejy 50**

*Mitaona ny Hafa Ireo Mpanara-dia an'i Kristy*

**3-4 Lazao Amin'ny Hafa ny Mikasika an'i Jesosy ..........................................Pejy 51**

*Mitarika ny Olona Hafa Hanara-dia an'i Jesosy*

**3-5 Lazao Amin'ny Hafa ny Mikasika an'i Jesosy............................................Pejy 52**

*Tantarao amin'ny Olona Hafa ny Vaovao Mahafaly*

**3-6 Lazao Amin'ny Hafa ny Mikasika an'i Jesosy............................................Pejy 53**

*Maro ny Olona Vonona Handre ny Vaovao Mahafaly*

**3-7 Mitia an'Andriamanitra.........................................................................Pejy 54**

*Ny Fifandraisana amin'Andriamanitra no Zava-dehibe Indrindra*

**3-8 Mitia an'Andriamanitra.........................................................................Pejy 55**

*Mahalala Ilay Mpiandry Tsara*

**3-9 Mitia Ny Hafa.....................................................................................Pejy 56**

*Miaina Amin'ny Firaisan-tsaina Miaraka Amin'ireo Mpanara-dia an'i Kristy Hafa*

**3-10 Mitia ny Hafa....................................................................................Pejy 57**

*Fahazavana ho an'Izao Tontolo Izao*

**3-11 Manao Mpianatra.............................................................................. Pejy 58**

*Fahano ny Ondriko*

**3-12 Manao Mpianatra..............................................................................Pejy 59**

*Miaraka amintsika Jesosy Eny Am-panaovantsika Mpianatra*

**3-13 Manao Mpianatra..............................................................................Pejy 60**

*Mampatanjaka sy Mampahery ny Mpino*

# AOKA HITSAOKA ENY AMIN' NY TOERANA REHETRA

LESONA 3-1

Maniry Fitsaohana Madio Andriamanitra

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Tsy ankasitrahan'Andriamanitra ny fitsaohana amin'ny fo tapany. Tsy ankasitrahan'Andriamanitra ny fanaovana fihetsika fotsiny ka miantso izany ho fitsaohana. Tena mahaliana an'Andriamanitra tokoa ny toe-pontsika. Nampanantena Andriamanitra fa indray andro any ny olona amin'ny toerana rehetra dia hanana toe-po mitsaoka.

Soratra Masina Fototra: Hatrany am-paran'ny tany no nandrenesanay hira hoe: Voninahitra ho an'ny marina. (Isaia 24:16)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Nentina ho babo lavitry ny tanindrazany ny olon'Israely. Taona maro taty aorinan'ny naha-babo azy tany lavitra tany dia nisy mpanjaka iray nanome alàlana ny olon'Isiraely hiverina any tanindrazan'izireo ary hanorina toerana mba hitsaohany. Teo amin'ny toerana izay nitsaohan'ireo olon'Isiraely ireo no hanateran'izireo biby hatao fanatitra ho an'Andriamanitra, ary ho dorana eo amin'ny alitara izany. Niverina tany amin'ny tanindrazany ny Isiraely nefa nanana fanamby maro izireo ny amin'ny hanorenana indray ny tanindrazan'izireo. Niezaka mafy ny Isiraely mba hanorina toerana hanompoana an'Andriamanitra, nandritra ny taona maro. Najanon'izireo noho ny politika anatiny sy ivelany, ny vola izany ary farany dia nanadino ny maha zava-dehibe ny fanorenana toerana itsaohana ny olon'Andriamanitra ary nanorina ny tranon'izireo ho solon'izany. Miteny amin'ny olony Andriamanitra, mangataka azy ireo mba hiverina ho amin'ny fitsaohana madio.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary raha jamba no entinareo hovonoina hatao fanatitra, tsy ratsy hoe izany! Ary raha mandringa sy marary no entinareo, tsy ratsy hoe izany! Atero ho an'ny governora manapaka anao ange izany, moa hahazo sitraka na fitia aminy va hianao? hoy Jehovah Tompon'ny maro. Koa masina hianareo, andeha mifona amin'Andriamanitra hamindrany fo amintsika fa ny tànanareo no nahatonga izany, moa hankasitraka va Izy noho ny aminareo? hoy Jehovah, Tompon'ny maro. Enga anie ka hisy aminareo handrindrina ny varavarana ka tsy handrehitra afo foana eo ambonin'ny alitarako! Tsy hankasitraka anareo Aho, na ta-handray fanatitra amin'ny tànanareo, hoy Jehovah, Tompon'ny maro. Fa hatramin'ny fiposahan'ny masoandro ka hatramin'ny filentehany dia lehibe ny anarako any amin'ny jentilisa, ary any amin'ny tany rehetra no handoroana ditin-kazo manitra sy hanaterana fanatitra madio ho an'ny anarako; fa lehibe any amin'ny jentilisa ny anarako, hoy Jehovah, Tompon'ny maro. Fa hianareo kosa manamavo izany amin'ny fanaovanareo hoe: Voaloto ny latabatr'i Jehovah ary ny haniny aterina eo dia tsinontsinona. Hoy koa hianareo: Tsy mba hasasarana lahy! ary ikifonanareo izany, hoy Jehovah, Tompon'ny maro; entinareo ny nalaina an-keriny sy ny mandringa sy ny marary, ka dia aterinareo ho fanatitra; moa ta-handray izany amin'ny tànanareo va Aho? hoy Jehovah. Fa voaozona ny mpamitaka, izay manana ondrilahy ao amin'ny ondriny, ary mivoady, nefa mamono zavatra misy kilema hatao fanatitra ho an'ny Tompo. Fa Mpanjaka lehibe Aho, hoy Jehovah Tompon'ny maro, ary ny anarako dia mahatahotra any amin'ny jentilisa. (Malakia 1:8-14)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Isaia 24:16; Isaia 25:3; Jaona 4:23-24)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Maniry ny fitsaohana madio Andriamanitra. Nampanantena Andriamanitra fa indray andro any, ny olona amin'ny toerana tsirairay dia hitsaoka azy amin'ny toe-po momba ny fitsaohana.

# MANARAHA AN'I KRISTY

LESONA 3-2

Mitaky Antsika Hanana Fanantenana sy Toky Aminy ny Fanarahana an'i Kristy

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ny fanarahana an'i Kristy dia midika ho fametrahana ny toky sy ny fanantenana Aminy. Na inona na inona zavatra itokisantsika sy antenaintsika eo amin'ny fiainantsika, dia mety ho sakana amin'ny fanarahana feno an'i Kristy izany.

Soratra Masina Fototra: Dia hoy Jesosy tamin'ny mpianany: Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy. Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia hahazo izany. (Matio 16:24-25)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Ny Harena dia iray amin'ireo zavatra itokisana sy ametrahan'ny olona ny fanantenany. Ilay lehilahy ato amin'ity tantara ity, izay nanatona an'i Jesosy dia lehilahy mpanankarena.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary, indro, nisy anankiray nanatona Azy ka nanao hoe: Mpampianatra ô, inona no tsara hataoko hahazoako fiainana mandrakizay? Fa hoy Jesosy taminy: Nahoana Aho no anontanianao ny amin'izay tsara? Iray no tsara; fa raha te-hiditra any amin'ny fiainana hianao, tandremo ny didy. Hoy ralehilahy taminy: Inona avy moa? Dia hoy Jesosy: Ny hoe: "Aza mamono olona, Aza mijangajanga, Aza mangalatra, Aza mety ho vavolombelona mandainga", "Manajà ny rainao sy ny reninao", ary: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao". Hoy ilay zatovo taminy: Izany rehetra izany efa voatandriko avokoa; fa inona no tsy mbola mahatanteraka ahy? Dia hoy Jesosy taminy: Raha tia ho tanteraka hianao, mandehana, amidio ny fanananao, ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra hianao; ary avia hanaraka Ahy. Fa nony nandre izany teny izany ilay zatovo, dia niala tamin'alahelo izy, satria nanana fananana be. (Matio 19:16-22)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Ohabolana 3:5-6; Matio 6:19-21; Romana 15:13; 1 Tesaloniana 1:3)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Ny mpanara-dia dia tokony hametraka ny tokiny sy fanantenany amin'i Kristy irery ihany.

# MANARAHA AN'I KRISTY

Mitaona ny Hafa Ireo Mpanara-dia an'i Kristy

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Tonga hitady sy hamonjy ny very Jesosy. Ny maha mpanara-dia an'i Kristy antsika dia isika mitaona ny very toy ny nataon'i Jesosy.

Soratra Masina Fototra: Dia hoy Jesosy tamin'ny mpianany: Raha misy olona ta-hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany sy hitondra ny hazo fijaliany ka hanaraka Ahy. Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy, dia hahavery azy; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia hahazo izany.
(Matio 16:24-25)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Nampianatra ny fahamarinana teny ambanivohitra rehetra teny Jesosy. Marobe ny olona tonga nandre ny teny nampianarin'i Jesosy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.
Ary lasa nandeha teny amoron-dranomasina indray Jesosy; ary ny vahoaka rehetra nanatona Azy, ka dia nampianatra azy Izy. Ary nony nandalo Izy, dia nahita an'i Levy zanak'i Alfeo; nipetraka teo am-pamorian-ketra; ka hoy Izy taminy: Manaraha Ahy. Dia nitsangana izy ka nanaraka Azy. Ary raha nipetraka nihinana tao an-tranony Izy, dia maro ny mpamory hetra sy ny mpanota no niara-nipetraka nihinana tamin'i Jesosy mbamin'ny mpianany; fa nisy maro tao, dia nanaraka Azy izy. Ary ny mpanora-dalàna, izay isan'ny Fariseo, raha nahita fa niara-nipetraka nihinana tamin'ny mpanota sy ny mpamory hetra Izy, dia niteny tamin'ny mpianatra hoe: Miara-mihinana sy misotro amin'ny mpamory hetra sy ny mpanota Izy! Ary raha nahare izany Jesosy dia nanao taminy hoe: Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody, fa ny marary; tsy tonga hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota. (Marka 2:13-17)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Ohabolana 19:17; Lioka 15:1-31; Lioka 19:10; Galatiana 6:9-10; Jakoba 3:18)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Amin'ny maha mpanara-dia an'i Kristy antsika, dia hitaona ny very manodidina antsika isika, tahaka ny nataon'i Jesosy nitaona ny very nanodidina Azy.

# LAZAO AMIN'NY HAFA NY MIKASIKA AN'I JESOSY

LESONA 3-4

Mitarika ny Olona Hafa Hanara-dia an'i Jesosy

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Te-hanana fifandraisana amin'ny olona rehetra Andriamanitra. Amin'ny maha mpanara-dia an'i Kristy antsika, dia nantsoina hitarika ny olona hafa hanana fifandraisana Aminy isika.

Soratra Masina Fototra: Hataony ahoana ary no fiantso izay tsy ninoany? Ary hataony ahoana no fandre, raha tsy misy mpitory? Ary hataony ahoana no fitory, raha tsy nirahina? araka ny voasoratra hoe: "Akory ny hatsaran'ny tongotr'iry mitondra teny soa mahafaly!" (Romana 10:14-15)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Simona Petera dia matihanina tamin'ny jono talohan'ny naha mpanara-dia an'i Kristy azy. Ato amin'ity tantara ity Jesosy, dia niantso an'i Petera ho mpanarato olona.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary raha nifanizina taminy ny vahoaka mba hihaino ny tenin'Andriamanitra, dia nijanona teo amoron'ny Farihin'i Genesareta Jesosy; ary nahita sambokely roa nijanona teo an-tsisin'ny farihy Izy; fa ny mpanarato efa niala taminy ka nanasa ny haratony. Ary niditra teo amin'ny sambokely anankiray izay an'i Simona Izy, dia nangataka taminy hihataka kely amin'ny tany. Dia nipetraka teo an-tsambokely Izy ka nampianatra ny vahoaka. Ary rehefa nitsahatra niteny Jesosy, dia hoy Izy tamin'i Simona: Mandrosoa ho any amin'ny lalina, dia alatsaho ny haratonareo hahazoana hazandrano. Fa Simona namaly ka nanao hoe: Tompoko, mandritra ny alina no efa nikelezanay aina, nefa tsy nahazo na inona na inona; kanefa noho ny teninao, dia halatsako ihany ny harato. Ary rehefa nataony izany, dia nahazo hazandrano be dia be izy, ka efa nisy triatra ny haratony. Ary izy nanatsika ny namany, izay teo amin'ny sambokely hafa, mba ho avy hanampy azy. Dia avy ireny, ary nofenoiny ny sambokely roa, efa saiky nilentika. Ary rehefa hitan'i Simona Petera izany, dia niankohoka tamin'ny tongotr'i Jesosy izy ka nanao hoe: Tompoko, mialà amiko, fa olo-meloka aho. Fa talanjona izy sy izay rehetra teo aminy noho ny haben'ny hazandrano izay azony. Ary toy izany koa Jakoba sy Jaona, zanak'i Zebedio izay niombon-draharaha tamin'i Simona. Dia hoy Jesosy tamin'i Simona: Aza matahotra; hatramin'izao ankehitriny izao dia olona kosa no ho azonao. Ary rehefa nampiantsona ny sambokeliny teo an-tanety izy, dia nahafoy ny zavatra rehetra ka nanaraka an'i Jesosy. (Lioka 5:1-11)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 28:18-19; Jaona 4:39-42; 2 Petera 3:9)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Maniry hanana fifandraisana amin'ny olona rehetra Andriamanitra. Amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy antsika, dia manana tombontsoa hitaona ny hafa hanana fifandraisana amin'i Kristy isika.

# LAZAO AMIN'NY HAFA NY MIKASIKA AN'I JESOSY

LESONA 3-5

Tantarao Amin'ny Olona Hafa ny Vaovao Mahafaly

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Asain'ny Baiboly mizara ny Vaovao Mahafaly amin'ny hafa ny olona. Mendrika hanana fahafahana mandre ny Vaovao Mahafaly izay nentin'i Jesosy ny olona rehetra.

Soratra Masina Fototra: Hataony ahoana ary no fiantso izay tsy ninoany? Ary hataony ahoana no fandre, raha tsy misy mpitory? Ary hataony ahoana no fitory, raha tsy nirahina? araka ny voasoratra hoe: "Akory ny hatsaran'ny tongotr'iry mitondra teny soa mahafaly!" (Romana 10:14-15)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

I Paoly dia mpampianatra sy mpitoriteny fanta-daza. Ato amin'ity tantara ity i Paoly dia mitory ny Filazantsara. Ny Filazantsara no Vaovao Mahafaly izay anirian'Andriamanitra fifandraisana amin'ny olona rehetra Andriamanitra. Afaka ny hanana fifandraisana amin'Andriamanitra isika, noho ny sorona ny amin'ny otantsika nataon'i Jesosy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary nony alina dia nisy fahitana niseho tamin'i Paoly, koa, indro, nisy lehilahy Makedoniana nitsangana teo ka nangataka azy hoe: Mità mankatỳ Makedonia, ka vonjeo izahay! Ary nony nahita ny fahitana izy, dia nitady handeha niaraka tamin'izay hankany Makedonia izahay, satria nataonay fa Andriamanitra no efa niantso anay hitory ny filazantsara amin'ny olona any. Ary nony niondrana an-tsambo niala tany Troasy izahay, dia nizotra nankany Samotrakia; ary nony ampitso dia nankany Neapolia. Ary nony niala teo izahay, dia nankany Filipy, izay tanàna voalohany amin'izany zara-tanin'i Makedonia izany sady zana-panjakana; ary nitoetra teo amin'izany tanàna izany andro vitsivitsy izahay. Ary tamin'ny andro Sabata dia nivoaka teo ivelan'ny vavahady izahay nankeny amoron'ony, izay nataonay fa nisy fitoerana fivavahana; ary nipetraka teo izahay ka niresaka tamin'ny vehivavy vory teo. Ary nisy vehivavy izay atao hoe Lydia, mpivarotra lamba volomparasy, avy any an-tanàna Tyatira, izay nivavaka tamin'Andriamanitra, dia nihaino izy, ary ny Tompo nanokatra ny fony hitandriana ny teny izay nolazain'i Paoly. Ary rehefa natao batisa ravehivavy mbamin'ny ankohonany, dia nangataka izy nanao hoe: Raha ataonareo ho mahatoky amin'ny Tompo aho, dia midira an-tranoko ka mitoera ao. Dia nanery anay izy. (Asan'ny Apostoly 16:9-15)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 10:7-8; Matio 28:19-20; Marka 16:15; Romana 1:16-17; 1 Korintiana 2:1-5)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Milaza ny Baiboly fa ireo izay manara-dia an'i Jesosy dia nantsoina hilaza amin'ny hafa ny Vaovao Mahafaly fa afaka manana fifandraisana amin'Andriamanitra ny olona rehetra.

# LAZAO AMIN'NY HAFA NY MIKASIKA AN'I JESOSY

LESONA 3-6

Maro ny Olona Vonona Handre ny Vaovao Mahafaly

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nilaza Jesosy fa betsaka ny vokatra fa ny mpiasa no vitsy. Marobe ny olona izay miandry ny handre mikasika an'i Jesosy Kristy. Ireo mpanara-dia an'i Kristy dia tokony hizara ny Vaovao Mahafaly amin'ny olona rehetra.

Soratra Masina Fototra: Hataony ahoana ary no fiantso izay tsy ninoany? Ary hataony ahoana no fandre, raha tsy misy mpitory? Ary hataony ahoana no fitory, raha tsy nirahina? araka ny voasoratra hoe: "Akory ny hatsaran'ny tongotr'iry mitondra teny soa mahafaly!" (Romana 10:14-15)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara. Nanome toro-marika ireo mpianany Jesosy ny amin'ny fomba hizaràna ny Vaovao Mahafaly.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary nony afaka izany, ny Tompo nanendry olona hafa koa, dia fito-polo lahy, ka naniraka azy tsiroaroa hialoha Azy any amin'ny tanàna sy ny tany rehetra izay efa halehany. Ary hoy Izy taminy: Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra. Mandehana; indro, Izaho maniraka anareo tahaka ny zanak'ondry eo ampovaoan'ny amboadia. Aza mitondra kitapom-bola, na kitapom-batsy, na kapa; ary aza miarahaba olona akory eny an-dàlana. Ary izay trano idiranareo, dia lazao aloha hoe: Fiadanana ho amin'ity trano ity. Ary raha misy zanaky ny fiadanana ao, dia hitoetra ao aminy ny fiadanana tononinareo; fa raha tsy izany, dia hiverina ho aminareo ihany izany. Ary mitoera ao amin'izany trano izany, ka mihinàna sy misotroa izay zavatra omeny; fa ny mpiasa mendrika hahazo ny karamany. Aza mifindrafindra trano. Ary izay tanàna iakaranareo, ka mandray anareo ny olona, dia hano izay zavatra aroso eo anoloanareo. Ary sitrano izay marary ao, ka laza lazao amin'ny olona hoe: Efa mby akaiky anareo ny fanjakan'Andriamanitra. (Lioka 10:1-9)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Isaia 6:8; Matio 9:35-38; Jaona 4:35-38; Galatiana 6:9-10)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nomena antsika ho andraikitra ny Vaovao Mahafaly. Manana tombontsoa hizara ity Vaovao Mahafaly ity amin'ny tontolo manodidina antsika isika.

LESONA 3-7

# MITIA AN'ANDRIAMANITRA

## Ny Fifandraisana Amin'Andriamanitra No Tena Zava-dehibe Indrindra

### LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nasain'i Jesosy nanao zavatra maro ireo mpanara-dia Azy. Ny tena zava-dehibe indrindra dia ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

Soratra Masina Fototra: Koa tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny foanao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra. (Marka 12:30)

### TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Maria sy Marta dia mpanara-dia an'i Jesosy ary nanana fifandraisana tsara Taminy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.
Ary raha nandeha izy ireo, dia niditra teo amin'ny vohitra anankiray Jesosy; ary nisy vehivavy anankiray atao hoe Marta nampiantrano Azy ho ao an-tranony. Ary izy nanana rahavavy atao hoe Maria, izay nipetraka tao anilan'ny tongotry ny Tompo ka nihaino ny teniny. Fa Marta sahirana tamin'ny fanompoana be; dia avy izy ka nanao hoe: Tompoko, moa tsy mampaninona Anao va ny amelan'ny rahavaviko ahy hanompo irery? Koa mba asaovy manampy ahy izy. Fa ny Tompo namaly ka nanao taminy hoe: Marta, Marta, maro ahina sy maro herehina hianao; nefa zavatra iray loha no ilaina; fa Maria no efa nifidy ny anjara tsara, izay tsy halaina aminy. (Lioka 10:38-42)

### FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

### SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 11:28-30; Jaona 14:15; Lioka 6: 47-49: Filipiana 2:12-13)

### FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

### FAMINTINANA

Ny tena baiko lehibe indrindra nomen'i Jesosy dia ny tokony hitiavantsika Azy amin'ny fontsika, ny fanahintsika, ny saintsika ary ny herintsika rehetra.

# MITIA AN'ANDRIAMANITRA

LESONA 3-8

Mahalala Ilay Mpiandry Tsara

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ny mpanara-dia an'i Kristy dia tsy maintsy tia an'Andriamanitra amin'ny lafiny maha-izy azy rehetra. Mba hahazoantsika mitia an'Andriamanitra amin'ny maha-izy antsika rehetra, dia tsy maintsy mahalala an'Andriamanitra isika.

Soratra Masina Fototra: Koa tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny foanao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra. (Marka 12:30)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara. Nazavain'i Jesosy tany aloha fa ny mpanara-dia Azy dia toy ny ondry manara-dia ny ondry izay manaraka Azy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Dia hoy indray Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izaho no vavahadin'ny ondry. Mpangalatra sy jiolahy izay rehetra tonga talohako; fa tsy nihaino azy ny ondry. Izaho no vavahady; raha Izaho no idiran'ny olona, dia hovonjena izy ka hiditra sy hivoaka sady hahazo hanina. Ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handringana; Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be. Izaho no Mpiandry Tsara: ny Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry. Ary ny mpikarama, satria tsy mpiandry na tompon'ondry izy, koa raha mahita ny amboadia avy, dia mandao ny ondry ka mandositra, ary ny amboadia dia misambotra ny ondry ka mampihahaka azy; mandositra izy, satria mpikarama ka tsy mitandrina ny ondry. Izaho no Mpiandry Tsara; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho, (Jaona 10:7-14)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Salamo 23; Salamo 100; Matio 9:35-36)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Rehefa mahafantatra an'Andriamanitra isika dia ho tia Azy.

LESONA 3-9

# MITIA NY HAFA

Miaina Amin'ny Firaisan-tsaina Miaraka Amin'ireo Mpanara-dia an'i Kristy Hafa

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ny mpanara-dia an'i Kristy dia antsoina hoe Fiangonana. Miandrandra ny fiangonana hiaina amin'ny firaisan-tsaina Andriamanitra.

Soratra Masina Fototra: Ary ny faharoa dia izao: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao" Tsy misy didy hafa lehibe noho ireo. (Marka 12:31)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Ireo mpitarika ara-pivavahana izay nanohitra an'i Jesosy dia nandrara ireo mpitarika fiangonana mba tsy hiteny na hampianatra mikasika an'i Jesosy. Nitady an'Andriamanitra ny Fiangonana mba hahazo valiny tandrify.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Koa ankehitriny, Tompo ô, jereo ny fandrahonany; ary omeo anay mpanomponao ny mba hitory ny teninao amin'ny fahasahina rehetra, omban'ny aninjiranao ny tànanao hahasitrana sy ny anaovana famantarana sy fahagagana amin'ny anaran'i Jesosy Mpanomponao Masina. Ary rehefa nivavaka izy dia nihovitrovitra ny trano izay niangonany; dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny Tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana. Ary niray fo sy fanahy ny olona rehetra izay nino; ary tsy nisy nanonona ny fananany ho azy na dia iray aza, fa niombonany avokoa ny zavatra rehetra nananany. Ary tamin'ny hery be no nanambaran'ny Apostoly ny nitsanganan'i Jesosy Tompo; ary fahasoavana be no tao amin'izy rehetra. Fa tsy nisy olona nalahelo teo aminy; fa izay nanana tany na trano, raha nivarotra izany, dia nitondra ny vola vidin'ny zavatra lafo, ka napetrany teo anoloan'ny tongotry ny Apostoly, dia nozaraina tamin'izy rehetra araka izay nilainy avy. (Asan'ny Apostoly 4:29-35)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Romana 12:3-21; 1 Korintiana 12:12-31; 1 Korintiana 14:26; Efesiana 4:1-16)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nantsoina hiaina amin'ny firaisan-tsaina miaraka amin'ireo mpanara-dia an'i Kristy isika.

LESONA 3-10

# MITIA NY HAFA

Fahazavana Ho An'Izao Tontolo Izao

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nanome toro-marika Ireo Mpianany mba ho tia olona Jesosy. Nantsoina hitondra ny hafatry ny fanantenana sy fiadanana ho an'izao tontolo izao ny Kristiana. Nomena toro-marika haneho ny fitiavan'Andriamanitra amin'ireo malahelo ny Kristiana.

Soratra Masina Fototra: Ary ny faharoa dia izao: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao" Tsy misy didy hafa lehibe noho ireo. (Marka 12:31)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Mampianatra antsika ho tia ny namantsika ny Baiboly. Nisy manam-pahaizana ara-baiboly nanontany an'i Jesosy hoe iza no namany. Namaly tamin'ny alalan'ny fanoharana mikasika ny mpisorona, ny Levita, ary ny Samaritana Jesosy. Ny Levita sy ny mpisorona dia olona manokan-tena ara-pivavahana. Ny Samaritana dia vondron'olona izay tsy mahazoazo ny vondrona misy an'i Jesosy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.
Ary Jesosy namaly ka nanao hoe: Nisy lehilahy anankiray nidina avy tany Jerosalema hankany Jeriko ka azon'ny jiolahy, dia nendahany ny lambany, sady nokapohiny izy, dia nilaozany, rehefa saiky maty. Ary sendra nisy mpisorona anankiray nidina tamin'izany làlana izany; ary raha nahita an-dralehilahy izy, dia nandalo azy. Ary toy izany koa ny Levita anankiray, izay tonga teo, dia nahita azy, nefa nandalo koa. Fa nisy kosa Samaritana anankiray nandeha tamin'ny nalehany ka tonga teo aminy, ary nony nahita azy, dia onena. Dia nanatona izy, ka nofeheziny ny feriny, sady nasiany diloilo sy divay; dia nampitaingeniny tamin'ny bibiny izy, ka nentiny ho any amin'ny tranom-bahiny, dia notsaboiny. Ary nony ampitson'iny, dia naka denaria roa izy, ka nomeny ny tompon'ny tranom-bahiny, sady nanao taminy hoe: Tsaboy izy; ary na hoatrinona na hoatrinona no laninao mihoatra noho ireo dia honerako, rehefa miverina aho. Iza moa amin'izy telo lahy no ataonao ho naman'ilay azon'ny jiolahy? Ary hoy izy: Ilay niantra azy. Dia hoy Jesosy taminy: Mandehana hianao, ka mba manaova toy izany koa. (Lioka 10:30-37)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 5:14-16; Jaona 13:34-35; 1 Korintiana 13; Efesiana 4:1-3; 1 Jaona 3:16-18; 1 Jaona 4:7-12)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Rehefa miahy ireo mahantra isika, dia mampiseho ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny olona. Asehontsika amin'ny fikarakarana ny olona

# MANAO MPIANATRA

LESONA 3-11

Fahano ny Ondriko

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ny fitiavan'Andriamanitra no manosika antsika hanofana sy hiahy ireo mpino hafa.

Soratra Masina Fototra: Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo [araka an'Andriamanitra]; tsy amin'ny fitiavana harena maloto, fa amin'ny zotom-panahy. (1 Petera 5:2)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Vao avy nofantsihana sy nitsangana tamin'ny maty Jesosy. Vao maraina, dia nahita ireo Mpianany nanarato Jesosy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Hoy Jesosy taminy: Avia hisakafo. Fa tsy nisy mpianatra sahy nanontany Azy hoe: Iza moa Hianao? satria fantany ihany fa ny Tompo Izy. Ary tonga Jesosy, dia nandray ny mofo, ka natolony azy, dia vao ny hazandrano indray. Izany no fanintelon'ny nisehoan'i Jesosy tamin'ny mpianatra, rehefa nitsangana tamin'ny maty Izy. Ary rehefa nisakafo izy, dia hoy Jesosy tamin'i Simona Petera: Simona, zanak'i Jaona, moa ny fitiavanao Ahy mihoatra noho fitiavan'ireto? Hoy izy taminy: Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Dia hoy Izy taminy: Fahano ary ny ondrikeliko. Hoy indray Izy taminy fanindroany: Simona, zanak'i Jaona, moa tia Ahy va hianao? Dia ho izy taminy: Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho. Dia hoy Izy taminy: Andraso ary ny ondriko. Hoy Izy fanintelony: Simona, zanak'i Jaona, moa tia Ahy va hianao? Dia nalahelo Petera, satria Izy nanao intelo taminy hoe: Moa tia Ahy va hianao? ka hoy izy taminy: Tompoko, Hianao mahalala ny zavatra rehetra; fantatrao fa tia Anao aho. Hoy Jesosy taminy: Fahano ary ny ondriko. (Jaona 21:12-17)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 28:19-20; Asan'ny Apostoly 20:28; 1 Korintiana 9:16-18; 1 Tesaloniana 5:11; 2 Timoty 2:2; 2 Timoty 4:2-5)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nasain'i Jesosy nanao mpianatra ireo Mpanara-dia Azy. Ny dikan'ny hoe manao mpianatra dia manohana sy mampianatra ny mpino, mba hitomboany amin'ny fifandraisany amin'Andriamanitra.

# MANAO MPIANATRA

LESONA 3-12

Miaraka Amintsika Jesosy Rehefa Manao Mpianatra Isika

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Tian'i Jesosy loatra ny olona rehetra, ka nasainy nanao azy ireo ho mpianatra ny Mpanara-dia Azy. Nampanantena ny mpino Jesosy fa homba azy ireo, rehefa mandeha sy manao mpianatra izy ireo.

Soratra Masina Fototra: Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo [araka an'Andriamanitra]; tsy amin'ny fitiavana harena maloto, fa amin'ny zotom-panahy. (1 Petera 5:2)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.
Nofantsihana tamin'ny hazo fijaliana sy natao tao am-pasana nandritry ny telo andro Jesosy. Fantatry ny mpianatra fa ny fasana izay nametrahana an'i Jesosy izao dia foana.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.
Ary ny mpianatra iraika ambin'ny folo lahy dia nankany Galilia, ho any amin'ilay tendrombohitra nasain'i Jesosy halehany. Ary nony nahita Azy izy, dia niankohoka fa ny sasany niahanahana. Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahatamperan'izao tontolo izao. (Matio 28:16-20)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Jaona 14:15-17; Asan'ny Apostoly 2:42-47; 2 Timoty 2:2; Hebreo 13:5-6)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nanome toro-marika ny Mpianany Jesosy mba handeha sy hanao mpianatra. Nantsoina hampianatra ireo mpino vaovao ireo Mpanara-dia an'i Kristy, mba hahatonga azy ireo hitombo amin'ny fahalalana sy ny finoana ao amin'i Kristy.

LESONA 3-13

# MANAO MPIANATRA

Mampatanjaka sy Mampahery ny Mpino

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Amin'ny maha mpino antsika, dia ilaina ampaherezina sy ampahatanjahina ao amin'ny finoantsika avokoa isika. Amin'ny maha isan'ny ankohonan'Andriamanitra, dia ilaina mifanofana sy mifampahery isika.

Soratra Masina Fototra: Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo [araka an'Andriamanitra]; tsy amin'ny fitiavana harena maloto, fa amin'ny zotom-panahy. (1 Petera 5:2)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

I Paoly sy Barnabasy dia nandeha nitety tanàna nizara mikasika an'i Jesosy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Fa nony nanodidina azy ny mpianatra, dia nitsangana izy ka lasa niakatra ao an-tanàna. Ary nony ampitso dia niala tao izy sy Barnabasy ka nankany Derbe. Ary rehefa nitory ny filazantsara tamin'izany tanàna izany izy ka nahazo mpianatra maro, dia niverina nankany Lystra sy Ikonioma ary Antiokia indray izy, nampahery ny fanahin'ny mpianatra ka nananatra azy haharitra amin'ny finoana, sady nilaza: Fa tsy maintsy ho amin'ny fahoriana be no idirantsika amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Ary rehefa nanendry loholona teo amin'ny isam-piangonana izy, dia nivavaka sy nifady hanina ka dia nanolotra azy ho an'ny Tompo Izay efa ninoany. (Asan'ny Apostoly 14:20-23)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Asan'ny Apostoly 2:42-47; Asan'ny Apostoly 11:25-30; Asan'ny Apostoly 15:30-41; Asan'ny Apostoly 18:23; 1Tesaloniana 5:13-15)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Mba hahatonga antsika ho mpanara-dia an'i Kristy mahatoky, dia mila mifampahatanjaka sy mifampahery isika.

Antontan-desona 4



# Ny Tafo

## FAHAMARINANA TENA LAINA

*“Ka ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hahafaka anareo tsy ho andevo.” (Jaona 8:32)*

## *Fanoroam-pejy*

**Lessons:**


**4-1 Andriamanitra....................Pejy 62**
*Tokana Ihany Andriamanitra*

**4-2 Jesosy....................Pejy 63**
*Jesosy no Zanakalahin’Andriamanitra*

**4-3 Fanahy Masina ....................Pejy 64**
*Mila ny Fanahy Masina ireo Mpanara-dia an’i Kristy*

**4-4 Fitiavana sy Famelan-keloka....................Pejy 65**
*Tonga Haneho Fitiavana sy Famelan-keloka Jesosy*

**4-5 Nohamarinina Teo Anatrehan’Andriama....................Pejy 66**
*Miaiky fa tsy ao amin’ny Fenitr’Andriamanitra Tanteraka Isika*

**4-6 Ny Fanjakan’Andriamanitra....................Pejy 67**
*Nateraka Indray Ara-panahy*

**4-7 Ny Baiboly....................Pejy 68**
*Fahamarinana Voasoratra Avy Amin’Andriamanitra*

**4-8 Ny Fiangonana....................Pejy 69**
*Mpanara-dia an’i Kristy Miaina Amin’ny Firaisan-tsaina*

**4-9 Fahazavan’Izao Tontolo Izao....................Pejy 70**
*Taratry ny Fahazavan’i Kristy*

**4-10 Mandrakizay....................Pejy 71**
*Mandrakizay Miaraka amin’Andriamanitra na Mandrakizay any amin’ny Fijaliana Mahatsiravina*

**4-11 Ilay Mpitsara....................Pejy 72**
*Hitsara ny Olona Rehetra Jesosy Kristy*

**4-12 Ny Fanasàn’ny Tompo....................Pejy 73**
*Ny Maha-zava-dehibe ny Fahatsiarovana ny Nahafatesan’i Kristy noho ny Otantsika*

**4-13 Batisa ....................Pejy 74**
*Manao Fanambarana Ampahibemaso ny Finoana an’i Kristy*

LESONA 4-1

# ANDRIAMANITRA

Tokana Ihany Andriamanitra

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Tokana ihany Andriamanitra. Ny Baiboly dia izay fomba ahatakarantsika hoe iza moa Andriamanitra ary manao ahoana Izy. Manazava ny Baiboly fa tokana ihany ny Andriamanitra izay tompoin'ny Kristiana, ary ny fanompoana ireo andriamanitra hafa dia tsy fankatoavana an'ilay tena Andriamanitra marina.

Soratra Masina Fototra: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany. (Marka 12:29)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

I Paoly dia iray tamin'ireo mpitoriteny lehibe voalohan'ny Filazantsara. Indray andro dia nitory teny i Paoly, mba hampahafantatra ny olona ilay hàny Andriamanitra tokana. Nitangorona nanodidina ny olona tao an-tanàna, hihaino izay nambaran'i Paoly.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary Paoly nitsangana teo afovoan'i Areopago ka nanao hoe: Ry lehilahy Ateniana, hitako fa amin'ny zavatra rehetra dia fatra-pivavaka amin'ny andriamanitrareo indrindra hianareo. Fa raha nandeha aho ka nandinika izay zavatra ivavahanareo, dia nahita alitara anankiray misy izao soratra izao: HO AN'IZAY ANDRIAMANITRA TSY FANTATRA. Koa izay ivavahanareo, kanefa tsy fantatrareo, dia izany no toriko aminareo, dia Andriamanitra Izay nanao izao tontolo izao sy ny eo aminy rehetra, Izy no Tompon'ny lanitra sy ny tany ka tsy mba mitoetra ao anaty tempoly nataon-tànana, sady tsy mba tompoin'ny tànan'olona toa mila zavatra, fa Izy ihany no manome izao rehetra izao aina sy fofon-aina ary ny zavatra rehetra; ary ny firenena rehetra avy amin'ny iray ihany dia namponeniny ambonin'ny tany rehetra, ary efa notendreny ny fotoan'andro sy ny faritry ny fonenany, mba hitady an'Andriamanitra izy raha tàhiny hahatsapa ka hahita Azy, kanefa tsy mba lavitra antsika rehetra Izy; fa Izy no ivelomantsika sy ihetsehantsika ary iainantsika; araka ny nataon'ny mpanao tonon-kira sasany teo aminareo hoe: Fa terany koa isika. Ary satria terak'Andriamanitra isika, dia tsy mety raha ny fomban'Andriamanitra no ataontsika ho tahaka ny volamena, na volafotsy, na vato voasoratry ny fahaizana aman-tsain'olombelona. Ary Andriamanitra ninia tsy nijery ny andron'ny tsi-fahalalana; fa ankehitriny Izy dia mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka, satria Izy efa nanendry andro iray, izay hitsarany izao tontolo izao amin'ny fahamarinana amin'ny alalan'ny Lehilahy iray voatendriny, koa efa nanome vavolombelona hampino ny olona rehetra izany Izy tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty. (Asan'ny Apostoly 17:22-31)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Genesisy 1:1; Deoteronomia 6:4-5; Marka 12:32; 1 Timoty 2:5-6; Apokalypsy 1:8)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Tokana ihany ny tena Andriamanitra. Tsy maintsy azontsika antoka fa tsy manompo andriamani-tsy izy isika.

LESONA 4-2

# JESOSY

## Jesosy no Zanakalahin'Andriamanitra

### LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Niaraka tamin'Andriamanitra tany an-danitra Jesosy talohan'ny nahatongavany tety an-tany. Jesosy tokana ihany no Zanakalahin'Andriamanitra. Taorian'ny fahafatesany sy ny fitsanganany tamin'ny maty Jesosy, dia niverina tany amin'ny Rainy tany an-danitra. Mba hahafantarantsika sy hiankohofantsika amin'i Jesosy araka ny tokony ho izy, dia tsy maintsy mahalala isika, fa Andriamanitra Ray sy Jesosy dia iray ihany.

Soratra Masina Fototra: Ary izany rehetra izany dia tonga mba hahatanteraka izay nampilazain'ny Tompo ny mpaminany hoe: "Indro, ny virijina hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy; Ary ny anarany hataon'ny olona hoe Imanoela", izany hoe, raha adika: "Amintsika Andriamanitra." (Matio 1:22-23)

### TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Teo amin'ny tantara, dia nisy lehilahy maro izay nirahin'Andriamanitra mba hanambara fa ho avy Jesosy indray andro any. Mpaminany no iantsoana ireny lehilahy ireny. Mosesy sy Elia dia mpaminany izay velona taona marobe talohan'ny nahatongavan'i Jesosy teto an-tany.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary nony afaka henemana, Jesosy dia naka an'i Petera sy Jakoba ary Jaona rahalahiny ka nitondra azy niakatra ho any an-tendrombohitra avo mba hitokana. Dia niova tarehy teo anatrehany Izy, ka ny tavany namirapiratra tahaka ny masoandro, ary ny fitafiany tonga fotsy tahaka ny mazava. Ary, indreo, niseho tamin'ny mpianatra Mosesy sy Elia, niresaka tamin'i Jesosy. Dia niteny Petera ka nanao tamin'i Jesosy hoe: Tompoko, tsara raha mitoetra eto isika; koa raha sitrakao, aoka aho hanao lay telo eto: ny anankiray ho Anao, ny anankiray ho an'i Mosesy, ary ny anankiray ho an'i Elia. Raha mbola niteny izy, indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo; ary, injao, nisy feo avy tao amin'ny rahona nanao hoe: Ity no Zanako malalako Izay sitrako; Izy no henoy. Ary nony nandre izany ny mpianatra, dia lavo niankohoka sady natahotra indrindra. Ary Jesosy nankeo aminy, dia nanendry azy ka nanao hoe; Mitsangàna, fa aza matahotra. Ary nony niandrandra izy ireo, dia tsy nahita olona, afa-tsy Jesosy irery ihany. (Matio 17:1-8)

### FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

### SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Jaona 1:1-5; Jaona 3:16; Filipiana 2:5-11; Kolosiana 1:15-20; Kolosiana 2:9; Hebreo 1:1-3)

### FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

### FAMINTINANA

Jesosy sy ny Ray any an-danitra dia iray ihany. Jesosy dia Andriamanitra.

# FANAHY MASINA

LESONA 4-3

## Mila ny Fanahy Masina ireo Mpanara-dia an'i Kristy

### LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nampianatra ireo Mpianany Jesosy fa tena ilaina ny fifandraisana amin'ny Fanahy Masina. Antsoina hoe Mpanampy ny Fanahy Masina, ary hitarika ny mpanara-dia an'i Kristy ho amin'ny fahamarinana. Manome hery ireo mpanara-dia an'i Kristy koa ny Fanahy Masina. Mbola ilaina io fifandraisana amin'ny lanitra io ho an'ny mpino amin'izao vanin'andro izao.

Soratra Masina Fototra: Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, Dia ny Fanahin'ny fahamarinana, Izay tsy azon'izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa hianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo. (Jaona 14:16-17)

### TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Iray amin'ireo toromarika farany nomen'i Jesosy ireo mpanara-dia azy ny hiandrasan'izy ireo ny Fanahy Masina. Ho fankatoavana, dia nisy vondron'olona marobe niangona tany Jerosalema mba hiandry. Nony afaka andro maromaro, dia nirotsaka tamin'izay tafangona ny Fanahy Masina.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary nony tonga ny Andro Pentekosta, dia teo amin'ny fitoerana iray izy rehetra. Ary nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra mahery mifofofofo, ka nanenika ilay trano niangonany. Ary nisy lela maro mitarehin'afo niseho taminy, izay nizarazara; ary nipetraka tamin'izy rehetra isan-olona izany. Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy. Ary nisy Jiosy, mpivavaka tsara, nitoetra tany Jerosalema, avy tany amin'ny firenena samy hafa rehetra ambanin'ny lanitra. Ary nony re izany feo izany, dia niangona ny olona maro ka very hevitra, fa samy nahare azy ireo niteny tamin'ny fiteniny avy izy rehetra. Dia talanjona sady gaga izy rehetra ka nanao hoe: Indreo, tsy Galiliana va ireo rehetra miteny ireo? Koa ahoana no andrenesantsika amin'ny fitenintsika avy izay nahabe antsika dia Partiana sy Mediana sy Elamita, ary mponina any Mesopotamia sy Jodia sy Kapadokia sy Ponto sy Asia sy Frygia sy Pamfylia, sy Egypta sy ny tany Libya izay manodidina an'i Kyrena, ary vahiny avy any Roma, na Jiosy na proselyta. Kretana sy Arabo koa ahoana no andrenesantsika ireo miteny amin'ny fitenintsika avy ny asa lehibe ataon'Andriamanitra? Dia talanjona izy rehetra ka niahanahana sady niresaka hoe: Ahoana no tokony ho hevitr'izany? Fa ny sasany nihomehy ka nanao hoe: Leon-divay mamy ireo. Fa nitsangana Petera sy ny iraika ambin'ny folo lahy, dia nanandra-peo izy ka nanao taminy hoe: Ry lehilahy Jiosy sy izay rehetra monina eto Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao, ka henoy ny teniko: Tsy mamo araka ny hevitrareo tsy akory ireo, fa vao ora fahatelo ihany izao ny andro. Fa izao ilay nampilazaina an'i Joela mpaminany hoe: "Ary amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, No handatsahako ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra; Ary ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany, Ary ny zatovonareo hahita fahitana, ary ny lahi-antitrareo hanonofy; (Asan'ny Apostoly 2:1-17)

### FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

### SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Lioka 11:13; Jaona 16:13; Asan'ny Apostoly 1:8; 1 Korintiana 12:7-11; Galatiana 5:16)

### FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

### FAMINTINANA

Ireo mpanara-dia an'i Jesosy tamin'ny voalohany dia nanisy akony teo amin'ny tontolo nisy azy, satria feno ny Fanahy Masina izy ireo. Amin'izao fotoana izao, dia mila ny Fanahy Masina toy ireo mpanara-dia an'i Kristy tamin'ny voalohany isika.

# FITIAVANA SY FAMELAN-KELOKA

LESONA 4-4

Tonga Haneho Fitiavana sy Famelan-keloka Jesosy

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Naneho ny fitiavana sy ny famelan-kelok'Andriamanitra tamin'ny olona rehetra Jesosy. Amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy antsika, dia tokony haneho ny fitiavana sy ny famelan-kelok'Andriamanitra amin'ny olona rehetra koa isika.

Soratra Masina Fototra: Izao no didiko, dia ny mba hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo. (Jaona 15:12)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Fony Jesosy niaina tety an-tany, dia nofehezin'ny lalàn'i Mosesy ny olona. Ato amin'ity tantara ity Jesosy dia maneho fomba fiaina vaovao izay mifototra amin'ny fitiavana sy ny famelan-keloka.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary nony maraina koa dia nankeo an-kianjan'ny tempoly indray Jesosy, ary ny vahoaka rehetra nanatona Azy, dia nipetraka Izy ka nampianatra azy. Ary nisy vehivavy anankiray azo nijangajanga nentin'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo; ary rehefa napetrany teo afovoany izy, dia hoy ireo taminy: Mpampianatra ô, ity vehivavy ity azo olan-tànana nijangajanga. Ary ao amin'ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotoram-bato izay vehivavy manao toy izany; fa ahoana kosa hoy Hianao? Izany no nolazainy hakany fanahy Azy, mba hahazoany izay hiampangany Azy. Fa Jesosy niondrika ka nanoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tànany. Ary raha naharitra nanontany Azy ireo, dia nitraka Izy ka nanao taminy hoe: Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany. Dia niondrika indray Izy ka nanoratra teo amin'ny tany tamin'ny rantsan-tànany. Ary raha nandre izany Izy, dia nivoaka tsirairay hatramin'ny zokinjokiny ka hatramin'ny zandrinjandriny; ary Jesosy irery ihany no sisa teo sy ilay vehivavy teo. Ary rehefa nitraka Jesosy, dia hoy Izy taminy; Ravehivavy, aiza ireny? Tsy nisy nanameloka anao va? Ary hoy izy: Tsy misy, Tompoko. Dia hoy Jesosy: Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony. (Jaona 8:2-11)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Jaona 15:12-17; 1Jaona 2:8-11; 1Jaona 3:16; 1Jaona 4)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Jesosy no fanehoana tsy azo kianina amin'ny fitiavana sy ny famelan-keloka. Raha mpanara-dia an'i Kristy isika, dia tokony haneho fitiavana sy famelan-keloka amin'ny olona rehetra.

# NOHAMARININA TEO ANATREHAN'ANDRIAMANITRA

LESONA 4-5

Miaiky fa tsy ao amin'ny Fenitr'Andriamanitra Tanteraka Isika

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ny olona rehetra dia tsy ao amin'ny fenitr'Andriamanitra tanteraka. Tsy afaka manao ny tenantsika ho tsaratsara kokoa amin'ny alalan'ny fanaovana zavatra tsara isika. Tsy maintsy miaiky ny toetsika feno ota isika ary mangataka ny famindrampon'Andriamanitra. Rehefa mangataka indrafo amin'Andriamanitra isika, dia hamarininy.

Soratra Masina Fototra: Fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra. (Romana 3:23)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara. Nilaza tantara mikasika lehilahy anankiroa Jesosy. Ny lehilahy iray mpitarika ara-pivavahana antsoina hoe Fariseo. Ny anankiray dia mpamory hetra izay nankahalain'ny mpiara-monina. Ato amin'ity tantara ity, ny atao hoe olona nohamarinina teo anatrehan'Andriamanitra dia midika hoe navelan'Andriamanitra ny otan'ilay olona.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Nisy roa lahy niakatra teo an-kianjan'ny tempoly hivavaka. Ny anankiray Fariseo, ary ny anankiray mpamory hetra. Ilay Fariseo nitsangana ka nivavaka nitokana hoe: Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tsy mba tahaka ny olona sasany, izay mpanao an-keriny, tsy marina, mpijangajanga, na tahaka io mpamory hetra io aza. Mifady indroa isan-kerinandro aho; mandoa ny fahafolon-karena amin'izay azoko rehetra aho. Fa ilay mpamory hetra kosa nijanona teny lavitra eny, sady tsy nety niandrandra ny lanitra akory, fa niteha-tratra ka nanao hoe: Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko mpanota. Lazaiko aminareo: Izany lehilahy izany nidina tany an-tranony efa nohamarinina noho ny anankiray; fa izay rehetra manandra-tena no haetry, ary izay rehetra manetry tena no hasandratra. (Lioka 18:10-14)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Romana 3:24; Romana 4:4-5; Romana 4:25; Romana 5:1-2; Romana 5:8-10; Romana 10:10; Jakoba 2:20-26)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Feno ota ny olona rehetra ary mila fanamarinana. Ny fanamarinana dia anomboka ao amin'ny fiaikena fa tsy ao amin'ilay fenitra tanterak'Andriamanitra isika, ary avy eo dia fangatahana ny indrafon'Andriamanitra. Andriamanitra irery ihany no afaka manamarina antsika.

# NY FANJAKAN' ANDRIAMANITRA

LESONA 4-6

Teraka Indray Ara-panahy

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Niresaka matetika ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra Jesosy. Ny Fanjakan'Andriamanitra dia fitondrań'Andriamanitra.Ny mpanara-dia an'i Kristy dia olom-pirenen'ny fanjakan'Andriamanitra. Tsy misy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra raha tsy efa nateraka indray.

Soratra Masina Fototra: Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo. (2 Korintiana 5:17)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Nisy lehilahy iray atao hoe Nikodemosy nankany amin'i Jesosy hametraka fanontaniana Aminy. Nikodemosy dia mpitarika ara-pivavahana nanana ny naha-izy azy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary nisy Fariseo anankiray atao hoe Nikodemosy, mpanapaka tamin'ny Jiosy. Izy nankao amin'i Jesosy nony alina ka nanao taminy hoe: Raby ô, fantatray fa mpampianatra avy amin'Andriamanitra Hianao; fa tsy misy olona mahay manao izao famantarana ataonao izao, raha tsy Andriamanitra no momba azy. Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra. Hoy Nikodemosy taminy: Hataon'ny olona ahoana no hateraka rehefa lehibe; moa mahazo miditra any an-kibon-dreniny indray va izy ka hateraka? Jesosy namaly hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy. Izay ateraky ny nofo dia nofo; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy. Aza gaga noho ny nilazako taminao hoe: Tsy maintsy hateraka indray hianareo. Ny rivotra mitsoka amin'izay tiany, ary renao ny feony, nefa tsy fantatrao izay ihaviany na izay alehany, dia tahaka izany izay rehetra ateraky ny Fanahy. (Jaona 3:1-8)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Jaona 18:36; Asan'ny Apostoly 1:3; Romana 6:4; 2 Timoty 4:18; 1 Petera 1:23; 2 Petera 1:11)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nilaza Jesosy fa tsy misy afaka miditra ny fanjakan'Andriamanitra raha tsy efa nateraka indray izy. Nolazain'i Jesosy tamin'i Nikodemosy fa tsy maintsy ateraky ny rano sy ny fanahy izy.

LESONA 4-7

# NY BAIBOLY

Fahamarinana Voasoratra Avy Amin'Andriamanitra

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Soratra Masina misy heriny ny Baiboly. Ireo fahamarinana ao anatin'ny Baiboly dia afaka manova ny fontsika sy ny saintsika. Ilaina tokoa ny Baiboly ary izy no hàny boky manambara amintsika hoe iza Andriamanitra. Ny Baiboly irery no boky avy amin'Andriamanitra.

Soratra Masina Fototra: Izay soratra rehetra nomen'ny tsindri-mandrin'Andriamanitra, dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra. (2 Timoty 3:16-17)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Alohan'ny nanombohan'i Jesosy ny asa fanompoana ampahibemaso nataony, dia nifanandrina tamin'ny devoly Izy. Tamin'izany fifanandrinana izany, dia niantehitra tamin'ny Soratra Masina Jesosy hanoherany ny fakam-panahy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary Jesosy dia nentin'ny Fanahy nankany an'efitra, mba halain'ny devoly fanahy. Ary nifady hanina efa-polo andro sy efa-polo alina Izy, koa nony afaka izany, dia noana. Dia nanatona ny mpaka-fanahy ka nanao taminy hoe: Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, dia teneno ho tonga mofo ireto vato ireto. Fa Izy kosa namaly ka nanao hoe: Voasoratra hoe: "Tsy mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra". Ary ny devoly nitondra Azy nankany amin'ny tanàna masina ka nampitoetra Azy teo an-tampon'ny tempoly, dia nanao taminy hoe: Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, mianjerà any ambany any; fa voasoratra hoe: "Izy handidy ny anjeliny ny aminao; Ary eny an-tànany no hitondran'ireo Anao, Fandrao ho tafintohina amin'ny vato ny tongotrao". Hoy Jesosy taminy: Voasoratra hoe koa: "Aza maka fanahy an'i Jehovah Andriamanitrao". Ary ny devoly nitondra Azy indray nankany an-tendrombohitra avo dia avo ka naneho Azy ny fanjakana rehetra amin'izao tontolo izao mbamin'ny voninahiny, dia nanao taminy hoe: Izao rehetra izao dia homeko Anao, raha hiankohoka eto anatrehako Hianao. Fa hoy Jesosy taminy: Mandehana hianao, ry Satana: fa voasoratra hoe: "Jehovah Andriamanitrao no hiankohofanao, ary Izy irery ihany no hotompoinao". Dia nandao Azy ny devoly, ary indreo nisy anjely tonga ka nanompo Azy. (Matio 4:1-11)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Salamo 119; Romana 10:17; Efesiana 6:13-17; 2 Petera 1:20-21; Jakoba 1:21)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nisafidy ny hiady amin'i Satana tamin'ny alalan'ny Soratra Masina Jesosy. Afaka mampiasa ny Soratra Masina koa isika ho fiadiana hanoherana ny fanafihan'ny fahavalo, ary ho fitaovana hampijoroana ny finoantsika.

LESONA 4-8

# NY FIANGONANA

Mpanara-dia an'i Kristy Miaina Amin'ny Firaisan-tsaina

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Rehefa niala teto an-tany hiverina any amin'ny Rainy any an-danitra Jesosy, dia namela ny Fiangonana ho Solotenany eto amin'izao tontolo izao. Amin'ny maha-mpanara-dia an'i Kristy antsika, dia tokony hiaina am-pilaminana miaraka amin'ny mpanara-dia an'i Kristy hafa isika, ary hifampahery amin'ny finoana. Tenan'i Kristy ny Fiangonana, ary Kristy no lohan'ny Fiangonana.

Soratra Masina Fototra: Ary Izaho milaza aminao koa: Hianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy. (Matio 16:18)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Taorian'ny niverenan'i Jesosy any amin'ny Rainy any an-danitra, ary nahatongavan'ny Fanahy Masina, dia nitombo haingana tokoa ny isan'ny mpino. Tsy ela dia niara-nivory ny mpino hiara-hitsaoka sy hianatra ny Soratra Masina. Niahy ireo mahantra sy ny mpitondratena ireo mpino ireo. Karazana vondrona roa samihafa no nandrafitra ny vondrona fiangonana mpino tany Jerosalema tamin'ny voalohany. Ny vondrona iray tao am-piangonana dia niteny Grika ary nantsoina hoe Jiosy Helenista. Ny vondrona iray kosa dia niteny Hebreo ary nantsoina hoe Jiosy Hebraika. Ireo mpisorona ato amin'ity tantara ity dia mpisorona avy amin'ny finoana Jiosy.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary tamin'izany andro izany, rehefa nihamaro ny isan'ny mpianatra, dia nimonomonona tamin'ny Hebreo ny Helenista, satria tsy mba enina tamin'ny fiantrana isan-andro ny mpitondratenany. Ary ny roa ambin'ny folo lahy nampiangona ny mpianatra rehetra ka nanao hoe: Tsy mety raha mandao ny Tenin'Andriamanitra hitandrina latabatra izahay. Koa amin'izay, ry rahalahy, mizahà fito lahy eo aminareo, izay tsara laza sady feno ny Fanahy sy fahendrena, mba hotendrenay hitandrina izany raharaha izany. Fa izahay kosa haharitra amin'ny fivavahana sy ny fampianarana. Dia sitraky ny olona rehetra ny teniny, ka nifidy an'i Stefana izy, lehilahy feno finoana sy ny Fanahy Masina, ary Filipo sy Prokoro, sy Nikanora sy Timona sy Parmena ary Nikoleo (proselyta avy any Antiokia), ireo dia narosony teo anatrehan'ny Apostoly; ary rehefa nivavaka ny Apostoly, dia nametra-tànana taminy. Dia nandroso ny tenin'Andriamanitra: ary nihamaro indrindra ny isan'ny mpianatra tany Jerosalema; ary maro be kosa ny mpisorona nanaiky ny finoana. (Asan'ny Apostoly 6:1-7)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Asan'ny Apostoly 2:42-47; 1 Korintiana 12:12-28; Efesiana 2:19-21; Efesiana 4:14-16; Hebreo 10:25)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Ampitahain'ny Baiboly amin'ny vatan'olombelona ny Fiangonana. Ao amin'ny vatan'olombelona dia samy manana ny asany manokana ny taova tsirairay, sady miankina amin'ny taova hafa. Tokony ho mahatoky amin'ny andraikiny sy mandray anjara miaraka amin'ny ambin'ny Fiangonana rehetra, ny mpanara-dia an'i Kristy.

# FAHAZAVAN'IZAO TONTOLO IZAO

LESONA 4-9

Taratry ny fahazavan'i Kristy

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Amin'ny maha mpanara-dia an'i Kristy antsika, dia tokony ho taratry ny toetran'i Kristy ny fiainantsika. Tokony hasehontsika amin'izao tontolo izao, amin'ny alalan'ny fiainantsika hoe iza Kristy.

Soratra Masina Fototra: Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra. (Matio 5-16)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Vahoaka marobe no nitangorona manodidina an'i Jesosy handre Azy mampianatra.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Sambatra hianareo, raha haratsin'ny olona sy enjehiny ary asiany izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo noho ny amiko. Mifalia sy miravoravoa hianareo, fa lehibe ny valim-pitianareo any an-danitra; fa toy izany ihany no nanenjehany ny mpaminany izay talohanareo. Hianareo no fanasin'ny tany; fa raha ny fanasina no tonga matsatso, inona indray no hahasira azy? Tsy misy heriny hanaovana na inona na inona intsony izy, fa hariana any ivelany ka hohitsahin'ny olona. Hianareo no fahazavan'izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra. Ary koa tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka azy ao ambanin'ny vata famarana, fa apetrany eo amin'ny fanaovan-jiro, ka dia mazava amin'izay rehetra ao an-trano izany. Aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra. (Matio 5:11-16)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 5:7; 2 Korintiana 4:6; 1Jaona 1:7; 1Jaona 2:10)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Nampianarin'i Jesosy an'ireo Mpanara-dia Azy ny fomba fiainana amin'ny toetra tsara, miaraka amin'ny asa tsara.

# MANDRAKIZAY

LESONA 4-10

Mandrakizay Miaraka amin'Andriamanitra na Mandrakizay any amin'ny Fijaliana Mahatsiravina

## LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Tsy mifarana akory ny fiainana rehefa maty isika. Mitohy velona mandrakizay isika. Ho ampamoahana avokoa ny olona rehetra ny amin'ny fiainany tety an-tany. Handàny ny mandrakizay hiaraka amin'i Kristy ny mpanara-dia Azy. Ireo izay tsy nanara-dia an'i Kristy dia handàny ny mandrakizainy amin'ny fijaliana mahatsiravina, lavitry ny fanatrehan'Andriamanitra.

Soratra Masina Fototra: Aza gaga amin'izany; fa avy ny andro izay handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony; dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin'ny fitsanganana ho fiainana; fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin'ny fitsanganana ho fahamelohana. (Jaona 5:28-29)

## TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Nampianarin'i Jesosy ny mpanara-dia Azy ny mikasika ny mandrakizay, tamin'ny fampiasàny ny tantaran'ilay lehilahy nanankarena sy ilay lehilahy nahantra.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Nisy lehilahy manan-karena anankiray niakanjo volomparasy sy rongony fotsy madinika sady manaram-po fatratra isan'andro tamin'ny fahafinaretana. Ary nisy olo-malahelo ferena anankiray atao hoe Lazarosy napetraka teo anilan'ny vavahadiny; Ary naniry mba hihinana izay latsaka avy tamin'ny latabatr'ilay manan-karena izy, fa ny alika kosa no avy ka nilelaka ny feriny. Ary maty ilay malahelo, dia nentin'ny anjely ho any an-tratran'i Abrahama; ary maty koa ilay manan-karena, dia nalevina; ary raha nijaly tao amin'ny fiainan-tsi-hita izy ka niandrandra, dia nahita an'i Abrahama teny lavitra eny sy Lazarosy teo an-tratrany. Ary izy niantso ka nanao hoe: Ry Abrahama raiko ô, mamindrà fo amiko, ka iraho Lazarosy mba hanoboka ny tendron'ny rantsan-tànany amin'ny rano mba hampangatsiaka ny lelako; fa fadiranovana aho eto amin'ity lelafo ity. Fa hoy Abrahama: Anaka, tsarovy fa hianao efa nahazo ny zava-tsoanao tamin'ny andro niainanao, ary Lazarosy kosa ny zava-dratsy; fa ankehitriny izy no ampifaliana atỳ, ary hianao kosa no fadiranovana. Ary mihoatra noho izany rehetra izany, misy tevana makadiry ajadona ao anelanelantsika, mba tsy ho afa-mita hankeny aminareo izay te-hiala etỳ, ary tsy ho afa-mita hanketỳ aminay izay eny. Dia hoy izy: Mangataka aminao ary aho, ry raiko: mba hirao Lazarosy hankany amin'ny tranon'ny raiko (fa manana rahalahy dimy aho), mba hilaza tsara aminy, fandrao mba ho tonga atỳ amin'ity fijaliana ity koa izy. Fa hoy Abrahama taminy: Manana an'i Mosesy sy ny mpaminany izy; aoka hihaino ireo izy. Fa hoy kosa izy: Tsia, ry Abrahama, raiko; fa raha misy miala amin'ny maty hankany aminy, dia hibebaka izy. Fa hoy Abrahama taminy: Raha tsy mihaino an'i Mosesy sy ny mpaminany izy, dia tsy hety hino izy, na dia misy mitsangana amin'ny maty aza. (Lioka 16:19-31)

## FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

## SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 19:16-26; Matio 25:45-46; Romana 6:20-23; 1 Tesaloniana 4:13-18)

## FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

## FAMINTINANA

Samy hiseho eo anatrehan'Andriamanitra ho ampamoahana ny amin'ny fiainantsika avy isika rehetra. Ny fandaniana ny mandrakizay miaraka amin'Andriamanitra dia miankina amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

# ILAY MPITSARA

LESONA 4-11

## Hitsara ny Olona Rehetra Jesosy Kristy

### LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Tonga tetỳ an-tany Jesosy hamerina amin'ny laoniny ny fifandraisan'olombelona amin'Andriamanitra. Hiverina etỳ an-tany indray Izy, hamarana ny asan'ny devoly rehetra, ary hitsara ny olona ratsy fanahy, hanameloka ireo izay tsy nandray Azy ho Tompo. Hanome valisoa ny olona marina Jesosy noho ny finoan'izy ireo.

Soratra Masina Fototra: Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika. Koa dia mifampionòna hianareo amin'izany teny izany. (1 Tesaloniana 4:16-18)

### TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Ato amin'ity tantara ity Jesosy dia nanambara mialoha ny fitsarana ho avy amin'ny olona amin'ny fiafaran'ny fiainana eto an-tany.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Fa toy ny Ray manangana sy mamelona ny maty, dia tahaka izany koa no ameloman'ny Zanaka izay tiany. Fa ny Ray aza tsy mitsara olona. Fa ny fitsarana rehetra dia nomeny ny Zanaka, mba hanajan'ny olona rehetra ny Zanaka, tahaka ny fanajany ny Ray. Izay tsy manaja ny Zanaka dia tsy manaja ny Ray, Izay naniraka Azy. Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy. Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Avy ny andro ary tonga ankehitriny, izay handrenesan'ny maty ny feon'ny Zanak'Andriamanitra; ary izay mandre dia ho velona. Fa tahaka ny Ray manana fiainana ho Azy, dia tahaka izany koa ny Zanaka nomeny hanana fiainana ho Azy; ary nomeny fahefana hitsara Izy, satria Zanak'olona. Aza gaga amin'izany; fa avy any andro izay handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony; dia hivoaka izy: izay nanao tsara dia ho any amin'ny fitsanganana ho fiainana; fa izay nanao ratsy kosa dia ho any amin'ny fitsanganana ho fahamelohana. Raha Izaho ihany, dia tsy mahay manao na inona na inona; araka izay reko no itsarako; ary marina ny fitsarako; fa tsy mitady ny sitrapoko Aho, fa ny sitrapon'Izay naniraka Ahy. (Jaona 5:21-30)

### FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

### SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Marka 9:41-48; 1 Korintiana 3:11-15; 2 Korintiana 5:10; Apokalypsy 20:11-15)

### FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

### FAMINTINANA

Nampitandrina antsika Jesosy fa tokony ho vonona isika amin'ny fiverenany hitsara ny ratsy fanahy sy hamaly soa ireo niaina tamin'ny fahamarinana.

# NY FANASAN'NY TOMPO

LESONA 4-12

## Ny Maha-zava-dehibe ny Fahatsiarovana ny Nahafatesan'i Kristy noho ny Otantsika

### LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Nanome toro-marika ireo mpanara-dia Azy Jesosy, mba handraisany ny Fanasàn'ny Tompo isaky ny fotoanany. Izany dia natao hanehoana an-tsary hahatsiarovana ny fahafatesana, ny sorona nataon'i Jesosy, izay nandoa ny tambin'ny otan'ny olona.

Soratra Masina Fototra: Ary nandray mofo Izy, ary rehefa nisaotra, dia novakiny ka natolony azy sady nataony hoe: Ity no tenako izay omena ho anareo; izao no ataovinareo ho fahatsiarovana Ahy. Ary araka izany koa ny kapoaka, rehefa vita ny sakafo, dia hoy Izy: Ity kapoaka ity no fanekena vaovao amin'ny rako, izay aidina ho anareo. (Lioka 22:19-20)

### TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Ny alina nialoha ny fahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana, dia niara-nisakafo farany tamin'ny Mpianany Izy. Tao anatin'izany fotoana izany no nitakiany ny mba hahatsiarovan'ny mpianatra isaky ny fotoanany Azy sy ny Fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary raha manao izao didy izao aho, dia tsy midera anareo tsy akory, satria tsy miangona hihatsara hianareo, fa hiharatsy. Fa voalohany indrindra, raha miangona ao am-piangonana hianareo, dia reko fa misy fisarahana eo aminareo; ary mba misy inoako ihany izany. Fa tsy maintsy misy fitokoana eo aminareo, mba haseho eo aminareo izay olona ankasitrahana. Koa raha miangona hianareo, dia tsy misy hihinanana ny Fanasan'ny Tompo akory. Fa raha mihinana hianareo, dia samy homana ny sakafony avy aloha hianareo; koa ny anankiray dia noana, fa ny anankiray kosa mamo. Moa tsy manan-trano hihinanana sy hisotroana va hianareo? Sa manao tsinontsinona ny fiangonan'Andriamanitra ka manome henatra ny tsy manana? Inona no holazaiko aminareo? Hidera anareo va aho? Tsy hidera anareo amin'izany aho. Fa izaho efa nandray tamin'ny Tompo izay natolotro anareo kosa, fa Jesosy Tompo tamin'iny alina iny izay namadihana Azy, dia nandray mofo, ary rehefa nisaotra Izy, dia novakiny, ka hoy Izy: Ity no tenako ho anareo; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. Dia araka izany koa ny kapoaka, rehefa nihinana, dia hoy Izy: Ity kapoaka ity no ilay fanekena vaovao amin'ny rako; izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy, na oviana na oviana no misotro hianareo. Fa na oviana na oviana hianareo no mihinana itony mofo itony sy misotro amin'ny kapoaka, dia manambara ny fahafatesan'ny Tompo hianareo mandra-pihaviny. (1 Korintiana 11:17-26)

### FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

### SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Lioka 22:7-38; Jaona 6:47-58; 1 Korintiana 11:17-34; Apokalypsy 19:9)

### FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

### FAMINTINANA

Ny fanasàn'ny Tompo dia fotoana hanajana an'i Jesosy ary fotoana izay andinihantsika tena, hahitana raha ankasitrahan'Andriamanitra ny fiainantsika. Fotoana izay tokony itsaohana ny Tompo, izay nanome ny Tenany ho an'ny olona rehetra izany.

LESONA 4-13

# BATISA

## Manao Fanambarana Ampahibemaso ny Finoana an'i Kristy

### LOHAHEVITRY NY LESONA – Omano ny Tany

Ny batisan'ny rano dia manan-danja tokoa eo amin'ny fiainan'ny mpino vaovao. Ny batisa no fotoana anaovan'ny mpino vaovao fanambarana ampahibemaso ny finoany an'i Kristy; amin'ny alalan'ny fandrotsahana azy ao anaty rano maneho ny sarin'ny fahafatesana tamin'ny fomba fiainana taloha. Rehefa atsangana avy ao anaty rano izy ireo, dia maneho an-tsary ny fiainana vaovao ao amin'i Kristy izany.

Soratra Masina Fototra: Ary hoy Petera taminy: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy hianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary hianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina. (Asan'ny Apostoly 2:38)

### TANTARA AO AMIN'NY BAIBOLY – Afafazo ny Voa

Ny Fampidirana dia manome fanazavana mba hanampiana anao hahazo ny tantara.

Nanana zanak'olo-mirahavavy aminy antsoina hoe Jaona mpanao Batisa i Jesosy. I Jaona mpanao batisa dia niteny tamin'ny olona mba hatao batisa ao anaty rano izy ireo ho mariky ny fibebahany amin'ny fahotana. Tsy mbola nanota mihitsy Jesosy, nahatsapa Izy hoe ilaina ny mandalo amin'ity hetsika misy heviny ity, mba hanehoana amin'ny hafa ny maha-zava-dehibe ny batisa.

Manomboka eto ny Tantara ao amin'ny Baiboly.

Ary tamin'izay Jesosy dia avy tany Galilia ka tonga teo amoron'i Jordana, dia nanatona an'i Jaona Izy mba hataony batisa. Fa Jaona nandà Azy ka nanao hoe: Izaho no tokony hataonao batisa, ka Hianao indray va no mankaty amiko? Fa namaly Jesosy ka niteny taminy hoe: Ekeo ihany ankehitriny, fa izao no mety hahatanteraka ny fahamarinana rehetra. Ka dia nekeny Izy. Ary raha vao natao batisa Jesosy, dia niakatra avy teo amin'ny rano niaraka tamin'izay Izy; ary, indro, nisokatra taminy ny lanitra, ary hitany ny Fanahin'Andriamanitra nidina tahaka ny voromailala ka nankeo amboniny. Ary, ijao! nisy feo avy tany an-danitra nanao hoe: Ity no Zanako malalako Izay sitrako. (Matio 3:13-17)

### FIZOTRY NY FITRANDRAHANA – Tondraho ary Asio Zezika

### SORATRA MASINA IANARANA FANAMPINY – Rantsano

(Matio 28:16-20; Asan'ny Apostoly 8:26-40; Romana 6:3-13; Kolosiana 2:9-12)

### FANONTANIANA FAMPIHARANA – Otazo ny Vokatra (2 Timoty 3:16-17)

### FAMINTINANA

Ny Testamenta Vaovao dia mampianatra fa ny batisan'ny rano dia zava-dehibe eo amin'ny fiainan'ny mpino. Maneho ny sarin'ny fahafatesana amin'ny fiainana taloha, sy ny fiainam-baovao ao amin'i Jesosy ny ranon'ny batisa.

*Ny Antso*

# MAMOKARA SY MITOMBOA

Ao amin'ny famoronana isika dia mahita fa namorona ny zavatra miaina rehetra miaraka amin'ny fahafahana "mamokatra" sy "mitombo" Andriamanitra. Ny tantaran'ny famoronana ara-baiboly dia manambara fa ny zava-miaina rehetra, dia noforonina hiteraka "araka ny karazany avy". Fony namorona ny olombelona Andriamanitra, ny fitsipiky ny famokarana sy ny fitomboana dia tsy niova. Nitahy azy ireo Andriamanitra ary niteny taminy hoe: "Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany ka mampanompoa azy; manjakà ao amin'ny hazandrano sy ny ranomasina sy ny voro-manidina ary ny biby rehetra izay mihetsiketsika ambonin'ny tany." (Genesisy 1:28)

Noforonin'Andriamanitra aloha isika, avy eo dia "notsofin'Andriamanitra rano" mba hamokatra sy hameno ny tany. 6000 taona mahery ny taranak'olombelona no nanatanteraka ity didy ity ary nameno ny tany.

Tamin'i Jesosy nandehandeha tetỳ an-tany, dia niteny mikasika izany Izy fa ilain'ny olona ny mahatsapa ny fahaterahana faharoa na ny fahaterahana indray ara-panahy. Ny tena tian'i Jesosy ambara dia tsy afaka miditra ny fanjakan'Andriamanitra hianao, raha tsy mandalo io fahaterahana indray io. Namaly Jesosy hoe: "Jesosy namaly hoe: Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy. Izay ateraky ny nofo dia nofo; ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy." (Jaona 3:5-6)

Niantso antsika ho amin'ny fiainana vaovao Kristy.  Izany fiainana vaovao izany dia nateraky ny Fanahy Masina.  Ekentsika ampahibemaso izany fiainana vaovao izany amin'ny alalan'ny batisan'ny rano. Ny didin'Andriamanitra hamokatra sy hitombo dia mihatra amin'ny fahaterahana vaovao ao amin'ny Fanahy. Ao amin'ny fiainantsika vaovao ao amin'i Kristy, dia nomena tombontsoa sy didy hampitombo ny fiainam-baovao ara-panahintsika isika. "Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany; koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahatamperan'izao tontolo izao." (Matio 28:18-20)

Nantsoin'i Kristy isika mba hanao mpianatra sy hanao batisa azy ireny, ho ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Nantsoina hiaina fiainana miteraka vokatra ara-panahy izay hitarika ho amin'ny fitomboan'ny fahaterahana ara-panahy isika.

Ny ohatry ny Fanaovam-pianatra Mamokara sy Mitomboa ary ny Fandaharam-pianarana dia natao, mba hanaovana mpianatra ny mpanara-dia an'i Kristy, hitarihana azy ireo ho amin'ny fiainana feno vokatra ara-panahy, izay miteraka fitomboana . "Fa efa teraka indray hianareo, tsy tamin'ny voa mety ho lo, fa tamin'ny tsy mety ho lo, dia ny Tenin'Andriamanitra, izay velona sady maharitra." (I Petera 1: 23)

Ny Tompo anie tena hitahy anao amin'ny vokatra tsy mampino ary ny fitomboana ara-panahy dia ho teraka indray eo amin'ny fiainanao manokana sy ny asa fanompoanao. Enga anie isika ka hahita ity tany ity ho feno an'ireo izay nateraka ho ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra!

Fanoroana ny birao ifandraisana amin'ny
Isan-Tokantrano ho an'i Kristy:
BP 754
Mahajanga 401
MADAGASIKARA
MAILAKA: itk@moov.mg

EveryHome for Christ